

**Malagasy**

**Ny  
Fiahian  
'Andriamanitra  
amin 'ny  
Fanasitranana**

**Nosoratan'i A. L sy Joyce Gill**

***www.gillministries.com***

# *Ny Fiahian'Andriamanitra amin'ny Fanasitrana*

*Nosoratan'i A. L sy Joyce Gill*

(God's Provision for Healing)

: [www.gillministries.com](http://www.gillministries.com)

## **Ireo Karazam-Boky Fianarana**

**Ny Fahefan'ny Mpino**

*Ahoana no itsaharana amin'ny faharesena*

*sy anomboana amin'ny fandresena*

**Ny Fiagonana Mandresy**

*Araka ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly*

**Ireo Fanomezam-pahasaoavana ho amin'ny Asa Fanompoana**

*Apostoly. Mpaminany. Evanjalista.*

*Mpitandrina. Mpampianatra*

**Fitoriana Mahagaga**

*Ny planin'Andriamanitra ahatratrarana izao tontolo izao*

**Endriky ny Olom-Baovao**

*Fantaro izo ianao ao amin'i Kristy*

**Tompon'ny Fiainana**

*Ao amin'ny Testameta*

**Fiderana sy Fitsaohana**

*Tonga Mpitsaoka an'Andriamanitra*

**Vavaka**

*Mitondra ny Lanitra ho ety an-Tany*

**Fiainana Mahagaga**

*Amin'ny alàlan'ny Fanomezam-pahasooavan'ny Fanahy Masina*

## **Ny Momba ny Mpanoratra**

A. L sy Joyce dia fantatra maneran-tany fa mpandaha-teny. mpanoratra ary mpampianatra Baiboly. Ny fanompoana Apostolika nananan'i A. L. dia nahatonga azy nitety firenena dimampolo mahery manerana izao tontolo izao. mitory amin'ny vahoaka amanetsiny sy antapirisany maro amin'ny fahita lavitra.

Mihoatra ny fito tapitrisa ny isan'ny boky sy ny boky fianarana lafon'izy ireo. Ny bokin'izy ireo. izay voadika amin'ny tenim-pirenena maro. dia ampiasaina any amin'ny Sekoly biblika sy fampiofanana maneran-tany. s

Ny herin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra izay manova fiaianana dia hita taratra amin'ny faminaniana. fampianarana. soratra ary ny fandefasana video sy casety.

Ny fisehoan'ny voninahitra sy herin' Andriamanitra any amin'ny seminera ataon'izy ireo dia mitarika ny mpino hidera an'Andriamanitra sy mampitombo ny fifandraisany Aminy. Maro ny nahatsapa fandresena sy fahasahiana tamin'ny fampianarana ny fahefanfampianarana ny fahefan'ny mpino

Ry Gills dia nanofana kristiana maro mba hiditra ao amin'ny ministerany mahatalanjona izay nomen'Andriamanitra miaraka amin'ny herin'ny fanasitrana ataon'ny tana'izy ireo. Maro no nahavoaray ny hery miafin'ny Nahary rehefa nampiasa ny fanomezam-pahasoavana sivy avy amin'ny Fanahy Masina teo amin'ny asany sy ny fiaianany andavanandro.

I A. L. sy Joyce dia samy manam-pahaizana amin'ny fianarana Teolojia. Ankoatr'izay. i A. L. koa dia manana doctorat amin'ny Filozofia momba ny Teolojia tao amin'ny Vision Christian University. Ny asan'izy ireo dia mifototra tanteraka amin'ny Tenin'Andriamanitra. ary i Jessosy no ivony. ny finoana sy ny herin'ny Fanahy Masina no foto-pampianarany.

Fanamporofoana ny fitiavan' Andriamanitra no ijoroan'ny fampianaran'izy ireoo. Leur ministère est une démonstration de l'amour du cœur de Dieu. Ny faminaniana sy ny asa ataony dia arahan'ny hosotry ny Fanahy Masina. fahagagana sy ireo famantarana maro avy amin'ny herin' Andriamanitra.

Latsa-dranomaso sady entanin'ny fifohazana anaty. indraindray mihomehy. ireo izay manatrika ny semineran'izy ireo. noho ny herin'ny Voninahitr' Andriamanitra.

## **Teny kely ho an'ireo Mpampianatra sy ny Mpianatra**

Ity fampianarana mafonja momba ny fanasitranana ity dia mampiorina tanteraka ny Teny ao amin'ny mpianatra. ka mahatonga azy ireo ho Mpandray ny fanasitranana. mandeha araka ny fanasitranana ary manasitrana ny hafa. Maro no ho sitrana rehefa mandray izany hery izany

Araka ny bokin'ny Marka. ny anatra faran'i Jesosy. alohan'ny hialany ny tany dia hoe: "hametraka ny tanany amin'ny marary izy ireo ka hanasitrana azy". Hita ao amin'io boky io ireo fanao amin'ny fanasitranana ny marary.

Alohan'ny hampianarana ity lesona ity. dia miangavy anareo mba hijery ny video na hihaino ny kasety misy ny lesona. ary hamaky ny boky izay mifanaraka amin'izany. Arakaraka ny mahavonto ny Tenin'Andriamanitra momba ny fanasitranana anareo no amaharan'izany fahamarinana izany ao an-tsalianareo. Ity boky ity no hanome anao ny torolalana fampitana izany fahamarinana amin'ny hafa.

Mba hahatsara ny fampianarana dia ilaina ny mitantara ohatra izay miseho amin'ny fiainana andavanandro. Ninian'ny mpanoratra atao ny tsy hanome ohatra ato anaty boky mba ahafahan'ny mpampianatra manome ny azy manokana na ny an'ny hafa mety hanintonia ny mpianatra.

Atao an-tsaina lalandava fa ny Fanahy Masina no mampianatra ny zavatra rehetra. ka rehefa mianatra na mampianatra isika dia tsy maimtsy ny Fanahy Masina no mitarika anstika amin'izany.

Mahomby foana ity fampianarana ity na ho an'olo-tokana. na ho an'ny vondron'olona. na ho an'ny sekoly biblika. na ho an'ny sakoly alahady. na ho an'ny fampianarana any an-trano. Tokony samy banana boky na ny mpampianatra na ny mpianatra mandritra ny fampianarana.

Asiana marika. na tsipihina ny boky tokony hovakiana. Misy toerana malalaka azonareo anoratana izay fanamarihana tianareo atao ny boky. Natao mihitsy izay fomba hahamora ny fijerena ireo lohahevitra izay tian'ny mpianatra hiverenana na hojerena. Ny tanjona dia ny mba ahafahan'ny olona nahavita vaky ity boky ity mampianatra ny votoatiny an'ny hafa.

Paoly dia nanoratra ho an'ny Timoty:

**Ary izay zavatra efa renareo tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky. izay hahay mampianatra ny sasany kosa. 2 Timoty 2 : 2**

Ity fampianarana ity dia natao toy ny fampianarana biblika mifototra amin'ny SDM (Système de développement de ministère “MINDS”) izay tsy inona fa fampianarana mandeha miandalana. Ny tanjony dia ny hitomboan'ny mpianatra amin'ny finoana. Ny mpianatra tranainy dia afaka mampianatra ny hafa mora foana raha manaraka tsara ny voalazan'ny boky.

## **Fijerena takelaka**

Lesona voalohany	Fomba fijerin'Andriamanitra ny aretina	7
Lesona faharoa	Fanasitranana ao anatin'ny Fanavotana	18
Lesona fahatelo	Jesosy – Modelintsika	29
Lesona fahefatra	Ny Fanahy Masina sy ny Heriny	40
Lesona fahdimy	Fanasitranana amin'ny Fametrahan-tanana	51
Lesona fahaenina	Ny Teny mivoaka ny vavantsika	61
Lesona fahafito	Fanasitranana amin'ny alalan'ny asa sy ny vavaka	72
Lesona fahavalo	Fanasitranana avy ao anaty	83
Lesona fahasivy	Ny Fanahy Masina sy ny fanomezany	94
Lesona fahafolo	Raiso ary Tano ny Fanasitrananao	106

Ny dikanteny Louis Segond navaozina no nangalana ny fandikanteny.

Raha misy dikanteny hafa dia lazaina eto ihany.

Lesona voalohany

## *Fomba fijerin'Andriamanitra ny aretina*

### **Fampidirana**

#### *> Fijerin'Andriamanitra*

Ilaina indraindray. rehefa mianatra. ny manao jery todika ary mandinika tsara ny fijerin'Andriamanitra. Inona avy ireo fihetsepon' Andriamanitra ny amin'ny aretina?

Eto dia. hohitantsika fa ny Baiboly manontolo dia manambara fa ny fanasitravana sy ny fahasalamana dia tafiditra ao anatin'ny planin'Andriamanitra ary mbola mitohy ho an'ny fiainantsika sy ny asantsika izany mandraka ankehitriny.

Ny fanasitravana dia iray amin'ny fampantanen'Andriamanitra. Rehefa inoana sy iainana io. ny teny fikasana rehetra dia mampivoaka ny herin' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Tokony ho hitantsika sy hinoantsika ary hiainantsika izany fampantanenany izany.

Ohabolana 4: 20. 22 Anaka. tandremo ny teniko; atongi-lano ny sofinao hihaino ny filazako. Fa aina ho an'ny mahazo azy izy ary fahasalamana ho an'nynofony rehetr.

#### *> Fototry ny aretina*

Tsy tokony hanantena fanasitravana avy amin'Andriamanitra isika raha mieritreritra fa avy Aminy ny aretina. Noho izany indrindra no tokony hahaizantsika ny fototry ny aretina.

---

### **NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY FANASITRANANA**

#### **Zava-dehibe ho an'Andriamanitra**

Raha te hahafantatra tsara an'Andriamanitra. dia tokony ho fantarintsika fa Mpanasitrana Izy.

Eksodosy 15: 26b Fa Izaho no Jehovah Izay manasitrana anao.

Raha tsy fantantsika ho Mpanasitrana antsika ny Tompo, dia banga zavatra goavana be ny fifandraisantsika. Zava-dehibe loatra ho an'Andriamanitra Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina ny fanasitravana

#### *> Ny Ray*

Nobitsihin'ny Fanahy Masina i Jaona mba hanoratra amintsika fa ny fanasitravana dia avy sitrapon'Andriamanitra tanteraka.

3 Jaona 2 Ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie hianao, tahaka izay hanambinana ny fanahinao koa.

Tena ilaina mihitsy ny ahazoantsika fa ny fanasitravana dia sitrapon'Andriamanitra.

Voasoratra koa mantsy fa hoy Jesosy.

**Jaona 6: 38** Fa tsy nidina avy any an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'Izay naniraka Ahy.

➤ *Ny zanaka*

Hitantsika foana rehefa mamaky ny Testamenta Vaovao isika. fa manasitrana amin'ny fomba maro samihafa Jesosy. Nitsetra loatra ireo marary mantsy Izzy. Anisan'ny tena nanan-danja teo amin'ny asany tety an-tany ny fanasitranana.

**Marka 1: 40. 41** ARY nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao. dia mahay manadio ahy. Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tanany. dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova hianao.

Zava-dehibe loatra ho Azy ny fanasitranana satria tonga teto antany Izzy mba hanao ny sitrapon'Andriamanitra.

**Hebreo 10: 7** Inty Aho tonga-Ao amin'ny horonam-boky no nanoratana Ahy-Hianao ny sitraponao. Andriamanitra ô”.

Isaky ny manasitrana jesosy. dia manatanteraka ny sitrapon'ny Ray Izzy izay.

**Matio 9: 35** Ary Jesosy nandeha nitety ny tanana rehetra sy ny vohitra. nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra.

➤ *Ny Fanahy Masina*

Zava-dehibe ho an'ny Fanahy Masina ny fanasitranana ary isan'ny Hosotry ny Fanahy Masina izy. Hitantsika ao amin'ny Lioka. ny fanosoran'ny Fanahy Masina an'i Jesosy amin'ny fanasitranany ny fo torotoro.

**Lioka 4: 18 18. . Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko.**

Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izzy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izzy. Sy fampahiratana amin'ny jamba.

Hanafaka izay nampahorina.

Nanosotra an'i Jesosy izy mba hanasitran izay voagejan'i satana.

**Asa 10: 38 ...** Izay nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly. satria Andriamanitra nomba Azy.

**Manamafy ny tenin'Andriamanitra**

Zava-dehibe ny Fanasitranana satria io no fomba iray hanamafisan'Andriamanitra ny Teniny amintsika very sy efa maty.

Marka 16: 20 Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitor-i-teny eny tontolo eny. ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantararana izay nomba azy.

Mila an'i Jesosy ny olona amin'izao fotoana izao. . Naniraka antsika Andriamanitra hitory sy hanao fahagagana

Ny fandroahana devoly sy ny fanasitranana ny aretina dia mampibaribary amintsika ny fahamarinan'ny evanjely.

### **Tsy misy dikany ve ny nijalian'i Jesosy ?**

Raha tsy mitory amin'ny alalan'ny fanasitranana isika. dia hinoana fa tsy ho misy dikany ireo ratra sy kapoka sasany nianjady tamin'i Jesosy.

Isaia 53: 5 Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika Sy notorotoroina noho ny helotsika. Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; Ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika. .

Raha tsy haintsika ny tian'ny tenin'Andriamanitra momba ny fanasitranana. dia tsy ho takantsika mihitsy ny dikan'ny hoe Fahasoavan'Andriamanitra. Tsy hisy dikany amintsika velively ireo vono sy ratra nahazo an'i Jesosy mba hanasitranana antsika.

Galatiana 2: 21 Tsy mahafoana ny fahasoavan' Andriamanitra aho; fa raha avy amin'ny lalana ny fahamarinana. dia maty foana Kristy.

### **Mamonjy aina!**

Ny fanasitranana dia afaka hamonjy ny fiaianao. ny fiaianan'ny fianakavianao. na ny an'ny namanao. Hoy ny mpaminany osea

Hosea 4: 6a Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana.

Fahasoavana nataon'Andriamanitra ho antsika ny fanasitranana ny vatana sy ny fanahy. Tokony ho lava andro hiainana toy an'i davida isika mba ho voninanhitr'Andriamanitra.

Salamo 118: 17 Tsy ho faty aho fa ho velona. ka hitory ny asan'i Jehovah.

Maro ny olona nierem-pahafatesana noho ny fahalalany ny tena dikan'ny fanasitranana.

Jakoba 5: 14. 15 Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon' ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloiloo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy;

Ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary. fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy. dia havela ny helony..

### **Ampahany amin'ny Iraka Lehibe**

#### **> Toromarika ho an'ny Mpianatra**

Nanan-danja lehibe ny fanasitranana ho an'ireo nanaraka sy mpianatr'i Kristy. Tamin'Izy nanasitrana ny farofy sy marary. dia nilaza tamin'ny mpianany roa ambi'ny folo ny mba hanaovan'izy ireo toy izany koa.

Matio 10: 1. 7. 8 Ary Jesosy niantso ny mpianany roa ambin'ny folo lahy hankeo aminy ka nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto sy hahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra. Ary raha mandeha hianareo. dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary. atsangano ny maty. diovy ny boka. avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana hianareo. koa manomeza maimaimpoana.

Niteny Jesosy fa hanao ny asany izay mino Azy. Noho izany. tokony ho zava-dehibe amintsika ny fanasitranana rah ate hanao izay nataon'i Jesosy isika

Jaona 14: 12 12 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy. ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy. satria Izaho mankany amin'ny Ray..

Nilaza Jesosy fa afaka maanao fahagagana sy manasitrana tahaka izay nataony isika.

#### ➤ Didy ho antsika

Anisan'ny lehibe amin'ny Iraka nampanaoan'i Jesosy ny fametrahan-tanana sy fanasitranana.

Hoy Jesosy.

Jaona 14: 15 Raha tia Ahy hianareo. dia hitandrina ny Didiko.

Ity no hafatra farany nataon'i Jesosy.

Marka 16: 15-18 Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo. ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina. Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy. dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tànanana amin'ny marary izy. dia ho sitrana ireny.

Tsy hoe akory fiangaviana ny teny farany nataon'i Jesosy fa Fandidiana. Zava-dehibe loatra ny fanasitranana ny marary rah ate hatao hoa mpanaraka an'i Jesosy marina isika.

## FOTOTRY NY ARETINA

---

### ➔ Avy amin'Andriamanitra sa Satana ny aretina?

Raha mbola misalasala isika ny amin'izany fanontaniana izany dia toy ny tsy manana finoana mihitsy momba ny Fanasitranana. Mba ahazoana miady amin'ny aretina iray. dia ilaina ny mahafantatra ny antony. ny fiandohany. ary ny mety ho vokany eo amin'ny fiainantsika.

## Mitondra Fahafahana ny Fahamarinana

Rehefa hitantsika ny marina momba ny anton'ny aretina iray. dia tsy ho sarotra amintsika ny banana finoana amin'ny fanasitranana azy. Ao amin'i Jesosy no ahitana ny Fahamarinana.

Jaona 14: 6 Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray. afa-tsy amin'ny alalako.

Ny teny sy ny asan'i Jesosy no namboraka ny marina.

Hoy Jesosy.

Jaona 8: 32 ka ho fantatrareo ny marina. ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo.

## Fanontaniana mipetraka momba ny aretina

Mba ahitana ny marina momba ny fiandohana sy fisehoan'ny aretina. dia andeha hovaliantsika ireto fanontaniana manitikitika antsika no sady miverina matetika ireto.

➤ *Tena Sitrak'Andriamanitra marina ve?*

### ➔ **Sitrak'Andriamanitra marina ve hanasitrana ny marary?**

Ny tena sakana lehibe amin'ny fanasitranana ny marary dia ny fisalasalana fa tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra ny zavatra atao. Miditra an-tsehatra eo i satana ka mametraka ao andohantsika ny fisalasalana. ka raha tsy mitandrina isika dia ho very maina ny asa atao.

Hitantsika io fisalasalana io ao anatin'ny vavaka fanao toy ny hoe: “Tompo o. raha sitrakao dia mangataka ny fanasitranana avy aminao izahay...”

Maneho fisalasalana ny amin'ny fanasitranana araka ny sitrapon'Andriamanitra io vavaka io. Raha mbola tsy feno fahatokiana tanteraka isika fa tena sitrapon'Andriamanitra ny fanasitranana dia ho zava-poana ny vavaka ataontsika.

Hitantsika io fisalasalana io tamin'ilay boka raha niteny izy hoe. “raha mety ianao.”

Marka 1: 39-41 Dia nandeha Izy ka nitori-teny tao amin'ny synagogan'ny olona eran'i Galilia sady namoaka ny demonia.

Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao. dia mahay manadio ahy. Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tanany. dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova hianao.

Nofoanan'i Jesosy ny teny hoe «raha » tamin'ny nitenenany hoe ‘mety aho’’ Sitraky ny Ray ny zavatra nataon'i Jesosy.

### ➔ **Sitrak'Andriamanitra ve ny faharariako?**

Ny tena marina dia sitrak'Andriamanitra ny hiainantsika salama sy tomady isanandro isanandro.

3 Jaona 2 Ry malala. mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie hianao. tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany.

Raha afaka manasitrana Jesosy. dia midika izany fa sitrak'Andriamanitra ny manasitrana. Koa satria sitrak'Andriamanitra ny manasitrana. sitrany koa izany ny manasitrana anao

➤ *Hahasoa antsika?*

➔ **Fomba iray iarahan'Andriamanitra miasa amintsika mba hahasoa ny fiainantsika ve ny aretina?**

Maro ny olona nampianarina hoe ny aretina dia toy “zavamiseho tsotra” Paoly aza dia nilaza fa mahatsara antsika izy

Romana 8: 28 Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra. dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.

Ny dikanteny Français Courant. dia manazava tsara amintsika io andininy io. Hoy izy : **Fantatsika fa Andriamanitra dia miasa amin'ny zavatra rehetra hahasoa ireo izay tia Azy. ireo izay nantsoiny araka ny planinany**

Tsindrio tsara ny hoe «amin'ny zavatra rehetra ». fa tsy hoe ny zava-drehetra miasa hahasoa antsika. Avy eo. soloy hoe « ny aretina » ny hoe « zavatra rehetra » dia ho hitanao ny vokatry ny asan'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra

➤ *Manaiky hijaly ho Azy?*

➔ **Fomba iray hanehoana ny fijalina ho Azy ve ny aretina?**

Filipiana 1: 29 Fa hianareo efa nomena noho ny an'i Kristy. tsy ny hino Azy ihany. fa ny hiharam-pahorianana koa noho ny aminy.

Mba hialana amin'ny fandraisana diso io andininy io. dia tsara ny mijery manontolo ny zava-niseho. Eto. i Paoly dia any amponja no manoratra ny fijaliana niaretany noho ny Filazantsara.

Filipiana 1: 12-14 Ary tiako ho fantatrareo. ry rahalahy. fa izay zavatra nanjo ahy dia efa tonga fampandrosoana ny filazantsara kosa; ka ao amin'i Kristy ny fifatorako dia fantatry ny mpiambina andriana rehetra mbamin'ny olona hafa rehetra; ary ny ankabiazan'ny rahalahy dia efa matoky ao amin'ny Tompo noho ny fifatorako ka mihasahisahy kokoa hitory ny tenin'Andriamanitra tsy amin'ny tahotra.

Tsy manambara mihitsy i Paoly eto momba ny fijaliany noho ny aretina. fa ny fijaliany noho ny fanenjehana azy sy ny figadrany noho ny Evanjely no resahany eto

➤ *Ho fanasaziana ve?*

➔ **Moa ve fomba entin'Andriamanitra manasazy olona na ataony mba hananan'ny olona faharetana ny aretina?**

Satana. fa tsy Andriamanitra no manome aretina ny olona.

Joba 2: 7 Dia nivoaka Satana avy teo anatrehan'i Jehovah ka namely vay ratsy an'i Joba hatramin'ny faladiany ka hatramin'ny tampon-dohany.

Tsy hanome homa-miadana ny zanany mihitsy ny ray mba ho enti-manitsy azy noho ny fahadisoany. Koa raha izany. ahoana no ilazantsika fa ny Ray. izay tia antsika. dia afaka hanome aretina antsika ?

Jaona 10: 10 Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana. sady hananany be dia be.

Nilaza Jesosy fa ny demony no tonga hamono antsika. hanaparitaka ny aretina amintsika. mba hahafongana antsika.

Fa Jesosy kosa tonga hanome fiainana feno hasambarana. lavity ny aretina ho antsika. Tonga izy hanome antsika izay nomeny an'i Adama sy Eva rehafa noforonony hitovy endrika aminy izy ireo.

> *Mikasika ny tsilo tamin'i Paoly?*

➔ **Milaza ve ny Baiboly fa aretina ny tsilo tamin'i Paoly**

Noho ny fampianaran-diso azony. misy ny mieritreritra fa ny tsilo tamin'ny vatan'i Paoly dia vokatry ny areti-maso mivavay. I Paoly ihany anefa no nilaza fa fanahy ratsy avy amin'ny devoly izy io. tonga hampijaly azy.

2 Korintiana 12: 7 Ary fandrao hirehareha noho ny habetsaky ny fanambarana aho. dia nasiana tsilo tamin'ny nofo. dia irak'i Satana hamely ahy. fandrao hirehareha aho. .

Tsy misy mihitsy milaza ao amin'ny Baiboly fa ny tsilo teo amin'ny vatan'i Paoly dia aretin'ny vatana.

> *Tsy maintsy ilaina ve ny aretina alohan'ny hahafatesana?*

➔ **Rehefa hiantso antsika Andriamanitra. tsy maintsy vokatry ny aretina foana ve ny hahafatesantsika?**

Fa nahoana moa isika tsy maintsy marary foana vao maty kanefa ny sitrak'Andriamanitra dia ho salama lalandava?

I Moiza no ohatra tsara indrindra ! Dimy amby roampolo amby zato taona izy no maty. Tena mbola salama tsara izy. ka afaka niakatra ny tendrombohitra mba hihaona amin'Andriamanitra. Mbola nahita tsara koa izy. ary tena mbola natanjaka.

Deoteronomia 34: 7 Efa roa-polo amby zato taona Mosesy vao maty; ary tsy pahina ny masonry. na nihena ny herin..

Raha misy antitra marary. ny sitrapon'Andriamanitra dia ny hahasitrana azy. Fa rehefa tong any ora voatondron'Andriamanitra. mandoa ny vatany ny fanahiny. ary mijanona ny fony

> *Avelan'Andriamanitra hiseho ve izany?*

➔ **Sitrak'Andriamanitra ve ny hiavian'ny aretina na ny fahafatesana aloha loatra amin'ny olony?**

Maro ny manome tsiny an'Andriamanitra rehefa tongan y aretina na ny fahafatesana ka manao hoe «Andriamanitro o. nahoana kosa no dia avelanao ho tonga izao zavatra izao?»

Nanana ny fahefana tamin'ny zavaboary rehetra tanteraka i adama sy Eva rehefanoforoin' Andriamanitra tahaka Azy

**Genesisy 1: 26a Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika. araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka...**

Naverin'i Jesosy io fahefana very vokatry ny fahotan'i Adama sy Eva io.

**Matio 16: 19 Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao eto ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.**

Avy amin'ny herin'ny satana ny aretina. kanefa Jesosy dia niteny fa manana ny hery (fahefana) hiadiana amin'ny fahavalano ny mpino ankehitriny.

**Lioka 10: 19 Indro. efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalano hianareo. ka tsy hisy hampaninona anareo akory.**

Rehefa tsy ampiasaintsika io fahefana nomen' Andriamanitra antsika io. dia mamela ny devoly hitondra aretina sy fahafatesana amintsika sy ny olona tantsika isika.

## Fototry ny aretina

Avy amin'ny devoly avokoa fa tsy Andriamanitra ny aretina. Maro no marary satria namela malalaka ny fanahin'ny faharatsiana sy ny fahotana hiasa ao aminy. na mety tsy nanaraka toromarika ara-pahasalamana sy fihinanana.

**Efesiana 4: 27 Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.**

Raha mampiasa ny fahefana izay efa tafaverina amintsika indray isika. dia afaka hanohitra ny devoly. fanahy maloto. ny aretina izay eo amintsika isika

**Jakoba 4: 7b ...ary manohera ny devoly. dia handositra anareo izy..**

Ny mino dia manana ny fahefana handroaka devoly. sy hanasitrana ireo aretina isankarazany.

**Matio 10: 1 Ary Jesosy niantso ny mpianany roa ambin'ny folo lahy hankeo aminy ka nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto sy hahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra. .**

Matoa ny devoly mahavita zavatra amintsika. dia isika mihintsy no mamela azy hanao. Ny fanontaniana tokony hipetraka izany dia izao “Nahoana isika no mamela izao zavatra izao ho tonga” fa tsy hoe “Andriamanitro o. nahoana kosa no dia avelanao ho tonga izao zavatra izao?”

**Naoty:** Mba azahoana mahazo tsara ity lohateny ity. dia tsara raha mamaky ireto boky ireto *Autorité du Croyant* nosoratan'i A. L. Gill sy ny bokiny *Destiné à Dominer*.

## MAMPIASA NY ARETINA I SATANA ENTINA MANDREY ANTSIKA

---

### Ny nirodan'an'ny satana

Rehefa nikomy tany an-danitra satana sy ny anjeliny dia nazera tety an-tany. Vakantsika ny andininy.

Apocalypsy 12: 7-10 Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady. nefy tsy naharesy. sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra.

Ary nazera ilay dragona. dia ilay menarana ela. izay atao hoe devoly sy Satana. izay mamilaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy. ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.

Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika. Ary ny fahefan'ny Kristiny. Satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika. Dia ilay miampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman-alina.

### Ny Olona. mitovy endrika amin'Andriamanitra

Noforonin'Andriamanitra tahaka Azy ny olona teo amin'ny planeta nanjerany an'ny satana. Noforoniny hanjaka ny olona eo amin'ny tany izay mbola eo ambany vahahohon'ny satana hatramin'izao.

Genesisy 1: 26. 28 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika. araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany. ka mampanompoa azy; ary manjakà amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany.

#### ➔ Noforonina ny olona mba:

- hitovy amin'ny Andriamanitra
- handeha tahaka an'Andriamanitra
- hiteny tahaka an'Andriamanitra
- ary mba hanjaka manerana ny tany

### Mankahala anareo i satana

Mba meteza ianareo eo amin'ny toeran'ny satana. Rehefa avy nilingilingy tany an-danitra dia voadaka ho ety amin'ny planeta tany. Entanin'ny fankahalana mavaivay an'Andriamanitra. ilay mpikomy te-ho lehibe indrindra dia nanatrika tamim-pankahalana tanteraka ny famoronan'Andriamanitra ny olona hitovy

endrika Aminy. izay mbola nomeny fahefana hanjaka amin'ny zava-drehetra koa avy eo!

Ahatsiarovan'ny satana an'Andriamanitra ny fahitany olombelona iray – izay no maharomotra azy foana. Tena halany ny mahita olona te hitovy fihetsika amin'ny Andriamanitra. Miseho izany fankahalana izany amin'ny halatra. vono olona ary fandringanana.

Ny apostoly Jaona nanoratra momba izany.

**Jaona 10: 10a Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana.**

Hain'ny satana fa mpisolotena an'Andriamanitra isika eto antany. Vatan'I Kristy isika. ary ny tena zavatra tian'I satana indrindra dia ny haharesy antsika.

➤ *Ny Olona. voagejan'i satana*

Ny fahapotehina. ny fahafatesana ary ny fandringanana no asa ilofosan'i satana. Nandritra ny efatra arivo taona dia niaina teo ambany fangejana sy fandandevozan'i demomia ny olona

- Ny olona izay tokony hanjaka. dia izy indray no lasa marefo. jamba. lasa mpangataka amoron-dalana sisa
  - Ny vehivavy izay tokony hijoro tsy misy kilema. dia indrisy fa lasa vokoka sy marary lava ary very fanantenana sisa
  - Ilay olonanoforonin'Andriamanitra (hitovy aminy). indrisy fa dia rotiky ny habokana sis any vatany manontolo.
- ➔ **Tonga Jesosy hanafaka antsika amin'ny fanagejana. fanandevozana sy vahahohon'ny aretina sy faharatsiana rehetra**
- Tian'Andriamanitra ny hanafaka antsika amin'ny fanagejan'i satana. Tiany hiala amin'ny fatotry ny fahotana isika ary tiany ho salama tsara**
- I satana no fototry ny aretina sy ny faharatsiana fa tsy Andriamanitra velively.**

# **FANONTIANANA FAMERENAN-DESONA**

1. Nahoana no zava-dehibe ho an' Andriamanitra ny handraisanao ny fanasitranana sy ny hanaovanao izany ho an'ny hafa?
  2. Andriamanitra. amin'ny maha-Ray be fitiavana Azy ve. dia hanome aretina ny zanany?  
Hazavao. tohano amin'ny Soratra masina ny hevitrao.
  3. Raha ianao no satana. ka mba te hampiseho ny fankahalanao an' Andriamanitra. inona avy ny valifaty mety hataona amin'ny olombelona. Tanisao.
  4. Tonga Jesosy hanafaka antsika. Azonao lazaina ve ny antony mbola hiafianao miaina miaraka amin'ny aretina ao amin'ny vatanao.

Lesona Faharoa

## *Fanasitranana ao anatin'ny Fanavotana*

Raha misy ny tena Fahamarinana nezahin'ny satana nafenina indrindra tamin'ny kristiana dia ny tsimbaratelon'ny fanasitranana izay nomen'I Jesosy antsika raha nijaly sy novonoina ary nitsangana tamin'ny maty Izy. Isika mahalala fa tonga Izy hamonjy antsika, fa maro no mihevitra fa ny fanasitranana dia asan'Andriamanitra ho an'olona voafantina – na asa natao ho an'ny olona taloha.

Mino isika fa “nolefonina Izy noho ny helotsika”. fa tsy mino isika hoe ny “diankapoka nahazo Azy anie no nahositrana antsika”. Eny fa na dia andininy iray ihany aza no misy azy ireo.

**Isaia 53: 5 Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika Sy notorotoroina noho ny helotsika. Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; Ary ny diankapoka taminy no nahositrana antsika. .**

**Nanao fifanekna tamintsika Andriamanitra ary tafiditra ao anatin'io fifanekena ion y fanasitranana.**

### **FIFANEKENA AMIN'ANDRIAMANITRA**

---

Ny fianarana amin'ny antsipirihany ny tenin'Andriamanitra no ahafantarantsika ny planin'Andriamanitra. Ny fianarana ny Testamenta Taloha dia manseho ny maha-Izy Azy sy ny asan'i Jesosy-Kristy izay notanterahiny tao amin'ny Testamenta Vaovao. Ohatra amin'ny fanavotana antsika amin'ny fatotry ny fahotana ny fivoahan'ny zanak'Israely tany Egypta namakivaky ny Ranomasina Mena.

#### **Fifanekena**

- ➔ **Ny fifanekena dia toky matotra tsara ifanaovan'ny vondrona roa. na olona roa. fa eto amin'ity fampianaranana ity dia ifanaovan'Andriamanitra sy ny olony.**

Vao tafavoaka ny Ranomasina Mena i Israely. tonga dia nanao fifanekena fanasitranana taminy Andriamanitra. ary nasehony taminy fa Mpamasitrana Izy

Eksodosy 15: 26 ka hoy Izy: Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitroa hianao ka hanao izay mahitsy eo imasonry sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra. dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny. izay nataoko tamin'ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahositrana anao.

Ny teny Hebreo. Jehovah-Rapha. dia misy antony. Izaho no Andriamanitra Mpamorona. na Izaho no Andriamanitra izay manasitrana anao.

## Ireo Anaran'ny Fifanekena tamin'Andriamanitra

Jehovah no anaran'ny famonjena ho an'Andriamanitra ary midika hoe : Ilay misy ao aminy ary miseho ao Aminy. Jehovah dia misy anaram-pamonjena fito izay mampisondrotra Azy araka izay ilain'ny Olony amin'ny Fifanekena.

### > Jehovah-Shammah

#### ➔ Eto Andriamanitra.

Ezékiela 48: 15b ...ary ny tanàna no ho ao afovoany..

### > Jehovah-Shalom

#### ➔ Andriamanitra dia Fiadanana.

Mpitsara 6: 23. 24a Fa hoy Jehovah taminy: Fiadanana anie ho anao; aza matahotra; tsy ho faty hianao tsy akory.

Ary Gideona nanorina alitara teo ho an'i Jehovah. ary ny anarany nataony hoe Jehovah-saloma;

### > Jehovah-Raah

#### ➔ Jehovah no Mpiandry ahy.

Salamo 23: 1 JEHOVAH no Mpiandry ahy. Tsy hanan-java-mahory aho.

### > Jehovah-Jireh

#### ➔ Jehovah dia Fisehoana.

Genesisy 22: 13. 14 Ary Abrahama niherika njery. ka. indro. nisy ondrilahy teo ivohony. voasangazotry ny kirihitrala ny tandroney; dia lasa Abrahama ka naka ny ondrilahy ary nanatitra azy ho fanatitra dorana ho solon'ny zanany. Ary ny anaran'izany tany izany dia nataon'i Abrahama hoe Jehovah-jire; dia izany no anaovana mandraka ankehitriny ny hoe:. Any an-tendrombohitra no hiseoan'i Jehovah.'

### > Jehovah-Nissi

#### ➔ Jehovah no Mandako. Fandreseko. na Kapiteny.

Eksodosy 17: 12. 13. 15 Fa efa vizana ny tangan'i Mosesy; ka dia naka vato izy roa lahy. ka nataony teo ambanin'i Mosesy hipetrahany; ary Arona sy Hora dia nanohana ny tangan'y. ka ny iray tamin'ny anila. ary ny iray kosa tamin'ny anila; dia naharitra tsy nidina intsony ny tangan'y mandrapahafatin'ny masoandro.

Dia nanorina alitara Mosesy ka nanao ny anarany hoe: Jehovah Nisi. Jehovah-Tsidkenu

#### ➔ Jehovah. Fahamarinantsika.

Jeremia 23: 6 Amin'ny androny no hamonjena ny Joda. Sy handrian'ny Isiraely fahizay. Ary izao no anarany izay hanononana Azy: JEHOVAH FAHAMARINANTSINKA. .

➤ *Jehova-Rapha*

► **Izaho no Jehovah. Mpiahy sy Mpanasitrana anao**

Exode 15: 26b fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao.

Tsy misy mihitsy ao amin'ny Baiboly Andriamanitra manafoana an'io Fifanekena io. Tsy hita ao koa ny hoe "Izaho no Andriamanitrareo taloha" na hoe "Izaho ilay Andriamanitra Nanasitrana anareo". Tsy mbola niteny koa Jehovah hoe "Izaho ilay Andriamanitra mamparary anareo"

Tsy miova Andriamanitra. Izy ilay omaly. anio ary mandrakizay. ary dia mbola Izy no Ilay Mpanasitrana antsika.

**Fampanantenana Fifanekena**

**Fanasitranana**

Jehovah-Rapha dia fanehoana ny Fampanantenana Fifaneken' Andriamanitra hanasitrana ny olony.

Araka ny fieritreretan'i Davida. ny fanambaran'Andriamanitra ho Jehovah-Rapha ny Tenany dia tena ninoan'ny Israelita ka nahatonga azy ireo ho salama ara-batana tokoa.

Salamo 105: 37b Ary tsy nisy nangozohozo na dia iray akory aza tamin'ny fireneny.

Rehefa nanota ny Israely ka narary. dia nifona izy. ary nanao sakrifisy ny Levita. dia nihaino azy Jéhovah-Rapha. Ankehitriny. rehefa mitory ny Filazantsara momba ny famonjena sy ny Famelan-keloka isika. dia aoka ho tsapantsika fa mbola ilay Fampanantenana Fifanekena ihany no anasitranana ny marary.

**FANAMBARAN'I ISAIA – ILAY MPAMONJY MPANASITRANA**

---

An-jato taonany maro. dia niezaka ireo manam-pahaizana hebreo fa Isaia telo amby dimampolo dia tsy ao anatin'ny Sorastra Masina Jiosy. Kanjo nony hita tao Quram tamin'ny 1947 ny Soratra Masina. akory ny hagagana fa ny Bokin'I Isaia no Boky hita iray manontolo tsy nanimbinana. hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Voarakitra ao anatiny avokoa ny faminanian'i Jesosy izay hita ao amin'ny toko faha telo amby dimampolo

**Iza no hinoana?**

Izao no nosoratan'i Isaia.

Isaia 53: 1a Iza no nino ny teny nampitondraina anay?

"Iza no nino izay nolazainay?" Manana safidy isika rehefa mi-anatra an'io fanambarana io. Afaka mino izany isika ka migo-ka ny soa entiny. na koa tsy hino izany dia miala maina fotsiny amin'izao.

## **Inona no atao hoe Herin' Andriamanitra?**

**Isaia 53: 1b Ary izo no nampisehoana ny sandrin'i Jehovah?**

Izay mino ny fanambarana ihany no ampisehoan'i Jehovah ny sandriny. Ny Herin'i Tompo no tiana ho lazaina amin'ny hoe Sandrin'I Jehovah.

Mipetraka ny fanontaniana: "Manao ahoana ny herin'ny Andriamanitro?"

Manambara ny herin' Andriamanitra amintsika Isaia.

**Isaia 45: 12 Izaho no nanao ny tany Sy nahary ny olona eo amboniny; Ny tànako ihany no namelatra ny lanitra. sy nandahatra ny eny aminy rehetra.**

Avy eo. toy izao ny nahitan'i Isaia ny sandry sy sofin'i Jehovah.

**Isaia 59: 1 INDRO. ny tànan'i Jehovah tsy fohy. fa mahavonjy. Ary ny sofiny tsy lalodalovana. fa mahare;**

Mahery Andriamanitra! Ny sandriny sy ny tanany no namelarany ny lanitra. Jesosy. Andriamanitra tonga nofo. manijitra ny tanany ary manasitrana ny farofy. Nasehony ny herin'ny sandriny ary tsy mbola nihafohy akory ny tanany ka hoe tsy hahavonjy sy tsy hasistrana ny marary Izy ankehitriny.

## **Famborahana**

Izay mino dia hahavoaray tsara izay tian'izany fanambarana izany lazaina. Ho tsapany fa ny fiahian' Andriamanitra ny olona momba ny fanasitranana dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny asa famonjena ataon'i Jesosy ny fanahintsika.

Zavatra avy any ambony no manome izany fahatsapana izany ao anatin'ny olona – ka ho tonga ao anatin'ny sainy ny tena dikan'ny Fahamarinan' Andriamanitra. Tsy avy amin'ny herintsiaka velively ny ahazoana izany fahatspana izany. Tsipihosy tsara ny teny hoe "fahatsapana."

**Isaia 53: 1b Ary izo no nampisehoana ny sandrin'i Jehovah?**

"Logos" dia teny grika midika hoe Tenin' Andriamanitra voasoratra. Rehefa manambara Teny amintsika Andriamanitra. lasa rhéma io teny io avy eo. Née hoe "Rhéma" dia teny grika anehoana teny manokan' Andriamanitra. na famborahan' Andriamanitra amintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny Teniny.

Rehefa mamaky ny tenin' Andriamanitra isika matetika. dia misy fahamarinana azo tsapain-tanana manazava ny saintsika. Te hikiaka isika hoe. " Nanampian' Andriamanitra ny toko sy andininy ao anaty Baiboliko! Izany mihitsy no zavatra tena nilaiko izay tsy hitako taloha!"

Nasehon'Andriamanitra tamintsika ny fahamarinana. Lasa rhéma manokana ilay logos. Entanim-pinoana mafy isika amin'io fotoana io. ka io finoana io no mamporisika antsika hitady sy koa handray ny fanasitranana izay efa nomanin'i Jesosy ho antsika.

Romana 10: 17 Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny. ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy..

Andao hiverenantsika ny nambaran'Isaia.

Isaia 53: 3-5 Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy; Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana. Ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy; Natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika.

### Azo antoka fa Izy

Ekena fa ny fijalantsika no nentiny. ny fahorantsika no nobaben. isika anefa etsy andaniny nihevitra Azy ho nosazian'Andriamanitra. Kanefa anie dia ny fahadisoantsika sy ny fahotantsika no nahavoahombo Azy. Isika no tokony hosaziana kanefa dia Izy no niaritra izany mba hanasitranana antsika

Hita ao amin'ny andininy fahefatra ny teny hoe "tokoa." Inona anefa no tena dikan'ny teny hoe "tokoa"

- Misy fiantohana na fahatokiana.
- Tsy misy fisalasalana.
- Tsy am-pihambahambana.
- Tsy azo lavina.
- Tena marina.
- Heverina fa marina.

### Ny fijalian'i Jesosy

Ny dikanteny Français Courant dia manazava kokoa amintsika io andalana io

Isaia 53: 4. 5 Nitondra ny aretintsika tokoa Izy Sady nivesatra ny fahorantsika; Kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefo Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika Sy notorotoroina noho ny helotsika. Ny fampijaliana nahazo-antsika fihavanana no namelezana Azy; Ary ny dian-kapoka taminy no nahositranana antsika. .

Izao no nosoratan'Isaia. "Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahorantsika." Mampahery sy manome toky antsika io andininy io. Nobaben'I Kristy avokoa na ny fahotantsika. na ny aretintsika na ny fahorantsika mba tsy hitondratsika izany intsony.

Inona no ambaran'Isaia amintsika? Inona no niaretan'i Jesosy mba hanavotana antsika?

- Ny aretintsika. ny fahalementsika. ny ny famoizampontsika
- Ny fahorantsika – ny fangirifirantsika
- Ny fandikandalana vitantsika
- Ny fahadisoantsika
- Ny fahatoniana sy firindran'ny fiainantsika milamina tsara
- Ny fanasitranana mba hahasalama antsika

**Afaka manambara am-pahatokiana tsara isika fa. . ."Ny dian'ny tsorakazo tamin'ny Vatany no nahasitrana antsika"**

Raha mino tsy am-piambahambana isika fa nitondra ny fahotantsika Izy mba hahafaka antsika. dia tokony hino koa isika fa nitondra ny aretintsika sy ny fahorantsika koa Izy.

### **Jesosy. Ilay Mpisolo antsika**

Nisolo vaika antsika i Jesosy Kristy rehefa nanao ny asan'ny Famonjena. Nisolo toerana antsika Izy. Koa noho izany. tsy vitan'ny hoe misolo toerana fotsiny Izy fa tsy maintsy mibaby izay vokatry ny fahotantsika koa.

1 Petera 2: 24 ary Izy nitondra ny fahotantsika (Isa. 53. 12) tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo. mba ho faty ny amin'ny ota isika. fa ho velona ny amin'ny fahamarinana; ary. . ny dian-kapoka taminy no nahasitrana anareo"

Alohan'ny hanombohana Azy. dia nokapoina iJesosy.

Matio 27: 26b ...; fa Jesosy nasainy nokapohina. dia natolony mba hohomboana tamin'ny hazofijaliana. .

Ny fijaliany noho ny kapoka mafy nahazo Azy. izay nampion-gotra ny nofo tao amin'ny lamosiny. dia ampy ilazana fa nisolo toerana antsika Izy. Nentiny avokoa ny aretina sy fahorantsika.

Ny asan'ny Famonjena nataony dia nahavoavidy ny fahotantsika no sady nanafaka antsika tsy hibaby ny fahotana vitantsika.

### **Ny fanasitranana – Isan'ny Planin'ny Famonjena**

➔ **Ireto avy ny vokatry ny fandraisantsika tanteraka ny Famonjena:**

- Ny fiadanana mandrakizay amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy Mpamony antsika.
- Ny fahasitranan'ny vatantsika amin'ny alalan'ny finoantsika an'i Jesosy Kristy ho Mpanasitrana.

Zava-dehibe loatra ho an'ny kristiana ny mahalala fa fanasitranana dia anisan'ny planin'ny Famonjena ho antsika olona efa very. Toy ny nidinany tety an-tany hiaritra ny tambin'ny fahotantsika, dia niantoka ny fanasitranana antsika kola I Kristy. Tena Tanjon'Andriamanitra ny hananantsika olombelona saina tomady sy vatana salama.

Mba ahazoantsika migoka tanteraka izany fahasoavana izany anefa, dia tokony ho fatantsika tsara ny dikany amin'ny alalan'ny finoana ny Tenin'Andriamanitra.

## **NY FINOANA SY NY FAHATSAPANA**

---

### **Fianteherana amin'ny fahatsapana**

Isan'ny iray amin'ny tsy azahoana ny fanasitranana ny fiankinana amin'ny fahatsapana. Na dia mampitombo ny finoantsika aza ny fahitana olona sitrana. Ny Tenin'Andriamanitra ihany no fototry ny fanasitranana. Tokony ho haintsika ny ambaran'ny Soratra Masina momba izany!

Andao hiverenana Isaia.

**Isaia 53: 1b Ary iza no nampisehoana ny sandrin'i Jehovah?**

Tsy maintsy valiantsika izany fanontaniana izany? Tena mino ny Tenin'Andriamanitra ve aho?

➔ **Manana safidy iray aho.**

➤ **Mahatoky ny tenin'ny mpitsabo ve aho ?**

**Mahatoky ny tenin'Andriamanitra ve aho?**

➤ **Mahatoky ny fombafomba fanaoko ve aho?**

**Mino ve aho fa niteny sy niseho tamiko Andriamanitra ?**

Rehefa maharay teny rhéma avy amin'ny Andriamanitra isika, dia tonga ao amin'ny saintsika avy hatrany ny finoana. Na eo aza ny tenin'ny mpitsabo, na ny fahatsapana, na ny fomba fanaantsika, ny finoana ihany no lehibe indrindra.

Eto amin'ity fanoharana manaraka ity, hohitanao tsara ny fahasamihafan'ny finoana amin'ny fahatsapana sy ny finoana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

## **VALINY MAHAZATRA**

Fanontaniana: Voavonjy ve ianao?

Valiny: Eny!

Fanontaniana: Ahoana no ahalalanao izany?

Valiny: Ny Baiboly no milaza ahy izany!

Fanontaniana: Sitrana ve ianao?

Valiny: Tsia!

Fanontaniana: Ahoana no ahalalanao izany?

Valiny: Mbola marary aho!

## **Fanasitranana amin'ny alalan'ny Finoana**

Amin'ny alalan'ny finoana ihany no ahazoana fanasitranana. Ny fianarantsika. ny finoantsika sy fandraisantsika ny Tenin'Andriamanitra ihany no mahasitrana antsika.

Izao no nosoratan'i Paoly.

**Romana 3: 3. 4a Fa ahoana kosa ary? Raha tsy nino ny sasa-ny. moa ny tsi-finoanay va hahafoana ny fahamarinan'An-driamanitra?**

**Sanatria izany! Aoka Andriamanitra no ho marina. fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga;**

Tsy miova Andriamanitra. Manatanteraka ny Fampanantenany amin'ny fanasitranana Izy. Mila mino fotsiny isika !

➤ “Ny dian’ny rotsakazo Taminy no nanasitrana antsika!”

➤ “Ny dian’ny rotsakazo Taminy no manasitrana antsika!”

➤ *Voavonjy aho*

*Satria Andriamanitra no nilaza izany!*

“Indraindray. toy ny mahatsapa tena tsy voavonjy aho - nefafantatro ihany fa sitrana aho satria mino ny hafatr'Andriamanitra aho.”

**1 Jaona 5: 13a Izany no nosoratako aminareo. ...mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay hianareo.**

➤ *Sitrana aho*

*Satria Andriamanitra no nilaza izany!*

“Indraindray. toy ny mahatsapa tena tsy sitrana aho - nefafantattro ihany fa sitrana aho satria mino ny hafatr'Andriamanitra.”

Isaia 53: 5 Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika Sy notorotoroina noho ny helotsika. ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy;

Tsy mila mieritreritra ny zavatra tsapantsika na hitantsika isika vao mandray vokatsoan'ny Finoana. Tsy tokony avelantsika hisy fiantraikany amin'ny finoantsika ho sitrany ny tenin'olonkafa

Hoy ny sasany.

➤ “Nahoana no tsy salama daholo ny olona raha tena sitrapon’Andriamanitra ny hahasitrana azy rehetra ?”

Mety hiteny koa isika hoe.

➤ “ Nahoana no tsy voavonjy daholo ny olona raha tena sitrapon’Andriamanitra ny hahavoavonjy azy rehetra?”

Izao ny valin’ireo fanontaniana ireo.

➤ Tokony hino izy rehetra.

Amin'ny finoana ny Tenin'Andriamanitra no azahoantsika ny Famonjena. Toraka izany koa. amin'ny finoana ny Tenin' Andriamanitra no azahoantsika fanasitranana.

## **NINO NY APOSTOLY-ISAN’NY PLANIN’NY FAMONJENA NY FANASITRANANA**

Nino ny apostoly fa anisan’ny planin’ny Famonjena ny Fanasitranana rehefa nanasitrana olona sy nanoratra ny Tenin'Andriamanitra izy ireo

### **Nino Matio**

Nino ny tenin'Andriamanitra nosoratan’Isaia i Matio.

Matio 8: 16. 17 Ary nony hariva ny andro. dia nentin’ny olona tany aminy ny demoniaka maro; ary ny teniny ihany no namoa-hany ny fanahy ratsy. ary izay narary rehetra dia nositrainy avokoa. mba. hahatanteraka izay nampilazaina an’Isaia mpa-minany hoe:.. Izy naka ny rofintsika sy nitondra ny aretintsika”

Isaia 53: 4 Nitondra ny aretintsika tokoa Izy Sady nivesatra ny fahorantsika; Kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina.

### **Nino Petera**

Nino ny Tenin'Andriamanitra nolazain’Isaia i Petera.

1 Petera 2: 24 ary nitondra ny fahotantsika tamin’ny tenany teo ambonin’ny hazo. mba ho faty ny amin’ny ota isika. fa ho velona ny amin’ny fahamarinana; ary. . ny dian-kapoka taminy no nahasitrana anareo”

Nino ny Tenin'Andriamanitra i Petera rehefa nahasitrana olona voalohany taorian’ny nialan’i Jesosy teto an-tany

**Asa 3: 6 Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho. fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazarea. mitsangantsa-ngàna.**

## **Ny Tenin'Andriamanitra**

### **> Dia tena marina**

Tsy hoe nino ny hafatr' Andriamanitra fotsiny i Petera. fantany fa marina loatra ny Tenin'Andriamanitra mihoatra amin'ny traikera n any fahatsapana

**2 Petera 1: 19a Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika;**

### **> Mitoetra mandrakizay**

Fantatr'i Petera fa Velona sy maharitra Mandrakizay ny Tenin' Andriamanitra. Velona izy ary miasa amin'ny fiainantsika

**1 Petera 1: 23 fa efa teraka indray hianareo. tsy tamin'ny voa mety ho lo. fa tamin'ny tsy mety ho lo. dia ny tenin'Andriamanitra. izay velona sady maharitra.**

## **Mino aho**

Ny Tenin'Andriamanitra ihany no tokony hojerentsika:

- > Raha sitrana isika araka ny 1 Petera 2: 24.**
- > Raha sitrana isika araka ny Isaia 53: 5.**
- > Dia ho sitrana tokoa aho izany!**

Na inona na inona lazain'ny fombandrazana. na mpitondra fivavahana. na inona fahaizana. Ny finoana ny Tenin'Andriamanitra fotsiny dia ampy antsika!

- > Amin'ny finoana no tokony handraisako ny fanasitranana.**
- > Amin'ny finoana no tokony hitenenako sy hiasako!**
- > Raha vao manomboka mino fotsiny aho. dia tokony ho entanim-pinoana mafonja mba azahoako mandray ny fanasitranana**
- > Toy ilay kilemaina. hisava tsikelikely na eo noho eo ny aretiko. ka dia hitsambikimbikina sy hidera an'i Jehovah aho.**

## **Te hino va hianao?**

Te hino ny bokin'Isaia va hianao?

Fotoana izao. Aza mangatak'andro intsony. Afaka mandray ny fahasoavan'ny fanasitranana koa ianao!

Hitantsika tany aloha ny anaran'i – Jehovah-Rapha. raha nijaly ho fanavotana antsika Jesosy. ao amin'ny faminanian'Isaia. sy

araka ny fijoroana vavolombelon'ireo apostoly fa ny fanasitranana dia anisan'ny planin'ny famonjena antsika.

► Na inona na inona zava-miseho amin'ny vatantsika. mazava ny Tenin'Andriamanitra : “Ny dian-kapoka Taminy no nahasitrana antsika!”

Amin'ny fotoana azahoantsika tsara ny tian'izany tsiambaratelo izany lazaina. dia ho tonga ao amintsika ny fanasitranana. Inoy fotsiny fa " Ny dian-kapoka Taminy no nahasitrana ahy!" avy eo. jereo ny vatanao. Andramo atao izay tsy vitanao taloha. Mandrosoa am-pinoana ary midera Azy noho ny fanasitranany.

**Naoty:** Ny tena tsiambaratelon'ity lesona ity. na inona na inona zava-misehi amin'ny vatantsika. ny Tenin'Andriamanitra dia milaza fa sitrana isika efa roa arivo taona lasa izay. Na izao. na aoriana kely vao sitrana isika. ny marina dia hoe «ampy antsika ny fanasitranaana». Tsotra fotsiny ny fahamarinana tokony hotazomina amin'ity lesson'ny “fisehoan’ny fanasitranaana.”

Ny teny hoe "Fisehoana" eto dia midika zavatra iray mitranga hitan'ny maso ary tsapan'ny tena.

# FANONTANIANA FAMERENAN-DESONA

1. Inona ny fifanekena nataon' Andriamanitra sy ny Olony mikasika ny fanasitranana ? Nahoana no zava-dehibe tena manan-danja izy io?
  2. Hazavao araka ny fahaizanao azy ny fisehoan'ny fanasitranana izay hita ao amin'Isaia 53.
  3. Inona no andrasan' Andriamanitra aminao raha toa ka misy zavatra mahazo ny vatanao izay tsy mifanaraka amin'ny fisehoan'ny Fahamarinana hita ao amin'ny Tenin'Andriamanitra?

Lesona fahatelo

## ***Jesosy – Ohatra ho Antsika***

### **Tonga toy ny Olona**

Tokony ho fantatsika fa raha tonga teto an-tany Jesosy dia tsy nisalotra ny vohinahiny tanteraka amin'ny maha-Andriamanitra Azy. Tonga Izy toy ny hoe Adama Farany. ilay Zanak'Olona. Ny zavatra tokony ho nataon'i Adama "Voalohany" teto antany no notanterahan'i Jesosy. Toy ny niainan'i Jesosy ny fanomezana araka ny Fanahy Masina koa no tokony hiainan'ny krisiana amin'ny izao fotoana izao.

I Paoly dia nanoratra momba ny fiavian'i Jesosy toy ny Olona.

Filipiana 2: 7 fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona;

### **NY FAHAGAGANA ROA VOALOHANY NATAON'i JESOSY**

---

#### **Nanova ny rano ho divay**

##### **➔ Ataovy izay asainy ataonareo!**

Nanova ny rano ho divay tamin'ny fampakaram-bady no fahagagana nataon'i Jesosy voalohany. Rehefa avy niteny i Maria. renin'i Jesosy hoe: lany ny divainy. dia teny tena manandanja no nolazainy tamin'ny mpanompo avy eo.

Jaona 2: 5b Ataovy izay asainy ataonareo. .

Mba afahantsika mandray ny vokatsoan'ny fahagagana ataon'i Jesosy Kristy. dia tokony hihaino ny feon'Andriamanitra isika aloha. avy eo tonga dia mampihatra avy hatrany tsy ampiambahambana. "Ataovy izay asainy ataonareo." Izany no fomba afahan'ny Fanahy Masina miasa ao anatintsika.

Tonga dia nankato ny tenin'i Jesosy ny mpanompo.nofenoindy rano ny siny. Avy eo nomeny ny Mpandahatra ny fanasana ireo siny feno. Rehefa nandraman'ity farany anefa ilay rano niova divay dia hoy izy tamin'ilay mpampaka-bady hoe. fa hianao kosa dia efa nitahiry ny divay tsara ambaraka ankehitriny

Mety ho taitra ihany ireo mpanompo raha notenenin'i Jesosy izy ireo haka ny rano avy ao an-tsiny ka hanome izany avy hatrany ny mpandahatra. Kanefa tonga dia nananteraka ny didiny izy na dia toy ny sarotra ihany aza ny hanao izany!

Mba afahantsika mandray ny vokatsoan'ny fahagagana amin'ny fiainantsika. dia tokony koa isika hanao hoe. " Hataoko avokoa izay rehetra teneniny amiko!"

## Fanasitranana ny Zanak'ilay Manamboninahitra

### ► Ny fanasitranana no fahagagana faharoa nataon'i Jesosy!

Nahare ny fahagagana nataon'i Jesosy tamin'ny fampakarambady ity manamboninahitra tandapa iray ka nitombo finoana. Vokatr'izany finoana izany. velona indray ny zanany efa ho faty.

Jaona 4: 46-51 Ary tonga tany Kana any Galilia indray Jesosy. dia tany amin'ilay nampodiany ny rano ho divay. Ary nisy tandapa anankiray izay nanana zanakalahy narary tany Kapernaomy.

Ary rehefa reny fa Jesosy efa tonga tany Galilia avy tany Jodia. dia nankany aminy izy ka nangataka Azy mba hidina sy hahasitrana ny zanany. satria efa ho faty izy.

Dia hoy Jesosy taminy: Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana hianareo. dia tsy mba hety hino mihitsy.

Hoy ilay tandapa taminy: Tompoko. midina re. dieny tsy mbola maty ny zanako.

Hoy Jesosy taminy: Andeha mody; velona ny zanakao. Ary ralehilahy nino ny teny izay nolazain'i Jesosy taminy. ka dia lasa nody.

Ary nony nidina izy. dia nitsena azy ny mpanompony ka nilaza fa velona ny zanany.

Tsy velona mihitsy ilay zaza na dia noeza hin'ny rainy novelomina aza. Niangavy an'I Jesosy hanasitrana azy izy. Vantany vao nino ny teny naloakin'ny vavan'i Jesosy izy dia tonga taminy avy hatrany ny fahagagan'ny fanasitranana.

Maro no tsy migoka ny vokatsoan'ny fahagagana satria i Jesosy no resehin'izy ireo lahatra hanao izany araka izay eritreriny. Mieritreritra izy ireo fa ho sitrana noho ny vavaka ataon'olona aminy nefy izy mihitsy no tokony hanana ilay finoana ny Tenin' Andriamanitra

Toy ilay mpanompon'ilay tandapa. afaka koa isika manao fanandramana ny fahagagana raha mihaino ny feon'i Jesosy sy mino ny teniny ary manaiky hanao izay sitrany.

## TONGA JESOSY MBA

---

### Hanafaka!

Ny hosotry ny Fanahy Masina taminy no nafahan'I Jesosy handroaka devoly sy hanafaka ny voageja. Ny fatotry ny aretina sy ny forongony dia tsy sitrak'Andriamanitra velively satria ny hosotry ny Fanahy Masina dia natao hanasitrana sy hanafaka.

**Lioka 4: 18 Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko. Satria nanosotra ahy Izy**  
-hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo;  
-Naniraka Ahy Izy history  
-Hanafaka izay nampahorina.  
-Handefa ahy amin'ny mpifatotra.

- Sy hampahiratra ny jamba.
- Hanafaka izay nampahorina.

### **Hanapaka rehefa mety ho zioga**

Naminaina Isaia fa asan'i Jesosy dia hanafaka ny voageja  
**Isaia 58: 6** Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako:

- Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana.
- Sy hanaboraka ny fehin'ny zioga.
- Sy handefa ny ampahorina ho afaka.
- Ary hanapatapaka ny zioga rehetra?

### **Hanapotika ny asan'i satana**

Arakan'i Jaona. ny fahatongavan'i Kristy dia.  
**1 Jaona 3: 8b** ... dia ny handrava ny asan'ny devoly.

### **Hanome Fahasambarana**

Hanome antsika Fiainam-pahasambarana no tanjon'i Jesosy  
 amin'ny fanapotehana ny asan'i satana  
 Izao no lazain'i Jesosy. ho an'ny olony  
**Jaona 10: 10b** Izaho avy mba hananany fiainana. sady hananany be dia be.

### **Hanasitrana azy rehetra**

Ny tena fampianaran'ny Baiboly momba ny fanasitranan'i Kristy dia ny hanasitranany kola izay rehetra manatona Azy.

Misy teny vitsivitsy ao anaty Baiboly mamaritra ny famelankeloka sy fanasitranana. Ny teny milaza hoe "ho sitrana izy ireo" dia mitovy amin'ny hoe "ho teraka indray izy ireo"

**Ho an'ny Famelankeloka:      Ho an'ny Fanasitranana:**

- |   |  |
|---|--|
| <ul style="list-style-type: none"> <li>* Daholo / rehetra</li> <li>* Na iza na iza</li> </ul> | <ul style="list-style-type: none"> <li>* Daholo / rehetra</li> <li>* Daholo / rehetra</li> </ul> |
|---|--|

► Misy ireo andininny milaza fa natao ho an'ny rehetra ny fanasitranana. Rehefa mamaky ireto andininny ireto ianao. mariho tsara ny fanindrian'ny teny hoe Rehetra/Daholo

➤ *Daholo / rehetra*

**Matio 9: 35** ARY Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra. nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra.

➤ *Maro*

**Matio 14: 36** Ary nangataka taminy ireo mba hamela azy hanendry na dia ny somotraviavin-dambany ihany aza; koa na iza na iza no nanendry dia sitrana tokoa.

➤ *Daholo/rehetra*

Matio 12: 15 Fa Jesosy nahalala izany. ka dia niala teo. Ary nisy olona betsaka nanaraka Azy. ka dia nositrany avokoa izy rehetra;

➤ *Daholo/rehetra*

Matio 8: 16 Ary nony hariva ny andro. dia nentin'ny olona tany aminy ny demoniaka maro; ary ny teniny ihany no namoahany ny fanahy ratsy. ary izay narary rehetra dia nositrany avokoa.

➤ *Daholo/rehetra*

Lioka 6: 19 Ary ny vahoaka rehetra nitady hanendry Azy. satria nisy hery niala taminy ka nahasitrana azy rehetra.

➤ *Daholo/rehetra*

Asa 10: 38 ... Izay nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly. satria Andriamanitra nomba Azy.

**Tsy miova Izy!**

Ny mpanoratra ny boky ho an'ny Hebreo dia nilaza fa tsy miova Jesosy. omaly sy anio ary mandrakizay

Hebreo 13: 8 Jesosy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.

Raha nitsabo Izy fony mbola teto an-tany. mbola mitsabo Izy izao. N'iza n'iza manantona azy am-pinoana dia afaka mandray ny fanasitranana avokoa.

---

## NANOME NY IRAKA LEHIBE I JESOSY

### Hafatrafatra farany

Alohan'ny hiakarany any an-danitra. nanome antsika hafatra farany Izy. Ndeha antsointsika hoe ilay Iraka Lehibe izany hafatra izany. Izao ny teny farany manan-danja nataon'I Jesosy araka izay nosoratan'I Marka

Marka 16: 15-19 Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo. ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina. Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zavamahafaty aza izy. dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tànnana amin'ny marary izy. dia ho sitrana ireny.

Ary Jesosy Tompo. rehefa niteny taminy. dia nampiakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo an-kavanana'Andriamanitra.

Didy io voalaza io fa tsy fiangaviana!

### Jesosy. Ohatra ho Antsika

Maro no tsy mahalala fa i Jesosy no ohatra tsara indrindra ho antsika mahakasika ny asan'ny fanasitranana sy fahagagana. . Mieritreritra izy ireo fa tsy azontsika atao izany satria vitany

avy amin'ny herin'ny mahazanak'Andriamanitra Azy. Diso tanteraka anefa izany eritreritra izany.

I Jesosy no ohatra tsara indrindra ho antsika satria tsy nosalovaniny tanteraka ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy ary tonga Izy hanao ny asa amin'ny maha-olona Azy. na antsointsika hoe i Adama Farany. Na dia Andriamanitra Feno aza Izy. dia niaina teto an-tany amin'ny maha-olona Azy.

Tsy mbola nisy fahagagana vitany talohan'ny nidinan'ny Fanahy Masina tao Aminy tamin'Izy natao batisa tao amin'ny onin'ny Jordana. Tamin-kery sy tamin'ny alalan'ny hery miafin'ny Fanahy Masina no nanaovany ny asany. toy izany koa isika. tokony hiaina sy hiasa amin'ny maha-kristiana vita batisan'ny Fanahy Masina antsika.

#### ➤ *Voahosotry ny Fanahy Masina*

Nilaza Jesosy fa voahosotry ny Fanahy Masina.

Lioka 4: 18. 19 Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko. Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy. Sy fampahiratana amin'ny jamba. Hanafaka izay nampahorina. Hitory ny taona ankasitrahani Jehovah"

#### ➤ *Fonjan-kevitra telo lehibe*

##### ➔ **Ny asan'i Jesosy dia.**

- Mampianatra
- Mitiry
- Manasitrana ary manafaka

Matio 9: 35 ARY Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra.  
-nampianatra tao amin'ny synagoga sy  
-nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary  
-nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra.

#### ➤ *Fetra*

Voafetra eo amin'ny tanana na vohitra iray ny fampianaran'i Jesosy. Tsy afaka ny hanome fahafaham-po ho an'olon-drehetra miaraka Izy. Nampianariny ny mpianany mba hanofana olona maro hahabetsaka ny olom-boavonjy rehefa tonga ny fotoampijinjana.

Matio 9: 36-38 36 Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy. dia nahonena Azy ny fijeriny ireo. satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry. Dia hoy Izy tamin'ny mpianany: Be ny vokatra. fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.

## **MANOME NY MISIONA HO AN'NY HAFA JESOSY**

---

### **Ny Mpianatra**

Niroborobo ny asa mahagaga nataon'i Jesosy tamin'ny nandefasany ny mpianany roa amby folo. Ny asa nataon'I Jesosy ihany no tokony hotohizan'izy roa amby folo lahy.

Matio 10: 1. 7. 8 Ary Jesosy niantso ny mpianany roa ambin'ny folo lahy hankeo aminy ka nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto sy hahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra.

Ary raha mandeha hianareo. dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary. atsangano ny maty. diovy ny boka. avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana hianareo. koa manomeza maimaimpoana.

#### **► Ny mpianatra vaovao dia tokony:**

- **Hitory.**
- **Hanasitrana ny marary.**
- **Manasitrana ny boka.**
- **Manangana ny maty.**
- **Mandroaka devoly.**

Tokony hanao izany izy ireo am-pitiavana sy fiantrana toy izay nananan'i Jesosy. Tokony hitovy amin'ny an'ny Jesosy ny fampianaran'Izy ireo

### **Ny Fitopolو**

Rehefaavy naniraka azy roa amby folo lahy Jesosy. dia nandefako fitopolo hafa

Lioka 10: 1. 9 ARY nony afaka izany. ny Tompo nanendry olona hafa koa. dia fito-polo lahy. ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany.

Ary sitrano izay marary ao. ka lazao amin'ny olona hoe: Efa mby akaiky anareeo ny fanjakan'Andriamanitra.

Tsy niova ny iraka. Ireo fitopolo ireo dia tsy maintsy :

**Manasitrana ny marary**

**Mitory ny Fanjakan'Andriamanitra**

Nitombo ny asa. Nihombo tao amin'izy roa amby folo lahy Jesosy. avy eo tamin'izy fitopolo. Ekena fa mbola maro ny zavatra tokony hianarany. kanefa dia azo lazaina fa efa nandroso ben y asan'izy ireo. Ny fankatoavany an'i Jesosy no zava-dehibe indrindra. Ireto ny vokatry asany : fanandramana ny fahagagana. fahasambarana ary ny fandresena.

Lioka 10: 17a Ary ny fito-polo lahy niverina tamin'ny fifaliana...

## Ny Mpino rehetra

Nandefa ny mpino rehetra hanatanteraka ny Iraka Lehibe Jesosy. Ireo izay nateraka indray dia nalefa koa hanatanteraka izany iraka izany amin'ny anaran' Jesosy Kristy.

Marka 16: 15. 17. 18 15 Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo. ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy. dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy. dia ho sitrana ireny.

Nony maty ny Apostoly. moa tsisy intsony ny fanasitranana? Tsia. ny Iraka Lehibe natao ho an'izay "mino rehetra" fa tsy ny Apostoly voalohany ihany. Ny mpino tamin'izany sy ny ankehitriny dia tokony hanohy foana hitondra ny fanasitranana.

Tokony hampianatra sy history an'i Jesosy Mpamony sy Mpamasitranana ny mpino ankehitriny. ka rehefa mampianatra ny fahamarinana izy. dia ho tonga ho azy ny finoana handraisana ny fanasitranana.

### ► Nirahina ny mpino mba:

- **Hitory**
- **Handroaka demonia**
- **Hiteny fiteny vaovao**
- **Hametra-tanana amin'ny marary**

Ny mpino rehetra (fa tsy ny apostoly. na ny mpaminany. na ny evanjelista. na ny pastera. na ny mpampianatra ihany) dia tsy maintsy mametra-tanana amin'ny marary. dia ho sitrana tokoa ireo.

Tsy maintsy manao izay fanaon'i Jesosy isanandro ny mpino.

Jaona 14: 12 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy. ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy. satria Izaho mankany amin'ny Ray.

Tokony hizara ny evanjely foana ny mpino ary manantena fa miasa miaraka aminy ny Tompo. ary tokony ho hita taratra izany fiarahany amin'ny Tompo izany amin'ny alalan'ny famantarana miseho amin'ny zavatra atao.

Marka 16: 20 Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny. ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy.

Ny mpino izay nandray ny Fanahy Masina. dia tokony ho Vavolombelona. Manomboka ny asany eo amin'ny tananany izy ary. mitory any an-toeran-kafa avy eo.

Asa 1: 8 8 Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo. ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.

Matio 24: 14 Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra. dia vao ho tonga ny farany.

Tonga teto an-tany Jesosy Kristy hitondra famonjena ho an'ny olana rehetra. Tafiditra ao anatin'io famonjenaio ny fanasitrana. Ny fanasitrana no nanombohan'I Kristy ny asany. Avy eo Izzy vao naka ny mpianatra hampitombo sy hanamparitaka ny Asany. Mbola mitohy izany asa izany izao. Amin'ny maha-Mpino antsika. manana adidy hitory ny Evanjely amin'ny tany efa very sy mihamaty isika. Tsy maintsy manao ny asa toa an'I Kristy ny olona Mpino rehetra.

### **IREO MPITONDRA FIVAVAHANA VOALOHANY DIA MANOHY NY FANASITRANANA**

Nijanona ve ny fanasitrana taorian'ny niakaran'i Kristy? Tsia. nanony ny fitoriana sy nitsabo ny marary ny mpianatra. Raisintsika ho ohatra nataon'I Petera. Filipo ay I Paoly

#### **Petera**

Niteny tamin'ny malemy tamin'ny anaran'i Jesosy Petera. dia sitrana avy hatrany izy.

Asa 3: 1-8 ARY Petera sy Jaona niakatra ho eo an-kianjan'ny temPaoly tamin'ny ora fahasivy fotoam-pivavahana. Ary nisy nitondra lehilahy nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny. izay napetrany isan-andro teo anoloan'ny vavahadin'ny temPaoly. ilay atao hoe Itsaraendrika. mba hangataka fiantrana amin'izay niditra teo an-kianjan'ny temPaoly; nony nahita an'i Petera sy Jaona efa hiditra eo an-kianjan'ny temPaoly izy. dia nangataka mba homena fiantrana. Ary Petera sy Jaona nibanjina azy ka nanao hoe: Mijere anay. Dia nibanjina azy roa lahy tsara izy. fa nanantena hahazo zavatra taminy. Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho. fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazarea. mitsangantsangàna. Ary noraisiny tamin'ny tènany ankavanana ralehilahy ka natsangany; dia natanjaka niaraka tamin'izay ny tongony sy ny kitrokely. Ary niantsam-botra izy ka nijoro. dia nitsangantsan-gana ary niarniditra taminy ho eo an-kianjan'ny temPaoly. nitsangantsangana sy niantsambotsambotra sady nidera an'Andriamanitra.

#### **Filipo**

Filipo. diakona taloha. lasa evangelista. dia nitory ny evangelin' I Jesosy tao Samaria. ary nahavita fanasitrana maro izy tao

Asa 8: 5-8 Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao. Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo. raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony. Fa ny fanahy maloto niantso tamin'ny feo mahery. dia nivoaka tamin'ny maro

izay nanana azy; ary maro ny mararin'ny paralysisa sy ny mandringa no nositrany.

8 Dia nisy fifaliana lehibe tao amin'izany tanàna izany.

## Paoly

Nitory ny evanjelin'i Jesosy Kristy tamin'ny malemy i Paoly. ka nahasitrana azy.

Asa 14: 8-10 Ary nisy lehilahy anankiray nipetraka tany Lystra nalety tongotra hatrany an-kibon-dreniny ka tsy afaka namindra; izy nahare an'i Paoly nitoriteny; ary Paoly. nony nibanjina azy mafy ka nahita fa nanam-pinoana hositranina io. dia niteny tamin'ny feo mahery hoe: Mijoroa amin'ny tongo-trao. Dia nantsambotsambotra ralehilahy ka nitsangan-tsangana.

Nahasitrana olona voan'ny tazo sy mivalana izy.

Asa 28: 8. 9 Ary nararin'ny tazo sady nivalan-dra ny rain'i Poplio; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tànana taminy. dia nahasitrana azy. Ary rehefa vita izany. dia tonga koa ny sasany izay narary teo amin'ny nosy. ka dia sitrana.

Araka ireo andininy ireo dia tsapa fa ny mpitondra fiangonana voalohany dia nitory tamin'ny fanasitrana.

## MANAMORA NY FITORIANANY NY FANASITRANANA

---

Manamora ny fizarana ny evanjely amin'ny olom-bery ny fanasitrana. Tokony ataontsika aloha izay hahasintonia ny olona alohan' ny hifantohany amin'ny evanjely. Eto amin'ity tontolon'ny fahoriania sy alahelo ity. ny fanasitrana dia mahasintonia ny olona kokoa ary manafaingana ny fandraisany ny Tenin' Andriamanitra

## Fahagagana taorian'ny Fitsanganan'i Kristy

Ny favoriana evanjelika voalohany dia narohana fanasitrana. Ny fahasitrana mahagaga lehilahy mandringa teo amin'ny vavaady tsara endrika no nahavonijy ny olona miisa dimy arivo.

Asa 3: 8-11 Ary nantsambotra izy ka nijoro. dia nitsangantsangana ary niaraniditra taminy ho eo an-kianjan'ny temPaoly. nitsangantsangana sy nantsambotsambotra sady nidera an'Andriamanitra. Ary ny vahoaka rehetra nahita azy mitsangantsangana sy midera an'Andriamanitra. Ary fantany tsara fa io no ilay nipetraka teo amin'ny vavahady tsara endrika eo amin'ny temPaoly mba hiantrana; dia gaga sady talanjona ny olona noho izay tonga tamin-dralehilahy.

Ary raha nihazona an'i Petera sy Jaona izy. dia niara-nirohitra ny olona rehetra ho eo amin'izy telo lahy teo amin'ny fialofana izay atao hoe Fialofan'i Solomona. ka talanjona.

Asa 4: 4 Kanefa maro tamin'izay nandre ny teny no nino. ka dia tonga tokony ho dimy arivo no isan'ny lehilahy.

Andao ho jerentsika ny asan'i Petera sy Jaona.

- Nanao asa tsotra izy ireo. Taty ivelan'ny fiangonana no niseho ny fahagagana.
- Mahita olona ry zareo ary miresaka aminy. Tonga dia mandray fanapahan-kevitra ry zareo ka manasitrana
- Tsy nirona tamin'ny filana vola ry zareo.
- Nomeny izay nananany- ny Tenin'Andriamanitra sy ny herin'ny anaran'i Jesosy Kristy.
- Niteny hentitra izy.

### **Tsy Miova ny Fomba Fanao!**

Tsy niova ny fomba fanao tamin'ny fanaparitahana.

### **Toy izao ny nanatanterahan'i Jesosy ny asany:**

- Ny fampianarana
- Ny fitorina
- Ny fanasitranana

### **Nirahina ireo roa amby folo mba:**

- Hitory
- Hanasitrana
- Hanadio
- Hanangana ny maty
- Handroaka ny devoly

### **Nirahina ny fitopolo mba:**

- Hanasitrana ny marary
- Hilaza aminy. “ Akaiky ny Fanjakan’Andriamanitra”

### **Ny asa miandry antsika dia:**

- Mandeha mitory
- Mandroaka devoly
- Miteny amin'ny fiteny samihafa
- Hametra-tanana amin'ny marary

- ➔ Ny fanasitranana dia tsy natao ho an'ny mpino fotsiny. sitrak'i Jesosy raha maneho ny herin'ny fanasitranana amin'ny tsy mpino isika mba hahaizany fa marina ny tenin'Andriamanitra ary koa mba ho voavonjy izy ireny.

# **FANONTIANANA FAMERENAN-DESONA**

1. Inona ny tena zava-dehibe azontsika tsoahina tamin'ny fahagagana roa voalohany nataon'i Jesosy ?
  2. Inona ilay Iraka Lehibe nomena antsika ao amin'ny evanjelin'i Marka? ( Tadidio tsara azafady. )
  3. Inona no fomba fiasan'i Jesosy mba hiparitahan'ny asany manieran-tany? Ary inona ny antsika? Nahoana?

## Lesona Fahefatra

### **Ny Fanahy Masina sy ny Heriny**

Izao no nosoratan'i Apostoly Paoly.

1 Korintiana 2: 4 Ary ny teniko sy ny tori-teniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona. fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery.

Marina loatra. mila ny hery izay nananan'Andriamanitra. nefà inona tsara moa izany ?

#### **NY HERIN'NY FANASITRANANA TEO AMIN'NY FIAINAN'I JESOSY**

---

Ny fanehoana ny herin'ny Fanahy Masina dia nanomboka tamin'ny asan'i Jesosy raha vao tonga tao Aminy ny Fanahy Masina rehefa natao batisa teo amin'ny onin'I Jordana Izy.

Ny hery izay tao amin'i Jesosy dia voarain'ny vatan'izay nila ny fanasitranana rehefa nikasika azy ireo i Jesosy ary koa nokasihin'i Jesosy izy ireo. Ny tantaran'ilay vehivavy very ra nandritra ny roa amby folo taona dia ohatra iray ahitany ny asan'izany hery izany.

#### **Iza no nikasika Ahy?**

Marka 5: 25-34 25 Ary nisy vehivavy anankiray izay efa narary roa ambin'ny folo taona sady efa niaritra zavatra be tamin'ny mpanao fanafody maro ka nandany ny fananany rehetra. nefà tsy nety sitrana. fa vao mainka nihanarary kokoa aza; koa rehefa nahare ny amin'i Jesosy izy. dia nankeo ivohony namaky ny vahoaka ary nanendry ny lambany. Fa hoy izy: Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko. dia ho sitrana aho.

Ary niaraka tamin'izay dia ritra ny loharanon'aretiny. ka tsaroany tao amin'ny tenany fa sitrana izy. Ary niaraka tamin'izay dia fantatr'i Jesosy fa nisy hery niala taminy. dia nihodina teo afovoan'ny vahoaka Izy ka nanao hoe: Iza izany nanendry ny lambako izany?

31 Fa hoy ny mpianany taminy: Hitanao izaо vahoaka mifanety aminao izaо. ka hoy Hianao va: Iza no nanendry Ahy? Ary njery manodidina Izy hizaha ny vehivavy izay efa nanao izany. a raiki-tahotra sady toran-kovitra ravehivavy. satria fantany izay natao taminy. ka dia nankeo aminy izy ka niankohoka teo anatrehany ary nanambara taminy ny marina rehetra. Ary hoy Izy taminy: Anaka. ny finoanao no nahasitrana anao: mandehana soa aman-tsara. ary sitràna amin'ny aretinao.

Lehibe loatra sady azo tsapaintanana ny Hery nivoaka tao amin'Jesosy ka tsy aritr'ity tovovavy ary dia nosintoniny Izy ka nahatona an'I Jesosy hiteny hoe. “ Iza no nikasika ny lambako?”

## **Hery Duramis**

Ao amin'ny andininy faha-30 ny teny hoe "Hery" dia teny grika "duramis." midika hoe Herin'Andriamanitra. Duramis dia entina ilazana hery faran'izay mahery vaika teo amin'ny teny grika. Tsy manavao ny teny frantsay io teny io satria io no fototry ny teny frantsay hoe dynamique. na dynamite. Fantatr'I Jesosy fa misy hery dynamite mivoaka avy ao Aminy.

Miverina matetika io teny grika io.

**Lioka 4:** 14 ARY Jesosy niverina tamin'ny herin'ny Fanahy nankany Galilia; dia niely tamin'ny tany rehetra mano-didina ny lazany.

Hain'i Jesosy fa nivoaka tao aminy io hery io. Fatratra loatra. hery tena matanjaka miampita amin'ny alalan'ny Fanendrehana. Ny Fanendrehana mantsy dia fifampikasohana.

**Lioka 6:** 19 Ary ny vahoaka rehetra nitady hanendry Azy. satria nisy hery niala taminy ka nahasitrana azy rehetra. .

Tamin'ny nanaovana azy batisa no nazahoan'i Jesosy io hery manasitrana io. Manamporofo io hery io i Jaona.

**Jaona 1:** 32 Ary Jaona nanambara ka nanao hoe: Izaho Nahita ny Fanahy midina avy any an-danitra tahaka ny voromailala ka nitoetra teo amboniny.

## **Hosotra samihafa**

Na dia ny herin'ny Fanahy Masina aza no nentin'I Jesosy niasa. dia nampiasa hosotra samihafa koa Izy. Ohatra nampiasa hosotra hafa Izy rehefa history na hampianatra na handroaka devoly na hanasitrana ny marary.

Hitantsika ao amin'ny Lioka fa na dia teo am-pampianarana aza Izy. dia afaka nampiasa hosotra hanasitrana ny marary.

**Lioka 5:** 17 ARY tamin'ny andro anankiray. raha nampianatra Jesosy. dia nipetraka teo ny Fariseo sasany sy ny mpampiana-dalàna. izay efa niala tamin'ny tanàna rehetra any Galilia sy Jodia ary tany Jerosalema; ary ny herin'ny Tompo dia tao aminy mba hahasiranany.

Tokony hahay mitory amin'ny alalan'ny hosotra koa isika. Tahaka an'I Kristy. tokony ho tarihin'ny Fanahy Masina isika

**Jaona 5:** 19 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaike aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy. afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka.

## **NY HERIN'NY FANASITRANANA SY I PAOLY**

---

### **Hery Dunamis**

Ny teny grika. dunamis. dia nampiasaina koa rehefa nanoratra momba ny fanehoana ny herin'ny Fanahy Masina i Paoly

1 Korintiana 2: 4 ary ny teniko sy ny tori-teniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona. fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery.

Nanao ny asany tamin'hy fampiasana ny hery izay nampiasain'I Jesosy I Paoly – ny hery dunamis – ny herin'ny Fanahy Masina. Maro ny ohatra hitantsika ao amin'ny bokin'ny Asa momba ny fanehoana ny hery dunamis teo amin'ny asan'I Paoly rehefa mameatra-tanana izy. eny fa na amin'ny alalan'ny fanendrena aza.

Asa 19: 11. 12 Ary ny tangan'i Paoly no nanaovan' Andriamanitra fahagagana lehibe maro. ka dia ny mosara sy ny fiaron'akanjo teny aminy no nentina hatao amin'ny marary. dia sitrana ny aretiny. ary nivoaka ny fanahy ratsy.

## **Ny Ohatrantsika**

### **Amin'ny ity ohatra ity. afaka mianatra zavatra maro isika.**

- Mafonja loatra ny herin'ny fanasitranana. afaka miampita amin'ny alalan'ny fikasihana lamba izy.
- I Paoly dia afaka nampiassa io herin'ny fanasitranana io na dia tsy afaka nankany amin'ilay marary hositraina aza izy. ilay olona koa sty afaka mankany aminy
- Ny lamba dia ampy hiampitan'ny herin'ny finoana.
- Mitovy amin'ny herin'ny fametrahan-tanana ataon'i Paoly ny vokatry ny herin'ny finoana ampiataina amin'ny lamba
- Tsy niova fa io hery mpanasitrana dynamiten'Andriamanitra io ihany no nampiasain'i Paoly tamin'ny asany

Tahaka an'i Jesosy. dia nanana herim-panasitranana avy amin'ny Fanahy Masina sy ny finoana i Paoly. ary sitrany avokoa ny olona

## **NY HERIN'NY FANASITRANANA HO AN'IREEO MPINO VITA BATISAN'NY FANAHY MASINA**

---

### **Ananantsika ny Hery**

Maro no hiteny hoe « Fantattro fa io hery dynamite io dia tao amin'ny tanan' Jesosy!? Fantattro fa io hery dynamite io dia tao amin'ny tanan' Paoly. Fa mba inona kosa no zavatra afaka ataony ho ahy anio? » Olona mpino tsotra fotsiny anie izaho e. Ahoana no hiheverako fa mba afaka mampiasa io hery io aho amin'ny fiainako sy ny asa fanompoako?»

Ho valin'io fanontaniana io. andao jerentsika ny tenin'i Jesosy izay nolazainy alohan'ny hiakarany ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

**Asa 1: 8** Fa hahazo hery (dunamis) hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo. ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany. .

Hery manasitrana. mitovy amin'ny hery nampiasain'i Jesosy sy Paoly ihany io hery "Dunamis" voafaritra eto io. Amin'ny maha-Kristiana vita batisa antsika. manana an'io hery dynamita mitovy amin-dry Zareo koa isika.

Ny hery dunamis dia tokony hiseho rehefa mijoro vavolombe-lona isika. izay no ahafahantsika mampita ny hery fanasitranana amin'ny hafa. Andriamanitra maneho ny Teniny amin'ny alalan'ny asan'ny fanasitranana. isika kosa dia vavolombelona mahatoky mitory ny Teniny any Jerosalema. Jodia. Samaria. hatrany amin'ny vazantany efatra.

### **Ilay Hery Lehibe**

Toy ny hita tao amin'ny bokin'ny Asa. tokony banana io Hery Lehibe io isika amin'ny maha-vavolombelony antsika.

**Asa 4: 33** Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra.

**Asa 6: 8** Ary Stefana. feno fahasoavana sy hery. dia nanao fahagagana sy famantarana lehibe teo amin'ny vahoaka.

Ny herin'ny Fanahy Masina ao amintsika no afahan'Andriamanitra manao ny asa ao amintsika sy amin'ny alalantsika.

### **Ilay Hery Mahery Vaika Be**

Maro ny Kristiana vita batisa no mangataka imbetsaka amin' Andriamanitra hanomezany azy ireo ny hery foana. Raha mamaly izany fangatahana izany anefa Andriamanitra ka hanome hery mihoatra lavitra izay efa voaraintsika. dia asa izay hiseho. Efa manana ilay hery dynamite miasa ao anaty ange isika e. Isika tsirairay avy dia "dinamita mijoro"

**Ephésiens 3: 20** Ary ho an'Izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra. eny. mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahantsika na neverintsika aza. araka ny hery (dunamis)izay miasa ato amintsika. ...

Matetika isika tsy mampiasa akory ny herim-panasitranana efa ananantsika. fa dia faly ny hangataka foana ny Hery avy amin' Andriamanitra. Tokony hampiasaintsika amim-pinoana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina anefa izay hery efa ananantsika.

### **Avelao hikoriana**

**Jaona 7: 38** Izay mino Ahy. dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibony. araka ny voalazan'ny Soratra Masina.

Tsy manavakavaka Andriamanitra. Mitovy amin'ny Herin'i Jesosy sy Paoly ny hery ananantsika ary ao anatintsika izany

rehefa vita batisa tamin'ny Fanahy Masina isika. Io herin'ny fanasitranana io dia herin'ny Fanahy Masina.

## Fanazavana

Misy ny fampianaran-diso milaza fa ny hery ao amintsika dia herin'ny sain'olombelona. Rehefa miresaka ny hery anaty isika. tsy inona izany fa ny herin'ny Fanahy Masina ary ny fahasitranantsika na ny hafa ao amin'i Jesosy. Tsy mahavita n'inoninona isika raha tsy amin'ny alalan'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina sy ny fahefan'I Jesosy Kristy.

## MANDRAY NY HERIN'NY FANAHY MASINA

---

Natao ho an'ny mpino rehetra ny batisan'ny Fanahy Masina.

Asa 1: 4. 5 Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy. dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema. fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray. izay efa renareo tamiko. hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa hianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina. rehefa afaka andro vitsivitsy.

Tokony handray ny hery ny mpino raha tena te ho vavolombelony marina. io no hery mampiseho sy manamafy ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny famantarana. fahagagna ary ny herin'ny fanasitranana

Asa 1: 8 Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo. ary ho vavolobeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.

## Jiosy

Ny mpinon'i Jerosalema no voalohany nahazo io hery io rehefa natao batisan'ny Fanahy Masina ny andron'ny pentekosta

Asa 2: 1-4 1 ARY nony tonga ny Andro Pentekosta. dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra. toy ny rivotra mahery mifofofofo. ka nanenika ilay trano niangonany. Ary nisy lela maro mitarehin'afy niseho taminy. izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra. ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa. araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.

## Samaritana

Ny Samaritana avy eo no nandray io hery io. .

Asa 8: 14-17 Ary nony ren'ny Apostoly tany Jerosalema fa Samaria efa nandray ny tenin'Andriamanitra. dia naniraka an'i Petera sy Jaona izy hankany aminy. Nony tafidina tany izy roa lahy. dia nivavaka ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina. Fa tsy mbola nisy nilatsahany izy na dia iray akory aza; fa natao batisa tamin'ny anaran'i Jesosy Tompo ihany izy. Ary izy roa lahy nametra-tànanana taminy. ka dia nandray ny Fanahy Masina ireo.

## **Jentilisa**

Ny Jentilisa tao Samaria no Jntilisa nandray voalohany ny hery Asa 10: 44-46 Raha mbola nilaza izany teny izany Petera. dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina. Ary talanjona ny mino isan'ny voafora izay niaraka tamin'i Petera. satria nilatsaka tamin'ny jentilisa koa ny fanomezana. dia ny Fanahy Masina. Fa nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra izy.

Avy eo. ny mpino efesiana no nandray ny hery.

Asa 19: 2-6: Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina. fony vao nino hianareo? Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina.

Ary hoy Paoly: Ho amin'inona ary no nanaovana batisa anareo? Dia hoy ireo: Ho amin'ny batisan'i Jaona.

Fa hoy Paoly: Jaona nanao ny batisan'ny fibebahana ka nilaza tamin'ny olona hino Izay ho avy manaraka azy. dia Jesosy. Ary raha nahare izany izy. dia natao batisa ho amin'ny anaran'i Jesosy Tompo. Ary rehefa nametrahan'i Paoly tànana izy. dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany.

---

## **MANAO NY ASA FANOMPOANA AMIN-KERY**

### **Vilany Tany**

Isika. izay tahaka ny vilany tany. dia manana ny Fanahy Masina. Tsy avy amin'ny herintsika ny fansitranana mahagaga. fa avy amin'ny herin'Andriamanitra ato anatintsika.

2 Korintiana 4: 7 Fa manana izao rakitra izao amin'ny vilany tany izahay. mba ho an'Andriamanitra ny halehiben'ny hery. fa tsy ho avy aminay.

Mika 3: 8a Fa izaho kosa dia feno hery. dia ny Fanahin'i Jehovah.

### **Ny Herin'ny Fanahy Masina**

Tsy maintsy manana sy tarihin'ny herin'ny Fanahy Masina isika raha te hisitraka ny fanomezam-pahasoavan'ny fansitranana. Zava-poana ny fiateherana amin'ny herin'ny tena.

Zacharie 4: 6 Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana. fa amin'ny Fanahiko. hoy Jehovah. Tompon'ny maro.

### **Ny Herin'ny Fitsanganana amin'ny maty**

Ny herin'ny fansitranan'ny Fanahy Masina izay eo antanan'ny mpino dia tsy inona fa mitovy amin'ny hery izay nanangana an'i Jesosy Kristy tamin'ny maty

Ephésiens 1: 19. 20 ary ny fihoaran'ny halehiben'ny herin'ny hery izay mino. araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany. izay nataony tao amin'i Kristy

tamin. ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitoerany Azy eo amin'ny tānany ankavanana any an-danitra.

Asa 4: 33 Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra.

Asa 5: 12 ARY ny tānan'ny Apostoly no nanaovana famantarana sy fahagagana maro teo amin'ny vahoaka;

### **Manamafy ny Teny**

Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia maneho mazava tsara ny fiasan'ny Fanahy sy ny herin'Andriamanitra teo amin'ny mpino voalohany

Niteny Apostoly Paoly hoe.

1 Korintiana 2: 4. 5 ary ny teniko sy ny tori-teniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona. fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery. mba tsy hiorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona. fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany.

Tsy noho ny fahaizany mandresy lahatra ny hafa amin'ny alalan'ny fahendren'olombelona no nampisy vokany ny asa fitorian'I Paoly. Ny fanehoana ny hery lehiben'Andriamanitra izay tao aminy ary asehony amin'ny alalan'ny fanasitranana ny vatan'olona no tsiambaratelon'ny fahombiazany.

La Parole de l'évangile que Paoly prêchait était confirmée à travers cette démonstration puissante et la foi grandissait parmi le peuple.

Marka 16: 20 Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny. ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nana-marina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy.

### **Manda ny hery**

Maro ny Kristiana no tsy mahazo fahasoavana avy amin'ny fanehoana ny herin'Andriamanitra eo amin'ny fiaianany ankehi-triny satria tsy nahazo fiofanana momba izany izy ireo na mety ho izy mihitsy no manda ny herin'ny Fanahy Masina.

2 Timoty 3: 5a manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. nefà nandà ny heriny;

### **Ho Antsika**

Io hery izay tao amin'i Jesosy sy ny Apostoly io no tonga amintsika amin'ny alalan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Ny tsy fahampian'ny finoantsika na ny fanoloran-tenantsika ho Azy ihany no mametra ny zavatra azontsika atao.

Tadido fa avy any Ambony no nandraisantsika ny Fahefana!

## **NY LALAN'NY FANAHY MASINA**

---

### **Notarihin'i Ray i Jesosy**

Ny tena fanasitranana dia miasa mandrakariva amin'ny alalan' ny herin'ny Fanahy Masina sy ny finoana an'I Jesosy Kristy. Maro anefa no tsy mahazo an'io herin'ny fanasitranana io noho ny antony maro samihafa. Hohitantsika amin'ny lesona hafa ny momba izany.

Nanasitrana ny "rehetra". ny "tsirairay". ny "maro" Jesosy, nefà dia nolazainy fa nanao izay hitany ataoon'ny Rainy fotsiny Izy.

**Jaona 5: 19. 20. 30** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaike aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy. afa-tsy izay hitany ataoon'ny Ray; fa na inona na inona no ataoon'ny Ray dia toy izany koa no ataoon'ny Zanaka. Fa ny Ray tia ny Zanaka ka maneho Azy ny zavatra rehetra izay ataoon'ny tenany; ary asa lehibe noho ireny no hasehony Azy. mba ho gaga hianareo.

Raha Izaho ihany. dia tsy mahay manao na inona na inona; araka izay reko no itsaroko; ary marina ny fitsaroko; fa tsy mitady ny sitrapoko Aho. fa ny sitrapon'Izay naniraka Ahy.

Ao amin'ny andininny telopolo. milaza Jesosy fa tsy ny sitrapony no ataoony. fa ny an'i Rainy.

### **Jesosy Notarihan'ny Fanahy Masina**

Hitantsika ao amin'i Jaona fa ny Fanahy Masina no mitarika an'i Jesosy Kristy rehefa manasitrana Izy. Amin'ity ohatra manaraka ity. nisy olona maro no nila fanasitranana. Teto anefa, raha iny nahatsapa ny Fanahy Masina iny Jesosy, dia voatarika hanatona lehilahy iray Izy.

**Jaona 5: 1-9** Rehefa afaka izany. dia nisy andro firavoravoan'ny Jiosy. ary Jesosy niakatra tany Jerosalema. Ary misy farihy any Jerosalema. eo akaikin'ny vavahadin' ondry. izay atao amin'ny teny Hebreo hoe Betesda. misy fialofana dimy. Tao no nandrian'ny marary maro. ny jamba. ny mandringa. ny mati-ila. Ary nisy lehilahy anankiray teo. izay efa narary valo amby telo-polo taona. Raha nahita azy mandry Jesosy ka nahalala fa efa toy izany ela izy. dia hoy Izy taminy: Te-ho sitrana va hianao? Ilay marary namaly Azy hoe: Tompoko. raha hetsehina ny rano. dia tsy mba misy olona handroboka ahy eto amin'ny farihy; nefà raha mandeha aho. dia misy olon-kafa misosoka eo alohako. Hoy Jesosy taminy: Mitsangàna. ento ny fandrianao. ka mandehana.

Ary niaraka tamin'izay dia sitrana ralehilahy ka nitondra ny fandriany. dia lasa nandeha. Ary Sabata izay andro izay.

Rehefa manasitrana marary isika. dia tokony ahatsapa ny fitarihin'ny Fanahy Masina. tahaka an'i Jesosy. Tahaka ny nitarihan'ny Fa-nahy Masina an'i Jesosy ho eny amin'ny olona voatondro manokana. dia hotarihin'ny Fanahy Masina koa isika hankeny amin' ny olona efa vonona ny handray ny fanasitranana.

## **HERY MANASITRANA MIVOAKA AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA**

---

Maro no mety hanontany. ” raha tena manana io hery dynamite io aho ato anatiko. nahoana aho no tsy mahavita fahagagana maro amin'ny fiainako?” Tokony hianatra hotarihin'ny Fanahy Masina isika. Mila mianatra mandrehitra ny afom-pinoana isika mba azahoantsika mampiasa ny hery dynamiten'ny Fanahy Masina rehefa mampita ny fanasitranana amin'ny vatan'ny marary

### **Famelomana ny Finoana**

Ampiasaina io ohatra io amin'ny famatsiana herinaratra matanjaka ho an'ny tanan-dehibe. Herin'aratra mantanjaka vokarin'ny mpamokatra herin'aratra matanjaka (dynamics) no entin'ny tariby ho tonga eo amin'ny transformateur. Avy ao izy vao tsinjaraina amin' ny tranontsika ka miafara amin'ny fampirehetana ny jirontsika.

Na tahakan'inona ny hery entin'ny herinaratra. raha tsy misy olona mandrehitra ny jiro amin'ny alalan'ny fampirehetan-jiro (interrupeur). dia hitakaizina ao an-trano foana isika amin'ny alina. Mitovy amin'io fampirehetan-jiro io ny finoana.

Nanome ny fanalahidin'ny fanasitranana mahagaga an'ilay vehivavy nandeha ra be i Jesosy.

**Marka 5: 34 Ary hoy Izy taminy: Anaka. ny finoanao no na-hasitrana anao: mandehana soa aman-tsara. ary sitrana amin'ny aretinao.**

Ny finoan'ilay vehivavy no nampivoaka ilay hery dynamite avy tao amin'I Jesosy niampita nankany amin'ny vatany.

Ny finoana no fampirehetan-jiro manentana ny herin'Andriamanitra hiampita aty amintsika. Mety ho ny finoan'ny olona mila fanasitranana io. na koa finoan'ny sasany izay miaraka amin'io olona mila fanasitranana io. na koa finoan'ny olona izay miasa amin'ny fanasitranana.

### **Ny finoana dia avy amin'ny**

Mba halalana tsara hoe ahoana ny fomba ahatongavany sy ny fomba fiasan'io finoana io. dia jerentsika ny tantaran'ilay vehivavy

**Marka 5: 27 koa rehefa nahare ny amin'i Jesosy izy. dia nankeo ivohony namaky ny vahoaka ary nanendry ny lambany. Fa hoy izy: Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko. dia ho sitrana aho.**

Raha vao nahare momba an'i Jesosy ilay vehivavy. dia tonga tao aminy ny finoana. Ny fin dia avy amin'ny izay ren'ny olona.

**Romana 10: 17 Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny. ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy.**

Noho ny fiziriziriny teo anatrehan'ny sakana maro isankarazany. dia nahafantatra noho ny fahasoavana manokana an'I Jesosy sy ny hery azahoany manao fahagagana ilay vehivavy.

Na dia efa nanantona mpitsabo maro aza izy dia very fanantenana tanteraka. Lany nitsaboina tena mantsy ny volany nefatzy vao maika mihombo aretina.

Tonga tao an-tsainy tampoka ny finoana. ka dia nandao ny tranony izy hamonjy an'i Jesosy. Mety ho nanakana azy tsy ho any ny fianakaviany (satria mantsy izy olona maloto teo imason'ny fiaraha-monina noho io aretina nahazo azy io). ka mety ho voatora-bato raha hitan'ireo mpitondra fivavahana tany.

Tsy nisy nahasakana azy anefa rehefa tonga tao an-tsaiany ny finoana. Na dia narefo aza izy. dia mbola tafasisika tao anatin'ny olona izay nanodidina an'i Jesosy ihany. Na dia nisy lehibena Synagoga aza teo ankaikin'i Jesosy. dia tsy noraharahiany fa dia nanatona an'I Jesosy ihany izy.

Rehefa misokatra ao amin'ny saintsika ny finoana. tahaka an'io vehivavy io. dia tsy misy mahasakana antsika intsony. Na ny fihetsepontsika. na ny fahadisoam-panantenana tany aloha. na ny fomba fanaontsika taloha dia tsy misy mahasakana antsika.

Hoy Apostoly Paoly.

**Romana 10: 6 Fa ny fahamarinana izay avy amin'ny finoana kosa manao hoe:..**

Tsy niteny akory ilay vehivavy hoe. "efa nitsabo tena aho fa tsy nisy nahositrana ahy." Tsy niteny koa izy akory hoe. "Manantenana aho ary hivavaka fa hanasitrana ahy Jesosy." Niteny fotsiny izy tam-pinoana hoe : "Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko. dia ho sitrana aho."

## Izao ny Finoana

Amin'ny alalan'ny finoana. fantany fa afaka ny ho sitrana izy.

Rehefa tonga ny finoana. ho tonga ny zavatra antenaintsika raha afaka fotoana fohy amin'ny ho avy na ankehitriny.

**Hébreo 11: 1 ARY ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina. fanehoana ny zavatra tsy hita.**

"nefa (ankehitriny)". izany no nanombohan'i Paoly ny famarita-na ny finoana rehefa nanoratra ho an'ny hebreo izy. Ny tena finoana dia miasa izao dia izao! Hain'ilay vehivavy fa ho tonga aminy ny fahagagana raha vao mahakasika an'i Jesosy izy. Ny

finoana no nianteherany mafy hisehoan'ny fahagagana aminy. ka dia noheveriny fa efa tanteraka taminy vatany ny fanasitrana.

### **Asan'ny Finoana**

Nampiasa ny finoany ilay vehivavy ary nikasika ny lambany.

- Ny fanendrena no fifampikasohana teo amin'ny zareo.
- Alefany ny finoana mba handraisan-dravehivavy azy.
- Avelany hiditra ao aminy ny herin'ny fanasitrana

Ny finoana dia tsy maintsy arahan'asa foana. Hoy Apostoly Jakoba momba izany.

**Jakoba 2: 20. . . fa tsy vanona ny finoana tsy misy asa ...**

Rahefa mamela ny finoana hiasa ao amin'ny saintsika ny tenin'ny fieritreretana rhéma. ny zavatra irintsika dia tonga "eo noho eo." Am-pahatokisana tanteraka. tonga dia manambara ny finoantsika isika no sady manao ilay asa.

Ny finoana no fampirehetan-jiro\_izay mandray na mamoaka ny dumamis. ka mampiapita ny hery dynamitan'Andriamanitra. Rehefa arehirantsika io finoana ao amintsika io. dia afaka mampita ilay hery dynamite ao anatintsika isika any amin'ny vatan'ny olona mitady fanasitrana.

### **FANONTANIANA FAMERENAN-DESONA**

---

1. Manorata paragrafy telo milaza ny hery dunamis ao amin'i Jesosy. ao amin'i Paoly ary ao anatinao
2. Hazavao. ahoana ny fomba hiasan'ny hery dunamis sy ny finoana miaraka mba ahazoana fahagagana.
3. Ahoana no afahan'io fahamarinana io miasa eo amin'ny fiainantsika?

Lesona Fahadimy

## ***Fanasitranana amin'ny Alàlan'ny Fametrahan-Tànana***

Misy fomba maro hanaovana ny asa fanasitranana. fa ny Fametraha-Tanana no tena fampiasa ao amin'ny Testamenta Vaovao. Rehefa mihaino ny Fanahy Masina isika dia. bitsihiny amintsika ny fomba hiasantsika amin'ny fotoana rehetra.

Rehefa mametra-tanana amin'ny marary isika. dia miditra eo amin'ny toerana ifandraisantsika amin'ilay marary ny herin'Andriamanitra. Toy ny hoe mampitohy tariby mitondra herinaratra roa mba ahazoan'ny herinaratra mandeha. Ny Fametraha-Tanana. toy ny Fansorana menaka. na ny fampiasana ny lamba dia mampisy fifampikasohana ahazoan'ny finoana miasa.

Amin'ity lesona ity. dia hianatra isika ny Tenim-pinoana tokony hotononintsika rehefa manao ny asa fanasitranana isika. Matetika. alohan'ny hametrahantsika tanana amin'ny marary. dia tokony hetsehintsika ny finoana amin'ny alalan'ny famakiana andininy mahakasina ny fanasitranana na amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelon'ny olona izay niaina izany fanasitranana izany.

### **FOTOTRA BIBLIKA MOMBA NY FAMETRAHA-TANANA**

---

Any amin'ny Testamenta Taloha no ahitana voalohany ny Fametraha-Tanana.

Tsy maintsy haintsika fa misy fampitana rehefa manao Fametraha-Tanana.

### **Ohatra ao amin'ny Testamenta Taloha**

#### **> Ny fahotana nampitaina tamin'ny Osilahy**

Ao amin'ny Levitikosy dia nafindra any amin'ny osilahy ny fahotana.

Levitikosy 16: 21. 22 Dia hapetrak'i Arona amin'ny lohan'ny osilahy velona ny tànany roa. ka hekeny eo amboniny ny heloky ny Zanak'Israely rehetra sy ny fahadisoany rehetra. dia ny fahotany rehetra; dia hametraka izany eo amin'ny lohan'ny osilahy izy ka hampandeha azy ho entin'ny lehilahy voatendry hankany an-efitra. Ary ho entin' ny osilahy ho any an-efitra ny helok'izy rehetra; dia halefany any ny osilahy.

#### **> Ny Fahendrena voampita**

Tamin'ny alalan'ny Fametraha-Tanana nataon'ny Mosesy. voampita tamin'i Josoa ny fanahin'ny Fahendrena

Deotoronomia 34: 9 Ary Josoa. zanak'i Nona. dia feno ny fanahim-pahendrena. fa efa nametrahan'i Mosesy tànana izy; dia nihaino azy ny Zanak'Isirael ka nanao araka izay nandidian'i Jehovah an'i Mosesy. .

### Fihetsika Fototra

Hitantsika ao amin'ny Hebreo fa ny Fametraha-tànana dia iray amin'ny fihetsika fototr'i Kristy.

Hebreo 6: 1. 2 Koa aoka hilaozantsika ny abidim-pianaranana ny amin'i Kristy. fa aoka handroso ho amin'ny tanteraka isika ka tsy hanao fanorenana indray. dia fibebahana hahafahana amin'ny asa maty sy finoana an' Andriamanitra. ary fampianaranana ny amin'ny fisasana maro sy ny fametrahan-tànana. ary ny fitsanganan'ny maty sy ny fitsarana mandrakizay.

Ny Fametraha-tànana dia nampiasaina foana mba hampifamindrahana hery.

### Mandray ny Fanahy Masina

Rehefa tonga tao Efesosy i Paoly. nametra-tanana tamin'ny mpino izy ary tonga tao amin'ireo ny Fanahy Masina.

Asa 19: 6 Ary rehefa nametrahan'i Paoly tànana izy. dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany.

Nilaza tamin'i Timoty i Paoly mba hampiaina tsara ny fanome-zampahasoavana momba ny Fametraha-Tanana

2 Timoty 1: 6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra. izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tànako.

Araka ireo ohatra ireo. mampianatra antsika ny Soratra Masina fa misy fampitana amin'ny alalan'ny Fametraha-Tanana. .

### Tsy azo tsinotsinoavina

Tsy azo tsinotsinoavina mihitsy ny san'ny Fametraha-Tanana. Tokony ho haintsika sy hajantsika ireo izay miasa amintsika.

1 Tesaloniana 5: 12 Ary mangataka aminareo izahay. ry rahalahy. mba hekenareo izay mikely aina eo aminareo sy mitondra anareo amin'ny Tompo ary mananatra anareo.

Ny Fametraha-Tanana. izay nampiasaina hampitana ny fanomezan'ny Fanahy Masina na fansorana ary fankatoavana asa dia tsy tokony avy amin'ny fientanampo fa ny Fanahy Masina.

1 Timoty 5: 22a Aza malaky mameatra-tànana amin'olona na iza na iza. ...

## **JESOSY NITORY TAMIN'NY ALALAN'NY FAMETRAHA-TANANA**

---

Rehefa nanao ny asa fanasiranana Jesosy. dia nandroso hatrany. nikasika. ary nametraka ny tanany tamin'ny olona

## **Ilay Boka**

Ny habokana dia aretina tena mifindra be. Rehefa nangataka ny hositranina anefa ilay boka. tonga Jesosy dia nametra-tanana taminy – nikasika azy Izy.

Marka 1: 40. 41 ARY nisy boka nanatona Azy ka nitaina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao. dia mahay manadio ahy.

Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tanany. dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova hianao.

## **Ny zanakavavin'i Jairo**

Rehefa nantsoina Jesosy hanasitrana ny zanakavavin'ny Jairo. dia nandray azy tamin'ny tanany (Fametraha-Tanana) ary nanao tenim-piaianana tao amin'ny vatany Izy.

Marka 5: 35-42 Raha mbola niteny Jesosy. dia nisy tonga avy tany amin'ilay mpanapaka ny synagoga ka nanao hoe: Efa maty ny zanakao-vavy; nahoana hianao no mbola manahirana ny Mpampianatra ihany?

Fa tsy nahoan'i Jesosy izany teny nataony izany. fa hoy Izy tamin'ilay mpanapaka ny syngoga: Aza matahotra. minoa fotsiny ihany.

Ary tsy nisy olona navelany hanaraka Azy afa-tsy Petera sy Jakoba ary Jaona. rahalahin'i Jakoba.

Ary dia tonga tao an-tranon'ilay mpanapaka ny synagoga izy ireo. ka hitan'i Jesosy ny tabataba. dia ny olona izay nitomany sy ninaonaona be ihany.

Ary rehefa niditra Izy. dia niteny taminy hoe: Nahoana hianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty razazavavy. fa matory.

Dia nihomehy Azy fatratra ny olona. Fa nandroaka azy rehetra Izy. dia nitondra ny ray aman-drenin-drazazavavy mbamin'izay olona teo aminy ka niditra tao amin'izay nisy an-drazazavavy.

Dia nandray ny tanan-drazazavavy Izy ka niteny taminy hoe: Talita komy. izany hoe. raha adika: Ry zazavavy. hoy Izaho aminao: Mitsangana. Dia nitsangana niaraka tamin'izay razazavavy ka afa-nandeha; fa efa roa ambin'ny folo taona izy. Ary niaraka tamin'izay dia talanjona indrindra ny olona. .

## **Ilay Moana-marenina**

Eto amin'ity ohatra momba ny Moana-marenina ity. hitantsika fa nikasika ny faritry ny vatany izay narary Jesosy. Natsofonny tany anaty sofiny ny tanany ary nokasihany koa ny lelany.

Marka 7: 31-35 ARY Jesosy niala indray tamin'ny sisin-tanin'i Tyro. dia namaky an'i Sidona sy ny tany Dekapolisy ka nankany amoron'ny Ranomasin'i Galilia. Ary nisy marenina sady raiki-dela anankiray nentiny tany aminy. ka nangataka taminy ireo mba hametrahany tanana. Ary nitondra an-drale-hilahy nitanila niala teo amin'ny vahoaka Izy. dia nangarona ny sofiny tamin'ny rantsan-tanany. dia nandrora ka nanendry ny lelany; ary niandranda ny lanitra Izy. dia nisento ka nanao taminy hoe: Efata. izany hoe: Maladia. Dia nalady ny sofiny. sady voavaha ny fatoran'ny lelany. ka dia nahateny tsara izy.

Zava-dehibe ny mahalala ny fomba nametrahan'i Jesosy ny tanany tamin'ny olona. Matetika. dia eo amin'ny faritra misy ny marary no anaovany izany. Raha zatra nametra-tanana teo amin'ny loha isika. dia tokony hianatra ny fanaon'I Jesosy.

## **NY MPINO REHETRA DIA TOKONY HAMETRA-TANANA**

---

### **Ny Apostoly Paoly**

Nametra-tanana tamin'izay nila izany i Paoly.

Asa 28: 8 Ary nararin'ny tazo sady nivalan-dra ny rain'i Poplio; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tanana taminy. dia nahasitrana azy.

### **Ny Mpino Ankehitriny**

Nanasitrana olona maro Paoly sy Jesosy. Matetika kasihany ny olona sitraniny. Amin'ny maha-Mpino antsika. dia tokony hametra-tanana amin'ny marary.

Marka 16: 17a. 18b Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: amin'ny anarako ... hametra-tanana amin'ny marary izy. dia ho sitrana ireny.

Ny hafatra farany nomen'i Jesosy araka an'i Marka dia mampibaribary ny fitiavana sy fiantran'i Jesosy ny farofy. Natao ho an'ny Mpino ankehitriny koa izany teny izany. Tokony ho afaka hametra-tanana amin'ny marary koa isika.

## **FAMPIANARANA TSOTSOTRA MIKASIKA NY FAMETRAHA-TANANA**

---

**Naoty:** Raha mizara ny fampianarana tsotsotra momba ny Fametraha-Tanana izahay. dia tsy midika akory izany fa tsy maintsy io no fomba ampiasainareo. Na izany aza anefa. tsapa ny fahombiazan'io teknika io teo amin'ny asanay sy teo amin'ireo olona hafa maneran-tany.

Misy toromarika maro samihafa momba ny Fametraha-Tanana amin'ny marary. Ny fototr'izireo anefa dia ny Tenin'Andriamanitra ihany sy traikera aman-taonany maro.

### **Aiza no ipetrahana**

Koa satria ao anatintsika ny fanasitranan'Andriamanitra. tokony hipetraka eo anoloan'ilay olona isika. Manampy amin'ny fifantohan'ilay olona amin'izay ataontsika sy tenenintsika izany. Afaka ampiasaina na ny tanana iray na izy roa. araka ny hitarihan'ny Fanahy Masina anao.

### **Tadiavo izay ilaina**

Anontanio tsara ahoha ilay olona inona no tena inoany an' Andriamanitraamanitra. Misy ohatra olona. mandeha amin'ny seza rolanty. Mety hieritreritra isika hoe fanasitranana momba io aretina mampipetraka azy eo ambony seza rolanty io no tadiaviny. kanefa. mety hanana aretin'andoha tena mahery vaika izy. ka ny fanasitranana momba izany no tadiaviny.

Aoka mba hamaly amin'ny fomba feno fahatokiana sy finoana ny fanontaniana izay apetrakao aminy ny marary.

Aza avela hilaza na hitantara lafiratsin-javatra ilay olona. satria raha izany no mibahaha ny saily dia mety hiteny izy hoe: "Tena hafa mihitsy ny mahazo ahy. Ho sarotra ho an'Andriamanitra ny hanasitrana ahy. "

Raha izany. tonga dia tapaho ny teniny. anontanio indray izy hoe: "inona no tianao ataon'Andriamanitra aminao izao?"

Henoy tsara izay teneniny. kanefa aza avela hilaza lafin-javatra ratsy aminao izy. Manalemy ny finoana mantsy izany toe-javatra izany ary mety hanakana mihitsy ny fanasitranana.

Na inona na inona lazainy. izao foana no havalinao azy. "mora amin'Andriamanitra ny manao izany!" Aoka hifantoka foana amin'ny herin'Andriamanitra sy ny finiavany hanasitrana ilay marary ny sainao!

Matio 19: 26 Ary Jesosy njery azy ka nanao taminy hoe: Tsy hain'ny olona izany. fa hain'Andriamanitra ny zavatra rehetra.

➔ **Mampahazo vahana ny fisalasalana ny firesahana zavadratsy. Ny filazana zavatra tsara kosa dia mampiorina ny Tenin' Andriamanitra.**

### **Tendreho ny faritra izay mila fanasitranana**

Tendreho ny faritra mila fanasitranana mba hiampitan'ny hery fanasitranan'ny Fanahy Masina.

Matio 9: 29 Dia nanendry ny masonry lzy ka nanao hoe: Tongava aminareo araka ny finoanareo.

Aza mametra-tanana amin'ny fitaovam-pananahana mihitsy. Raha misy olona mila Fametraha-Tanana eo amin'ny fitaovam-pananahana. aoka mba ho vehivavy no hisahana izany raha vehivavy no marary. ary lehilahy no hametra-tanana raha lehilahy no marary.

Mety koa raha mametraka ny tanany eo amin'ilay faritra marary ilay marary. ka apetrakao eo ambony tanany ny tananao izay hanao fanasitranana. Raha tena tsy misy azo atao mihitsy ny amin'izany. dia apetraho eo ambony lohany ny tananao hanasitranana azy.

### **Avelao hiasa ny Herin'Andriamanitra**

Rehefa mametra-tanana ianao. dia ataovy ao antsaina foana fa tsy maintsy fa ho sitrana izy amin'ny anaran'ny tenin'Andriamanitra. Avelao hiasa ao anatin'ny vatan'ny marary ny herin'ny fanasitranan'ny Fanahy Masina raha mbola miteny ianao. ary andraso ny fisehoan'izany hery izany.

## **Mametraha tanana amin'ny maro**

Raha maro ny olona mila fansitranana. ka miredareda ny herin'ny fanosorana. tsy ilaina ny manontany ny anton'ny fansitranana amin'ny ankabobeny.

Mety te hanao izay hahaliana anao fotsiny ny olona. Ambarany aminao fa izy no olona tena mijaly indrindra noho ny sasany na dia tena fatra-mpanokam-potoana ho an'Andriamanitra aza izy. Fihetsika feno fiavonavonana ny toy izany. Aza manaiky havilivilin'ny olona ny finoanao. ary aza mamela azy hanala ny hosotra aminao.

Mandehana any amin'ny olon-kafa ary mameatra tanana amin'ny olona maromaro amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny fotoana faran'izay fohy.

## **Avelao Hiakatra ny Finoana**

Rehefa mameatra-tanana ianao. asandrato ny finoanao mba hahasitrana ny olona fa tsy hoe mba hamehezana azy na hoe hampihovitrovitra aza sanatria. .

Izao mantsy. mety hihorohoro fotsiny ny olona noho ny herin' Andriamanitra nefo tsy ho sitrana akory. Misy aza ny sasany mba te hanao fanandraman'ny herin'ny fanahy fotsiny.

Aza miraharaha izany fa asandrato fotsiny ny finoanao hahasitrana ny olona.

## **FANASITRANANA NY LAMOSINA. NY TENDA ARY FARITRA SARO-PADY**

---

Maro ny olona no marary ao amin'ny lamosina satria voatery ny retsi-damosiny (nerf) noho ny taolan-damosina tsy mifanitsy. na mety mibolisatra ny kapilan-damosiny. na mety misy fahatapahana mihitsy ao amin'ny lamosiny. Ny retsika voatery dia manakana ny fiampitan'ny baiko avy any amin'ny atidoha mankany amin'ny hozatra na taova ka mahatonga olana maro amin'ny vatana ary koa ny aretin-damosina.

Matetika ny olona manana aretin-damosina dia manana tanana iray lava noho ny ilany. Izany dia noho ny tsy fahitsian'ny hazon-damosina intsony. Rehefa miha-mahitsy ny taolan-damosina. dia miseho avy hatrany ny herin'ny fansitranan' Andriamanitra. Miha-mahitsy ihany koa ny rantsan-tanana sy ny vodi-tongotr'ilay olona.

## **Fanasitranana ny ambonin'ny Lamosina**

Rehefa manasitrana ny ambonin'ny lamosina. ajoro tsara ilay olona. atsotra tsara ny sandry. avy eo atao izay hijerena ny kihio ary hinjirina ny tanana. Apifanatrehana ny fela-tanana. avy eo ampifanatonana ny tanana mandrapahatonga ny rantsan-tanana hifampikasoka. Matetika. mety ho fony ny tanana iray noho ny ilany.

Ampianarina tsara ilay olona ary aoka banana maso misokatra tsara izy. Teneno ilay olona hampisaraka ny rantsan-tanany kely fotsinySokafo miakatra ny tananao. ary avelao ny tanany hipetraka eo ambonin'ny anao (Fametraha-Tanana).

Tonony ny herin'Andriamanitra. amim-pahatokiana didio ny hazon-damosina. ny kapila. ny hozatra ary ny retsi-damosina ho sitrana sy hahitsy tsara. Jereo avy eo ny fahitsiany. Rehefa hita fa mahitsy tsara ny lamosiny. dia asaivo hetsehiny. Amim-pahatokiana. anontanio izy. "Nanao ahoana ilay narary anao teo?" Avy eo. tonga dia omeo voninahitra Andriamanitra.

Rehefa midera an'Andriamanitra isika tamin'ny zava-bitany. dia hitombo ben y finoana. Hitohy ny fanasitranana izay niseho dia tampoka. Zavatra tena ilaina amin'ny fanasitranana ny fiderana.

### **Fanasitranana ny ambanin'ny Lamosina**

Rehefa hanasitrana olona marary ny ambanin'ny lamosina. apetraho eo amin'ny sezä ilay olona. atao mipetaka amin'ny sezä ny andilany. Mitsangana manatrika ilay olona ianao. miondreha ary raison y tongony. Jereo tsar any fahitsin'ny void-tongony (chevilles).

Asandrato ny herin'Andriamanitra. didio ny hazon-damosina. ny kapila. ny hozatra sy ny tendons ho sitrana sy hahitsy tsara. Rehefa mahitsy tsara ny lamosina. asaivo mitsangana ilay olona. asaivo miondrika izy raha mahavita. asaivo manao izay hetsika tsy vitany taloha izy. Amim-pahatokiana ihany. anontanio hoe. « nanao ahoana ilay narary teo ». avy eo asandrato ny voninahitr' Andriamanitra.

### **Fanasitranana ny Tenda**

Raha hanasitrana olona marary tenda. . mijoroa eo anoloany. apetraho amin'ny ilany havia sy havanan'ny tendany ny felatananao. kendreho mba ho ao ambanin'ny volony ny fanondronao.

Asandrato ny herin'Andriamanitra. didio ny hazon-damosina. ny kapila. ny hozatra sy ny tendons ho sitrana sy hahitsy tsara. hetsiketseho tsikelikely sy faran'izay moramora ny tendany. Esory ny tananao avy eo ary asaivo hetsehiny amin'izay ny tendany. Amim-pahatokiana. anontanio ilay marary hoe. « nanao ahoana ilay narary teo ». avy eo asandrato ny voninahitr' Andriamanitra.

### **Fanasitranana ny farity ny valahana**

Ny tsy fahitsian'ny taolana eo amin'ny valahana dia mitarika tsy fahitsian'ny tongotra. sy olana eo amin'ny taova rehetra manandrify ny valahana. Mitsangana eo anoloan'ny marary. apetraho ao ambobin'ny taolam-balahanay ny tananao (tena eo ambanin ny taolan-damosina farany) amin'ny sisiny roa. Raha olona tsy mitovy sexe amina no hametrahanao tanana. dia ataovy eo

amin'ny tanany fotsiny ny tananao. Amim-pinoana. tonony ny herin'Andriamanitra.

Matetika. raha mbola mandidy ny taolam-balahanana. ny sacrum (taolam-pisaka eo amin'ny valahana) sy ny taova mba hiverina amin'ny toerany avy ianao. dia miolakolana eo ilay marary. .

Asaivo mihetsika indray izy ary jereo ny vatany. Anontanio izy hoe. “nanao ahoana ilay narary teo”. avy eo asandrato ny voninahitr' Andriamanitra.

## **FANASITRANANA AMIN'NY ALALAN'NY FANOSORANA AMIN'NY MENAKA**

---

Ny fanosorana menaka dia azo atao eo amin'ny loha na. eo ami-n'ny handrina amin'ny alalan'ny ratsantanana.

### **Fanosorana Menaka teo amin'ny Razantsika**

Fampiasan'ireo olom-piangonana taloha io fomba io. Mahomby io fomba fanasitranana io raha toa ka varavarana misokatra ho an'ny satana hampidirana ny aretina ny fahotana. Raha ny fahotana no anton'ny aretina. tokony hifonana izany fahotana izany.

**Jakoba 5: 14-16** Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon' ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloiloo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy;

ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary. fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy. dia havela ny helony.

Koa mifaneke heloka hianareo. ary mifampivavaha. mba ho sitrana hianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.

Io fampanantenana io dia manambara hoe. izay mila fanasitranana dia manantona sy mangataka ny mpitontra fiangonana hosorany menaka.

### **Fanosorana Menaka nataon'ny Mpianatra**

Nanao hosotra tamin'ny menaka ny Mpianatr'i Jesosy. .

**Marka 6: 13** Ary demonia maro no navoakany; ary nohosorany diloiloo ny marary maro ka nositrainy.

### **Fanosorana Menaka Ankehitriny**

Manerana ny Baiboly. ny menaka dia tandindon'ny Fanahy Masina. . Raha nisy olona natao batisan'ny Fanahy Masina. dia manana ny herin 'ny fanasitranan' Andriamanitra ao anatiny izy. koa noho izany tsy ilaina ny tandindona; kanefa azo ampiasaina ihany izy eo amin'ny fifampikasoana hampiakatra ny finoana.

Ny hosotra amin'ny menaka dia tokony araham-bavaka amimpinoana mba hahasitranana ny marary.

**Jakoba 5: 15a** ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary. fa ny Tompo hanangana azy;

Tsy tokony ho tsianjery maimbo mihitsy ny hosotra amin'ny menaka.

## FANASITRANANA AMIN'NY LAMBA

---

### Ohatra iray

Indray mandeha fotsiny no ambara ao amin'ny Testamenta Vao-vao ny fampiasana lamba.

Asa 19: 11. 12 Ary ny tangan'i Paoly no nanaovan'Andriamanitra fahagagana lehibe maro. ka dia ny mosara sy ny fiaron'akanjo teny aminy no nentina hatao amin'ny marary. dia sitrana ny aretiny. ary nivoaka ny fanahy ratsy.

Ny herin'ny fanasitranan'ny Fanahy Masina dia niampita avy tamin'ny vatan'I Paoly nankany amin'ny lamba. Niala tamin'ny olona ny aretina ary nitsoaka izay tsy izy ny fanahy maloto.

### Mbola manan-kery hatramin'ny androany?

➔ **Ny lamba nohosorana menaka mbola mana-danja ankehitriny?**

Mampiasa fomba maro Andriamanitra mba hampino ny olona iray. Aza fehezina mihitsy amin'ny! Mahery vaika loatra ny herin'ny fanasitranan'Andriamanitra ka afaka ampitaina eny fa na dia amin'ny alalan'ny lamba fotsiny ihany aza.

Nampiasain'ny olona iray tena nanana finoana amin'ny herin'Andriamanitra farafaha-ratsiny io herin'ny fanasitranana io. Raha misy olona iray mitondra lamba hatao hosotra amin'ny olona iray. dia misy olona roa na mihoatra mivavaka mba hiakaran'ny hosotra ka hahasitranana ilay marary. Amim-pinoana no hametrahana ilay lamba amin'ny marary dia ho sitrana izy

Ilay lamba voahosotra dia lasa ivon'ny fifampikasohana. ary amin'ny alalany no hampanan-kery ny herin'Andriamanitra miasa amin-pinoana. Asam-pinoana ankasitrahana' Andriamanitra izany.

### Ahoana ny Fisehon'izany?

➔ **Ahoana ny fomba fampiasana ny lamba voahosotra ankehitriny?**

Ny Kristiana vita batisan'ny Fanahy Masina ary mino ny herin'ny fanasitranan'ny Fanahy Masina dia afaka mametratana amin'ny lamba. ka raha mino izy dia no hiasa ny herin'Andriamanitra.

Tokony ho lamba vita amin'ny akora voajanahary no ampiasaina. (fa tsy avy amin'ny syntetika na taratasy na hafa).

Azo ampiasaina koa io famba io rehefa misy fanahy ratsy na fanahy mampahasembana tiana horoahina.

Matetika tsy afaka manatona ny mpino feno ny Fanahy Masina ny olona satria efa marary mafy loatra. Ny fampiasana ny lamba

voahosotra dia mahomby raha tsy afaka mifankahita amin'ny marary ny mpanasitrana.

Tena ara-Baiboly ary mbola mana-kery ankehitriny ny fanasitranana amin'ny alalan'ny hosotry ny menaka amin'ny lamba.

# **FANONTIANANA FAMERENAN-DESONA**

1. Inona no maha-manandanja ny fikasihana eo amin'ny asan'ny fanasitranana?
  2. Nahoana no ilazana fa zava-dehibe ny mametraka ny tanana eo amin'ny faritra marary izay mila fanasitranana.
  3. Inona ny fepeṭra tsy maintsy hajaina rehefa hanao hosotra amin'ny menaka manarakana ny fenitry ny Baiboly eo amin'ny fanatanterahana ny asan'ny fanasitranana?
  4. Inona ny fepeṭra tsy maintsy hajaina rehefa hanasitrana marary amin'ny alalan'ny lamba ?

## Lesona Fahaenina

### **Ny Teny Izay Aloaky ny Vavantsika**

Amin'ny alalan'ny Teny tenenintsika no hiasan'ny finoana. Ao amin'ny lesona fahefatra isika dia nianatra fa ny finoana no fitaovana mampihetsika ny hery dynamitan'ny Fanahy Masina. Nianarantsika koa fa ny finoana dia teny tononina amimpinoana. Hitantsika koa ny ohatra mahakasika ilay vehivavy narary nampiseho ny finoany raha niteny hoe "Ho sitrana aho."

Misy karazan-tenim-pinoana efatra tokony hotononintsika mba hanehoantsika ny avy hatrany finoantsika. Ny herin'ny fanasitranan' Andriamanitra dia aseho amin'ny alalan'ny.

- Fanononana ny anaran'i Jesosy.
- Fandroahana ny fanahin'ny faharofiana.
- Fanononana ny famoronana fahagagana tena miasa.
- Ary ny Fanononana ny Tenin' Andriamanitra.

#### **TONONINA NY ANARAN'I JESOSY**

Misy dikany manokana ve ny hanononana ny anaran'i Jesosy? Moa ve misy hery hanononana io anarana io ?

Vavaka no dikan'ny hoe "Jesosy" ankehitriny. "Mamonjy antsika Andriamanitra." na koa "Jéhovah no Famonjeko." Misy hery ny fanononana ny anaran'i Jesosy.

#### **Fahefana ao amin'ny Anarana**

Inona ny Fahefana ao amin'ny anaran'i Jesosy?  
Ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.

Matio 28: 18 Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy eto an-tany;

#### **Ambonin'ny rehefa mety ho Anarana Rehetra**

Ny anaran'i Jesosy dia ambonin'ny anarana rehetra.

Filipiana 2: 5-10 Aoka ho ao aminareo izao saina izao. izay tao amin'i Kristy Jesosy koa. 6 Izay. na dia nanana ny endrik' Andriamanitra aza. dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin' Andriamanitra. fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endrikny mpanompo sy ny nahatonga-vany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izzy. dia nanetry tena ka nanaiky hatra-min'ny fahafatesana. dia ilay fahafatesana tamin'ny hazofijali-ana. Koa izany no nanandratan' Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra. mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra. na ny any an-danitra. na ny eto an-tany. na ny any ambanin'ny tany.

Misy anarana avokoa ny aretina tsirairay. Cancer. arthrite sy ny hoe fahalemena dia samy anaran'aretina. Ny anaran'i Jesosy dia ambonin'izany anaran'aretina rehetra izany. ka tonga dia mitolefika daholo ireo raha manonona amim-pinoana ny anarana hoe“Jesosy!” isika.

### Fanasitranana amin'ny alalan'ny Anarana

Ny Kristiana voalohany dia nanasitrana tamin'ny anaran'i Jesosy. Andao hojerena indray ny ohatra amin'ny Petera sy Jaona tamin'ny izy nanasitrana ilay nalemy hatrany am-bohoka. Nataony tamin'ny anaran'i Jesosy izany.

**Asa 3: 6** Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho. fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta. mitsangantsangàna.

### Ny Finoana ao amin'ny Anarany

Nilaza Petera rehefa nentanin'ny hosotry ny Fanahy Masina fa tamin'ny finoana ny anaran'i Jesosy no nahasitrana ilay lehilahy

**Asa 3: 16** Ary ny anarany no nampahantanjaka io lehilahy hitanareo sy fantatrareo io noho ny finoana ny anarany; eny. ny finoana izay azo amin'ny alalany no nahazoany izao fahasitranana tsara eto imasonareo rehetra izao.

### Tahotra ny amin'ny Fanononana ny Anarany

Vokatry ny asa fanasitranana nataony. dia nosamborina Petera sy Jaona. nogadraina ny alina. ary nampitahorin'ireo mpitondra jiosy izay nandrara azy tsy hiteny intsony ny anaran'I Jesosy. Nanaiky ny herin'ny anaran'I Jesosy ireo mpitondra fivavahana jiosy.

Toy izao no namalian'i Petera tamim-pinoana azy ireo mikasika ny nahasiranany ilay lehilahy nalemy.

**Asa 4: 10** dia aoka ho fantatrareo rehetra sy ny olona Isiraely rehetra fa ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta. Izay nohomboanareo tamin'ny hazofijaliana. fa natsangan'Andria-manitra tamin'ny maty kosa. dia Izy no itsanganan'io lehilahy io finaritra eto imasonareo.

### ➤ Famantarana sy Fahagagana amin'ny Anarany

Niara-nanandra-peo tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny vavaka izy ireo rehefa notantaraïn'i Jaona sy Petera ny nahazo azy. Nofaranany tamin'ny fangatahana famantarana sy fahagagana ny vavaka nataon'izy ireo

**Asa 4: 29-31** Koa ankehitriny. Tompo ô. jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra. omban'ny aninjiranao ny tànanao hahasitrana sy ny anaovana famantarana sy fahagagana amin'ny anaran'i Jesosy. Mpanomponao Masina.

Ary rehefa nivavaka izy. dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana.

➤ *Ataovy amin'ny Anaran'i Tompo ny Zavatra Rehetra*

Mampianatra antsika hanao ny zavatra rehetra amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ny bokin'ny Kolosiana.

Kolosiana 3: 17 Ary na inona na inona ataonareo. na amin'ny teny. na amin'ny asa. dia ataoovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany rehetra izany. ka misaora an'Andriamanitra Ray amin'ny alalany.

➤ *Mino ny Anarany*

Marka 16: 17. 18 Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy. dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy. dia ho sitrana ireny.

Tsy nisy marika ny teny grika. Azontsika vakiana tsotsotra toy izao ireo andininy ireo.

**Ireto ny zavatra hamantarana ireo izay nino ny anarako:**

- **Handroaka devoly izy.**
- **Hiteny teny vaovao izy.**
- **Tsy hatahotra handray ny bibilava (ny devoly) izy.**
- **Raha sanatria nahasotro zava-voapoizina izy. tsy hampaninona azy izany**
- **Hametra-tanana amin'ny marary izy ireo ka hahasitrana azy**

Misy fahefana ao amin'ny anaran'i Jesosy. ilay anarana ambonin 'ny anarana rehetra. Nanasitrana tamin'ny alalan'ny fanononana ny anaran'i Jesosy ny kristiana voalohany. Na dia nampitahorina hoheloina ho faty aza i Petera. dia mbola nanamafy hatrany fa tamin'ny alalan'ny fanononany ny anaran'i Jesosy no nahatanterahany ny fanasitrana nataony.

## **ROAHY NY FANAHIN'NY FAHAROFIANA**

---

### **Ny asan'i Jesosy**

Maro ny fanasitrana nataon'i Jesosy tamin'ny alalan'ny fandroahana fanahy demoniaka. Maro koa ankehitriny ny olona sitran'ny mpino izay manana fahefana amin'ireo fanahy ratsy alefan'ilay fahavaloo hangalatra. hamono ary handrava.

Hitantsika ao amin'ny Lioka ilay vehivavy voagejan'ny fatotry satana tamin'ny fanahin'ny faharofiana

Lioka 13: 11-13. 16 Ary. indro. nisy vehivavy izay nanana fanahy mahafarofy valo ambin'ny folo taona. ary nanjoko izy ka tsy nahatraka

akory. Ary rehefa nahita azy Jesosy. dia niantso azy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy. afaka amin'ny rofinao hianao.

Dia nametraka ny t<sup>an</sup>nany taminy Izy; ary niaraka tamin'izay dia nitraka ravehivavy sady nankalaza an'Andriamanitra.

Jesosy dia niteny mihitsy fa ity fanahin'aretina ity dia vokatry ny fanagejan'i satana

**Koa ity vehivavy zanak'i Abrahama ity. izay efa nafatotr'i Satana izao valo ambin'ny folo taona izao. moa tsy tokony hovahana ho afaka amin'izany fatorana izany amin'ny andro Sabata va?**

Ny teny hoe "Faharofiana" dia midika aretina na faharefoana. Ny fanahin'ny faharofiana tsotra fotsiny. fanahin'ny aretina sy faharefoana. Mety ho karazan'aretina maro izy io.

### Aretina tsy azo Sitranina

Amin'Andriamanitra. tsy misy aretina tsy azo sitranina. Ny aretina tsy sitran'ny mpitsabo dia avy amin'ny fanahin'ny devoly avokoa. Rehefa hanao asa fansitranana isika. dia tokony hiteny amin'ny fanahin'ny faharofiana. na manonona ilay aretina amin'ny anarany. Ohatra. miteny mivantana amin'ny fanahin'ny homamiadana. homamiadan'ny ra. aretin'ny vanintaolana

Ireto misy aretina vokatrin'ny fanahin'ny faharofiana:

Allergie	Infection
Toaka. sigara. rongony	habokana
Aretin'ny vanintaolana	Homamiadan'ny ra
Fahasemporana	Lupus
Fahajambana	Aretin'i Parkinson
Homamiadana	Fahalemena
Dépression	Fahalemen'ny atidoha
Diabeta	Sclérose
Fanaintainana	Sclérose en Plaques
Dystrophie Musculaire	Tsy faharenesana
Androbe	Sida
Hadalana	Fivontosana

## **Ohatra ao anaty Baiboly**

### **> Moana**

Matio 9: 32. 33a Ary rehefa nivoaka ireo. dia indro. nisy lehilahy moana anankiray izay demoniaka nentin'ny olona tany amin'i Jesosy. Voaroaka ny devoly. dia niteny ilay moana;

### **> Moana-Marenina**

Marka 9: 25 Ary nony hitan'i Jesosy fa nihazakazaka nanatona azy ny vahoaka. dia niteny mafy ny fanahy maloto izy ka nanao taminy hoe: Ry fanahy moana sy marenina! Izaho mandidy anao: Mivoaha aminy. ka aza miditra ao anatiny intsony.

### **> Fahatapahan'ny lalandra madinika**

Matio 17: 15. 18 Tompoko. mamindrà fo amin'ny zanako-lahy. fa mararin'ny androbe izy ka mahantre tokoa; fa matetika izy no mianjera ao amin'ny afo. ary matetika ao amin'ny rano.

Ary niteny mafy azy Jesosy. dia nivoaka taminy ny demonia. ka sitrana ilay zazalahy tamin'izay ora izay.

### **> Jamba sy moana**

Matio 12: 22 DIA nentina tany amin'i Jesosy ny lehilahy anankiray izay demoniaka. sady jamba no moana; dia nositraniny. ka dia niteny sy nahita ilay moana.

### **> Aretin'ny vanintaolana**

Lioka 13: 11. 12 Ary. indro. nisy vehivavy izay nanana fanahy mahafarofy valo ambin'ny folo taona. ary nanjoko izy ka tsy nahatraka akory. Ary rehefa nahita azy Jesosy. dia niantso azy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy. afaka amin'ny rofinao hianao.

## **Mamatotra dia Mamaha**

Amin'ny fifandraisantsika amin'ny fanahin'ny faharofiana. dia manana fahefana isika mba hahomby amin'ny izay asa ataontsika

Matio 16: 19 Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao eto ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

### **> Mamatotra**

**Ny hoe Mamatotra dia midika Manery. Manageja. Mamehy ny fahafahana hanao zavatra. Ohatra:**

**“Fatorako amin'ny vatan’ity olona ity ianao ry satana...”**

**“Feheziko ianao ry fanahin'ny homamiadana...”**

### **> Mamaha**

**Ny hoe Mamaha dia midika hoe manafaka ny olona amin'ny fatotrin'ny aretina**

**Lioka 13: 12b Ravehivavy. afaka amin'ny rofinao hianao.**

### **Roahina ny demonia**

Anisan'ny iraka nomena antsika ny fandroahana devoly

**Marka 16: 17a** Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy;

**Matio 9: 33** Ary rehefa navoaka ny demonia. dia niteny ilay moana; ary gaga ny vahoaka ka nanao hoe: Tsy mbola nisy niseho toy izao tamin'ny Isiraely.

#### *> Homamiadana – Ohatra Iray*

Ny fanahin-devolin'ny homamiadana no nahazo faka ao amin'ny olona voan'ny homamiadana. Andao hojerena ny zavatra tokony hatao hanasitranana ny homamiadana.

- > Voalohany. fatory satana amin'ny anaran'i Jesosy.*
- > Fatory ny fanahin'ny homamiadana ary baikoy hiala amin'ny anaran'i Jesosy*
- > Hozony ny fanahin'ny homamiadana. ary baikoy ho faty*

Tsy maintsy ampiasaintsika ny famakin'ny Tenin'Andriamanitra mba hamongorana hatramin'ny fakany ny homamiadana.

**Matio 3: 10** Ary. indro. efa mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo sahadys ny famaky; koa ny hazo rehetra izay tsy mamoatsoa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo.

Tsy ho voa tsara velively ny homamiadana. Vitantsika amimpinoana ny mandidy ho faty sy fongotra hatramin'ny fakany azy

Apetraho eo amin'ny faritra marary ny tanana. amimpinoana ampiasao ny herin'ny fanasitranana. tonony ny fahagagana hiasa. didio ny sela. ny taova marary ho sitrana sy hiverina amin'ny laoniny daholo amin'ny anaran'i Jesosy Kristy.

### **MITENENA AMIN'NY TENDROMBOHITRIN'NY ARETINA**

---

Matetika. nohon'ny loza samihafa. na ny fandidiana. na mety hatrany am-bohoka. na vokatry ny aretina. dia misy faritra banga ny vatana. Afaka manao fahagagana isika amin'ny alalan'ny "fitenenana amin'ny tendrom-bohitra"n'ny aretina ka mandidy ny faritra marary ho sitrana amin'ny alalan'ny herin'ny Tenin'Andriamanitra.

**Marka 11: 23** Lazaiko aminareo marina tokoao: Na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hoe: Mifindrà. ka mianjerà any an-dranomasina. ka tsy hiahahanhana ao am-pony. fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy. dia ho azony izany.

Omaly. nozonin'i Jesosy ilay aviavy. Tato aorianakely. gaga ny mpianatra fa dia maty ilay aviavy. Ao amin'ny andininy telo amby roapolono anomezan'i Jesosy azy ny fanazavana izany.

Hoy izy taminy. “Kely io aviavy io. azonareo atao ny mibaiko ny tendrombohitra hiova toerana”

Ny tendrombohitra amin'ny fainantsika dia mety ho arapanahy. ara-pihetsepo na ara-batana. Ny tendrombohitra dia manambara hery sy fahamarinan-toerana. fa Andriamanitra sy ny Teniny kosa dia mafy sy marin-toerana noho ny tendrombohitra rehetra manieran-tany mitambatra.

### **Mandidy!**

Hoy Jesosy. “ raha misy olona miteny. ” Fa tsy hoe “Raha misy mivavaka sy mangataka amin'ny Andriamanitra mba hanao izao.” Ny hoe “Hoy” dia midika avy hatrany ho didy.

Tsy misy ao amin'ny Baiboly ny mpianatra mivavaka ho an'ny marary aorian'ny fahatongavan'ny Fanahy Masina. Ny herin'ny Fanahy Masina fotsiny dia ampy nanaovany ny fanasitranana – dia ilay herin'ny fanasitranana izay ato amintsika ihany.

### **Sitrano ny Marary!**

Maro amitsika no mivavaka ho an'ny marary amin'ny fitalahana amin'Andriamanitra. nefo mihanahana ka tsy mahita vokatra. Tsy tokony hangataka amin'Andriamanitra hanao zavatra izay efa nampanaovery antsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina isika.

Matio 10: 8 Sitrano ny marary. atsangano ny maty. diovy ny boka. avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana hianareo. koa manomeza maimaimpoana.

Marka 16: 18b hametra-tànanana amin'ny marary izy. dia ho sitrana ireny

### **Mandray fahefana**

Nanome ny olona fahefana fara-tampony Andriamanitra.

Genesisy 1: 26a 26 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika. araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka

Tokony hiteny am-pahefana sy amin-kery tahaka izay nataon’I Jesosy isika satria efa nomeny antsika ilay hery nananany

Lioka 4: 32 Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany. satria misy fahefana ny teniny

Lioka 10: 19 Indro. efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavaloo hianareo. ka tsy hisy hampaninona anareo akory.

Ny hafatra sy ny fahefan'i Jesosy dia ao amintsika ary mbola manana ny heriny izany!

### **Tonony ny Teny**

Afaka miresaka momba ny aretina amin'ny hazo isika.

**Lioka 17: 6** Fa hoy ny Tompo: Raha manana finoana na dia hoatra ny voan-tsinapy iray aza hianareo. dia azonareo lazaina amin'io vorihazo io hoe: Miongota. ary aoka hambolena ao anatin'ny ranomasina. dia hanaiky anareo izy.

Notenenin'I Jesosy ny tazo tamin'ny rafozambavin'I Petera. Nampiasa ny fahefany taminy Izy.

**Lioka 4: 39** Dia nitsangana teo akaikiny Izy. ka noteneniny mafy ny tazo. dia niala tamin-dravehivavy izany; ary nitsangana niaraka tamin'izay izy ka nanompo azy ireo.

Ohatra. didintsika ny vatana mba ho tsisy kilema.

“Didiko ny tosidra mba ho amin'ny antonony. fa tsy hankarary!”

➤ “Mandidy ny voa izaho amin'ny anaran'i Jesosy mba hiasa tsara!”

Mampanao fahagagana ahitam-bokany isika.

➤ “Misia fo vaovao ato amin'ity vatana ity!”

➤ “Mandidy n'ireto ratsan-tanana ireto hihalehibe aho!”

**Marka 3: 1. 3. 5b** ARY niditra tao amin'ny synagoga indray Jesosy: ary nisy lehilahy anankiray maty tànana teo.

Dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tànana: Mitsangàna etsy afovoany.

dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tànanaao. Dia nahinjiny. ka sitrana ny tànany.

### **Miteny Amim-Pahatokiana sy Amim-Pahefana**

Rehefa mamaky Testamenta Vaovao mahkasika ny fanasitrana isika. matetika hitantsika ao ny teny fientanana toy:

**Jaona 11: 43** Ary rehefa nanao izany teny izany Izy. dia niantso tamin'ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy. mivoaha! **Asa 3: 6b:** Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta. mitsangantsangàna.

Nanasitrana olona malemy tongotra tao Lystra i Paoly

**Asa 14: 9. 10** izy nahare an'i Paoly nitor-teny; ary Paoly. nony nibanjina azy mafy ka nahita fa nanam-pinoana hositranina io. dia niteny tamin'ny feo mahery hoe: Mijoroa amin'ny tongotrao. Dia niantsambotsambotra ralehilahy ka nitsangantsangana.

Manana ohatra sy torolalana maro isika azahoantsika manao fanasitrana am-pinoana. Aoka ho arahintsika foana ny Tenin' Andriamanitra na dia tsy mifanaraka amin'ny fanaontsika aza

## **TONONY NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

---

Misy dikany lehibe ny teny miloaka ny vavantsika rehefa manao ny asa fanasitranana amin'ny olon'Andriamanitra isika. Ny tenintsika dia na mitondra aina na fahafatesana. na aretina. na fahasalamana. Ny Tenin'Andriamanitra no tsy maintsy tenenintsika. Mitondra fanasitranana ny Tenin'Andriamanitra.

### **Fiainana na Fahafatesana**

Nilaza tsara ny Mpanjaka Salomona ny herin'ny lela no mahavelona na mahafaty

**Ohabolana 18: 21 Ny mahafaty sy ny mahavelona samy hain'ny lela.**

Maro ny olona no mamotika ny tenany na ny tenan'ny hafa amin'ny alalan'ny zavatra teneniny. Ny sasany kosa miaina tsara amin'ny Tenin'Andriamanitra am-pinoana.

### **Manambara Famonjena**

Mino ny fo. ary ny vava manambara famonjena.

Romana10: 8-9 Fa ahoana no lazainy? Eo ankaikinao ny teny. dia eo am-bavanao sy ao am-ponao di any teny ny amin'ny finoana izay torinay; satria raha manaiky an'I Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty. dia hovonjena ianao.

Ny famonjena tanteraka dia ahitana ny fanasitranana sy ny fanafahana. Tokony hino amin'ny fo sy hanambara amin'ny vava ny fanasitranana isika tahaka ny hinoantsika amin'ny fo sy hitenenantsika amin'ny vava

### **Manambara ny Teny**

Fantatr'ilay Kapiteny ny hery sy fahefan'ny tenin'i Jesosy rehefa nanatona azy izy niangavy azy. Hoy mantsy izy. "mitenena fotsiny hianao. dia ho sitrana ny ankizilahiko."

Matio 8: 5-10. 13 ARY nony tonga tao Kapernaomy Jesosy. dia nisy kapiteny anankiray nankao aminy ka nitaraina taminy nanao hoe: Tompoko ô. ny ankizilahiko mandry ao an-trano. mararin'ny paralysisa ka mijaly loatra.

Dia hoy Jesosy taminy: Ho avy Aho hahasitrana azy.

Fa namaly ilay kapiteny ka nanao hoe: Tompoko. tsy mendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho; fa mitenena ihany. dia ho sitrana ny ankizilahiko.

Fa izaho koa mba lehilahy manan-dehibe ihany ka manana miaramila izay feheziko; ary raha hoy izaho amin'ny anankiray: Mandehana. dia mandeha izy; ary amin'ny anankiray koa: Avia. dia avy izy; ary amin'ny andevolahiko: Ataovy izao. dia manao izy.

Ary nony nahare izany Jesosy. dia gaga ka niteny tamin'izay nanaraka Azy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho na dia tamin'ny Isirael aza. .

Ary Jesosy niteny tamin'ilay kapiteny hoe: Mandehana; tongava aminao araka ny ninoanao. Dia sitrana tamin'izany ora izany ilay ankizilahy.

Nodokafan'i Jesosy ilay Kapiteny noho ny finoany fa tsy mila manao inona afa-tsy miteny fotsiny Jesosy dia ho sitrana ny ankizilahiny. Fantany tsara ny fahefany. sy ny herin'ny Teniny. . Raha ny teny fotsiny no amboratsika. tsy mamboraka ny fihetsempo na ny fisalasalana nany tsy finoana isika.

### **Mihaino Ny Teniny**

Ampianarina isika hihaino Ny Teniny.

Ohabolana 4: 20-22 Anaka. tandremo ny teniko; Atongilano ny sofinao hihaino ny filazako. Aza avela hiala eo imasonao izy. Fa raketo ao am-ponao. Fa aina ho an'ny mahazo azy izy Ary fahasalamana ho an'nynofony rehetra.

### **Alefaso ny Teniny**

Ao amin'ny Salamo. Hitantsika fa nandefa ny Teniny Andriamanitra ary nahasitrana azy ireo

Salamo 107: 20 Nandefa ny teniny Izy mba hahasitrana azy Ary nanafaka azy tamin'ny longoa nianjerany.

Rehefa mivolana isika dia mandefa teny. Manana ny fahefan'I Jesosy isika. Afaka mandefa ny Tenin'Andriamanitra isika. raha manao izany am-pinoana sy anim-pahefana tanteraka.

### **Tsy Hiverina Tsy Nanao Ny asany**

Nampanatena Andriamanitra fa tsy hiverim-potsiny ny Teniny. Tsy hiverina tsy nanao ny asany izy.

Isaia 55: 10. 11 Fa toy ny ranonorana sy ny orampanala milatsaka avy any andanitra Ka tsy miverina any. Raha tsy efa nahavonto ny tany Ka nampaniry sy nampahavokatra azy. Mba hahatonga voa ho an'ny mpamafy Sy hanina ho an'ny mpihinana. Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy. Raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako Ary ambinina amin'izay ampendehanako azy.

Hitantsika tsara fa misy antony ny anomezana ny Tenin'Andriamanitra dia ary tsy hiverim-potsiny. Isan'ny planin'Andriamanitra ny hitondra fanasitranana ho an'ny firenena. Isika no tana na sy vavan'Andriamanitra ankehitriny. Aoka isika hihaino ny Feony. andao toriana ny Tenim-pamonjeny. ary andao isika hitondra fanasitranana ho an'ny olony.

# **FANONTIANANA FAMERENAN-DESONA**

1. Inona no andrasanao rehefa mampiasa ny anaran'i Jesosy ianao rehefa manao ny asa fanasitranana amin'ny marary ? Hazavao.
  2. Raha mivavaka ho an'olona iray izay efa nialan'ny mpitsabo nenina noho ny aretina homamiadana fartampony na tratran'ny aretina "tsy azo sitranina intsony" ianao. Ahoana ny fomba ataonao hitondrana ny fanasitranana aminy?
  3. Tanisao ireo ohatra ara-Baiboly dimy momba ny fitenenana amin-kery rehefa manao asa fanasitranana ianao.

## Lesona Fahafito

### ***Fanasitranana amin'ny alalan'ny Asa sy ny Vavaka***

Hitantsika tamin'ny lesona teo aloha fa tena zava-dehibe ny mahalala ny Tenin'Andriamanitra hanasitranana ny marary. Kanefa. na eo aza ny zavatra izay fantatsika. tsy handaitra ny asa fanasitranana raha tsy manao ilay asa isika. Tsy maintsy tononontsika ny finoana. Tsy maintsy manao ny asa isika. Tsy maintsy manolo-tanana ny marary isika

---

#### **NY ANJARAN'ANDRIAMANITRA – NY ANJARANTSIIKA**

---

***Mba ho tanteraka ny fahagagana. tsy maintsy manao ny asa anjarantsika isika ary miandry ny anaovan'Andriamanitra ny Azy.***

*Nanamboatra ny Sambo fiara Noe – Nandefa ny tondra-drano Andriamanitra.*

*Nainjitr'i Mosesy ny hazo – Nasian'Andriamanitra lalana ny ranomasina.*

*Nihodidina ny mandan'i Jeriko i Josoa – Nazeran'Andriamanitra ny rindrina.*

*Natsipin'i Elisa tanaty rano ny hazo – natsingevan'Andriamanitra ny vy.*

---

#### **Ny Anjaran'Andriamanitra**

Rehefa manao asa fanasitranana. dia misy anjara asantsika ary misy ny anjara asan'Andriamanitra. Zava-dehibe ny ahafantaranana izay rindran'asa izay. Raha minon ny tenin'i Jesosy isika ka manao ny asa entanin'izany finoana izany. hanatanteraka ny anjara asany koa Andriamanitra amin'ny fanasitranana.

#### **➤ Azo Atao Daholo**

Mora ny miteny miaraka amin'ny Jesosy hoe. “Hain'Andriamanitra avokoa ny zava-drehetra !”

**Lioka 18: 27 Fa hoy Jesosy: Izay zavatra tsy hain'ny olona dia hain'Andriamanitra.**

**Marka 10: 27 Fa Jesosy njery azy ka nanao hoe: Raha amin'ny olona. dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra.**

**Fa somary sarotra ny hanaiky an'i Jesosy raha hoy Izy hoe. “Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino. . ”**

**Marka 9: 23 Fa hoy Jesosy taminy: Hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.**

Raha jerena fotsiny amin'izao. dia mety tsy ho tanteraka izany. Koa satria Andriamanitra no niteny izany. dia azo atao izany ilay zavatra. tsy amin'ny herintsika fa amin'ny herin'Andriama-

nitra. Tsy hampanao zavatra tsy haintsika hatao mihitsy Andriamanitra.

Matio 17: 20 ... Ary hoy Jesosy taminy: Noho ny fahakelezan'ny finoanareo ihany; fa lazaiko aminareo marina tokoa: Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza hianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hoe: Mifindrà er. dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao.

## Ny Anjarantsika

### ➤ Mpakato

Niteny tamintsika Jesosy hametra-tanana amin'ny marary. Tsy tokony avelantsika hahazo vahana ny tahotra mba tsy hanantanterahana izany baiko izany!

1 Samoela 15: 22 Fa hoy Samoela: Sitrak'i Jehovah moa ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa alatsa-dra mihoatra noho ny mihaino ny feon'i Jehovah? He! ny manaraka no tsara noho ny fanatitra. ary ny mihaino no tsara noho ny saboran' ondrilahy.

Raha te hanao ny andran'ny fahagagan'ny fanasitravana isika amin'ny fiainana. dia tokony ho mpankato anatra sy ny didin'ny Tenin'Andriamanitra. Tokony ho vonona foana isika hankato sy hanao izay bitsihin'ny Fanahy Masina amintsika fa tsy mieritreritra izay zavatra mety hanelingelina ny fahatanterahany

### ➤ Omen-Danja Lehibe foana ny hoe “Vitako io”

Azontsika atao avokoa izay tenenin'Andriamanitra hataontsika am-pinoana lehibe: ka tsy hiteny an'izao intsony isika. “Tsy vitako izany” fa hanaraka ny Tenin'Andriamanitra ka hanao hoe. “Vitako izany!”

Filipiana 4: 13 Mahay ny zavatra rehetra aho amin'ilay mampahery ahy.

### ➤ Mandresy ny Tahotra

Ny fatahorana ny tsy fahombiazana sy ny fisalasalana dia tsy mba avy amin'ny Andriamanitra. Sakana tsy azahoantsika manao ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fiainatsika izany. Ny tahotra hafahafa dia fanahin'ny fahatahorana alefan'ny satana hanakanana ny fankatoavantsika an'Andriamanitra.

2 Timoty 1: 7 Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika. fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena.

Tokony horesentsika ny tahotry ny tsy fahombiazana raha te hankato marina ny Tenin'Andriamanitra isika. Raha nisy fahagagana tsy tanteraka. dia tsy tokony hatahotra koa. Raha nanentry tena Jesosy ho antsika. nahoana isika no tsy hanao izany ho Azy?

Filipiana 2: 7 fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona;

Aza manontany mihitsy hoe. “Raha tsisy n’inoninona mitranga?” Izao eritreretina. “Raha mankato izaho dia ho sitrana ireo?”

## **MIASA AMIN’NY ALALAN’NY FINOANA FA TSY NY FIHETSEMPY**

Maro no tsy nahazo fanasitranana na tsy nahomby tamin’ny asa nataony na dia tamim-pinoana aza noho ny tahotra. fosalasalana sy tsy fahatanterahana. Tsy afa-miasa miaraka ny finoana sy ny tahotra.

Amin’ny maha mpino antsika dia tokony ho ny Fanahy no hainantsika. Ny eritreritsika dia tokony ho havaozin’ny Tenin’ Andriamanitra lalandava. Ny asantsika dia tokony fifanarakaka amin’ny Tenin’Andriamanitra nampitainy ao amin’ny saintsika.

Tsy ny fahaiza-manao nananantsika taloha. fa ny fihetsem-po no hampanaiky antsika hanao ny asan’ny fanahy rehefa tafahorina tsara ao anatintsika izy. Tsy hahasakana antsika hankato an’Andriamanitra intsony I satana.

### **Finoana ao amin’ny Teny**

Tsy maintsy mahalala tsara ny Tenin’Andriamanitra sy izay tiany hotanterahany isika raha te hino an’Andriamanitra noho ny fahagagan’ny fanasitranana.

#### **► Ny Finoana:**

- **dia tsy Fihetsempo velively ary ny Fihetsempo dia tsy finoana velively**
- **dia tsy misy ifandraisany amin’ny fihetsempo – Aza asiana lanja mihitsy ny fihetsempo**
- **dia avy amin’Andriamanitra**
- **dia mahafantatra. mitombo. ary mandray izay amborak’Andriamanitra ao amin’ny Teniny**

Hoy ny fihetsempo hoe:

“reraka loatra aho izany. ”

“tsy haiko hoe... Asa. mety tsy hahomby aho. ”

“Efa nanandrana ihany izaho taloha. nef...”

“Hanao ihany aho. nef a misalasala aho satria...”

Hoy kosa ny Finoana hoe:

“Hino aho ary hanao araka ny Tenin’Andriamanitra”

“Hino aho ary haharay”

“tsy hisalasala aho ary hanao!”

Mety haharay ny fanasitranana noho ny herin’Andriamanitra ny olona iray nef a tsy mahatsapa na inona na inona. Mety

hahatsapa ny tena herin'ny fanasitranan' Andriamanitra koa ny sasany ka mahare hafanana. na hatsiaka. na koa toa voadona. Tsy mila misaina fihetsempo isika rehefa mila fanasitranana. fa miandry fotsiny. mila mino ary miandry ny valiny tsara izay nampanatenaina

## **MIHETSIKA AMIN'NY ALALAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

---

### **Niasa am-pahatokiana Jesosy**

Matetika Jesosy nanasitrana noho ny fanehoam-patokiana.

#### **> “Ahinjiro ny Tananao”**

Nanasitrana lehilahy iray maty tanana Jesosy rehefa niteny taminy mba hanao zavatra tsy hainy atao.

Matio 12: 10a. 13 I ary. indro. nisy lehilahy maty tànana teo.

13 Dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tànanao. Dia nahinjiny ka sitrana ho tahaka ny anankiray.

Hita ao amin'ny Marka 3: 1-5. sy Lioka 6: 6-10 io tantara io. Milaza fanatanterahana avy hatrany io andininy io. Niteny tamin'ilay lehilahy hanao zavatra Jesosy. Nanao izay nampanao viny azy ilay lehilahy. ka dia sitrana avy hatrany.

#### **> “Mandehana Misasa Ianao”**

Nanasitrana lehilahy jamba Jesosy tamin'ny nilazany azy hisasa teo amin'ny farihy

Jaona 9: 6. 7 Rehefa nilaza izany Izy. dia nandrora tamin'ny tany ka nanao feta tamin'ny rora. dia nahosony ny mason'ilay jamba. Ary hoy Izy taminy: Andeha. sasao ny masonao any amin'ny farihy Siloama (izay atao hoe. raha adika. Nirahina). Dia lasa izy ka nanasa. dia niverina nahiratra.

Rehefa nanao feta ve Jesosy vao sitrana ilay lehilahy. sa rehefa nohosorany ny masonry. sa rehefa nandeha nisasa izy?

Sitrana avy hatrany ilay lehilahy rehefa nino. nankato an' Andriamanitra ary nampiasa ny finoany

#### **> “Betao n y Fandrianao”**

Jesosy ordonna au paralytique. “Lève-toi. prends ton lit et va.”

Marka 2: 11. 12

11 Mitsangàna. betao ny fandrianao. ka modia any an-tranonao. Dia nitsangana izy ka nambeta ny fandriany niaraka tamin'izay ary niala teo anatrehan'ny olona rehetra; dia talanjona izy rehetra ka nankalaza an' Andriamanitra nanao hoe: Tsy mbola nahita izay toy izao izahay. .

Raha amin'izao fotsiny. dia tsy ho vitan'ilay lehilahy mihitsy ny hitsangana. hibeta ny fandriany. ary handeha! Fa hainy tsara kosa ny nolazain' Andriamanitra. Tonga dia nankato izy ary tonga sitrana.

## **Nanaraka ny Ohatra ny Mpianatra**

Petera et Jaona dia nanaraka ny oham-panasitranana nataon'i Jesosy. Nodidiany hitsangana sy handeha ilay lehilahy nalemy.

Asa 3: 6. 7 Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho. fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazarea. mitsangantsangàna.

7 Ary noraisiny tamin'ny tènany ankavanana ralehilahy ka natsangany; dia natanjaka niaraka tamin'izay ny tongony sy ny kitrokeliny. .

## **Finoana Miampy Asa**

Jakoba dia nilaza fa maty ny finoana tsy arahan'asa.

Jakoba 2: 14. 17. 18. 20 INONA moa no soa azo. ry rahalahiko. raha misy milaza fa manam-pinoana izy. nefo tsy manana asa? Ny finoana va mahavony azy?

Ary mba toy izany koa ny finoana. raha tsy misy asa. dia maty mihitsy.

Fa angamba hisy hanao hoe: Hiana manam-pinoana. ary izaho manana asa; asehoy amiko tsy amin'ny asa ny finoana. ary izaho kosa haneho aminao ny finoako amin'ny asako.

Moa tsy fantatrao va. ry olom-poana. fa tsy vanona ny finoana tsy misy asa?

Tsy maintsy mandray ny Tenin'Andriamanitra isika satria maty ny finoana tsy arahan'asa. Rehefa miasa ny finoantsika. dia afaka mampiasa ny herin'ny fanasitranan'Andriamanitra isika. Rehefa miditra an-tsehatra ny herin'Andriamanitra. tsy maintsy miala ny aretina

Zava-dehibe ny finoana sy ny asa eo amin'ny asa fanasitranana. . Indraindray amin'ny alalan'ilay miasa amin'ny fanasitranana. Indraindray noho ny fandraisan'ilay sitranina ny asa amimpinoana rehefa nankato ny tsara ny toromarika izy.

## **Torohevitra Momba ny Asa**

Rehefa manao ny asa fanasitranana amin'ny olona ianao. asaivo manao zavatra tsy hainy izy. Ohatra:

➤ “Hetseho ny sandry” – “Miondreha” – “Porofoy”  
➤ Anontanio am-patokiana izy. “Nanao ahoana ilay narary teo?”

► Asehoy fa Marina ny Tenin'Andriamanitra izay inoanao. Miasa araka ny Tenin'Andriamanitra. Miasa araka ny finoana anananao.

➤ Miditra an-tsehatra ny finoana.  
➤ Miasa ny herin'Andriamanitra.

## > Tonga ny fanasitranana!

### > Fampitandremana!

Tsy azontsika atao ny miteny amin'ny olona hanala. na hanajanona ny fanafodiny. na dia am-pomba ankolaka aza. Tsy haintsika mantsy ny fahavontosam-pinoan'io olona io na mety hisy zavatra eo amin'ny fiainany hanakana azy tsy handray ny asan'ny fanasitranana.

Mila miresaka tsotra aminy isika ary mamela ny finoana hitombo ao aminy. Raha manam-pinoana hanala ny echarpe izy. vao maika tsara!

**Naoty:** mety ho meloka ianao noho ny valiny tsy mahomby ankehitriny na amin'ny ho avy. tamin'ny asa nataonao izay mifanohitra amin'ny toromariky ny dokotera

## **MAHAFANTATRA NY VAVAKA SY NY FANASITRANANA**

---

### **Hevitra Diso**

Misy hevi-diso momba ny fivavahana ary dia tafiditra ao anatin'izany ny asa fanasitranana ny marary. Maro ny mihevitra fa tsy maintsy mivavaka izy aloha. mangataka. avy eo mitalaho amin'Andriamanitra. toy ny hoe tsy mionana Andriamanitra hanasitrana. Mila anton-javatra izy holazaina amin'Andriamanitra mba hanasitranana olona. Ohatra. "Mpitondua fivavahana ao amina-Fiangonana iray izy. . Olona tsotra io. tokony hositranina.

Vonona foana Andriamanitra hanasitrana marary! Nanao ny anjara asany Izy roa arivo taona lasa izay. rehefa nitondra ny haratsiana sy ny aretintsika Jesosy tamin'ny alalan'ny diankapoka teo amin'ny Vatany. Miteny amintsika Izy izao mba hanao izay nataony ; manasitrana ny marary. mampitsangana ny maty. mametra-tanana amin'ny marary dia ho sitrana ireo!

Ny fianarana azontsika angamba dia mety hoe mivavaka ho an'ny marary. fa Jesosy kosa niteny hoe hanasitrana azy.

Ankoatry ny Jakoba 5: 14 tsy misy andininy milaza fa niantso ny loholon'ny fiangonana hanosotra menaka ary ny vavaka atao amim-pinoana dia hahasitrana ny marary. tsy misy ohatra hafa momba ny fanasitranana ataon'ny mpino aorian'ny andron'ny pentekosta "mivavaka ho an'ny marary"

### **Famaritana ny Atao hoe Vavaka**

Ny vavaka dia tsy tokony ho endrika fitalahoana mafy amin' Andriamanitra mba hanaovany zavatra ho antsika.

➔ **Ny vavaka dia fanehoana finoana ao amin'ny Tenin' Andriamanitra. mba afahan'Andriamanitra hanatanteraka ny Teniny. ka mifanaraka amin'ny fampantanen'Andriamanitra. dia hanao izany Izy**

Lasa finoana ny fenantenantsika rehefa mivavaka ny Tenin' Andriamanitra isika. ary izany finoana izany no mitarika antsika hankato an'Andriamanitra. Rehefa mivavaka amim-pinoana isika. dia manomboka mandray izay efa antsika rahateo isika araka izay efa nampanatenain'Andriamanitra. Manomboka manao ny asan'i Jesosy isika eo. Manandratra ny finoantsika ny fivavahana ao anatin'ny fahombiazana tanteraka.

Ny vavaka. fanehoana ny finoana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. dia fotoana hiainoan'Andriamanitra izay manomana antsika amin'ny fotoana amin'ny asa rehefa manasitrana ny marary isika araka ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra.

## **FIARAHANA AO AMIN'NY VAVAKA**

---

### **Roa mifanaraka**

Ny famaritana araka ny Baiboly ny faneke na amin'ny vavaka dia foto-pisainana manan-danja tsy maintsy azo tsara ary ampiharina amin'ny fanasitrana ny marary.

Matio 18: 19. 20 Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky eto ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany. dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako. dia ao afovoany Aho.

Rehefa mifanaraka ianareo. dia mifandray tsara izany ianareo. Raha misy roa mifanaraka. ka mino amin'ny anaran'l Jesosy ny fanasitrana. tonga dia efa eny an-dalana ny valim-bavaka satria eo Andriamanitra.

Misy hery bebe kokoa rehefa mifanaraka tsara amin'ny olona hafa isika.

Josua 23: 10 Ny lehilahy iray aminareo manenjika ny arivo; fa Jehovah Andriamanitrareo. Izy no miady ho anareo. araka izay nolazainy taminareo.

Deutoronomia 32: 30 Hataon'ny irey ahoana no fanenjika ny arivo. Ary hataon'ny roa lahy ahoana no fampadositra ny iray alina.

Mifampila isika rehetra. Tadidio. iray afaka manenjika arivo. fa roa mampadositra ny iray alina. Ny vavaka iarahana dia mampitombo ny fahombiazana folo henry

Raha mety. tokony hampionsika ny olona marary hampiorina tsara ny finoany amin'ny alalan'ny fampianarana azy ny Teny mba hahasitrana azy ary mba hananany lentam-pinoana mitovy amin'ny antsika koa.

Misy tranga ahitana fa tena marary mafy ilay marary ka sarotra ho azy ny handray ny fahamarinan'ny Baiboly momba ny fanasitrana. eny fa na dia ny hihaino ny Tenin'Andriamanitra aza. ary eo indrindra no ilaina ny fifanarahan'ny mpino roa.

Rehefa mifanaraka isika. mitombo be ny finoantsika ary mahomby kokoa ny asa amin'izay

## NY VAVAKY NY FINOANA

---

### Finoana ao Amin'ny Tenin'Andriamanitra

Ny vavaka dia singa fototra amin'ny asa fitoriana. Tsy maintsy mahomby ny vavaka fa tsy mila averimberina be fotsiny. Mitalaho ny fivavaky ny finoana no tsiambaratelon'ny fahombiazana mahery.

- **Ny fivavaky ny finoana dia vavaka mifanaraka amin'ny fahamarinana. ny didy ary ny fampanantenan'Andriamanitra. Ny fivavaky ny finoana dia mahita ny lalina tsy hita maso sy ny lalana aleha. fivavaky ny finoana dia mitondra mankany amin'ny fahatanterahana.**

Jakoba 5: 14. 15 Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon' ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy;

ary ny fivavaky ny finoana dia hamony ilay marary. fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy. dia havela ny helony..

Marka 11: 22-24 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Manàna finoana an'Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hoe: Mifindrà. ka mianjerà any an-dranomasina. ka tsy hiahahanhana ao am-pony. fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy. dia ho azony izany. Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo. dia minoa fa efa nandray hianareo. dia ho azonareo izany.

### Fahavalon'ny Finoana

Ny tena fahavalon'ny finoana dia ny eritreritra tsy nohavaozina. Tsy afaka mampiasa miaraka ny Fanahy sy ny faharanitantsaina isika

#### ➤ *Tsisy Indra-Fo*

Tsy misy vavaka finoana mahomby raha tsy misy famelan-keloka eo amin'ny fiainana. Ny tsy famelana heloka dia mampisy rindrina amintsika sy Andriamanitra. Tsy afaka miaraka ny tsy famelan-keloka sy ny fanaovana asam-pinoana.

Marka 11: 25 Ary raha mitsangana mivavaka hianareo. ka misy olona anananareo alahelo. dia mamelà ny helony. mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.

Mifanohitra amin'ny finoana ny fihazohazoana. Ny fivavaky ny finoana dia "mino fa naharay ianao". Ny fianahanahana no tsy azahoantsika izay efa nomanin'Andriamanitra ho antsika

Ny tena finoana dia tsy mifototra amin'ny fijoroana vavolombelona na dia amporosiana aza izany eo amin'ny finoantsika. Ny Tenin'Andriamanitra ihany no tena Fototry ny Finoana marina.

## ➤ *Ny fisalasalana*

Ny fisalasalana koa dia mifanohitra amin'ny finoana Tsy mety amin'ny fanasitranana ny vavaky ny finoana raha mbola misy ny fisalasalana fa sitrapon'Andriamanitra ny hanasitranana. Ny fampianarana fa mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra dia mitarika any amin'ny fianahanahana sy fisalasalana. Ny tsy fision'ny famelankeloka. ny fianahanahana sy fisalasalana dia tena vokatry ny feritreritra marindrano.

Raha sitrapon'Andriamanitra ny hamparary antsika. tsy ho fahadisoana ve ny hivavaka amin'ny fivavahan'ny finoana ho an'ny fanasitranana ? Tsy ho fahadisoana koa ve ny hitady vonjy any amin'ny dokotera. hihinana fanafody?

Raha tian'Andriamanitra ny hanasazy antsika amin'ny aretina na hampianatra zavatra antsika. na hiravaka voninahitra. tsy tokony hanaiky ny aretina ve isika izany. dia tsy hanao na inona na inona hanelingelenana ny sitrapon'Andriamanitra?

Voninahitra ho an'Andriamanitra! Tsy nilaza mihintsy hoe hampizioga ny aretina amintsika Izy. Izao no nolazainy : Izy no niaritra ny aretina. ny faharariana sy ny fijaliana ho antsika!

## **Valiny eo no ho eo?**

Misy valiny eo no ho eo sy azo tsapain-tanana ve ny vavaky ny finoana ?

Na dia tsy mahazo valiny eo noho eo aza isika rehefa manao vavaky ny finoana. mino isika fa efa nahazo ny valiny. Marina ny Tenin'Andriamanitra. Tokony hino tsy am-pisalasalana isika. mahatoky Azy tanteraka fa hahafongotra ny soritr'aretina amintsika Izy. Matetika mantsy dia miandry fotoana ela isika vao mahita ny valin'ny fanasitranana. izay tokony hiseho eo noho eo.

Ny fivavaky ny finoana dia ampahany tena manan-danja amin'ny asn'ny fanasitranana. Raha tena mino ny Tenin'Andriamanitra isika ka miasa am-pinoana tanteraka. dia hahafindra tendrombohitra tokoa.

Tokony hidera an'Andriamanitra isika rehefa mahatoky fa marina ny Teniny. toy izay hitebiteby hiandry valin-javatra mandiso fanantenana. Dero Andriamanitra amin'ny fanovana soa vitany. tsy am-pijerena ny hangezan'izany fanovana izany. Aza manary toky. fa tohizo ny finoana mandra-pahaazo ny zavatra nantenaina hatramin'ny farany.

## MIVAVAKA AMIN'NY TENINY

---

### Famaritana

- Ny hoe Mivavaka amin'ny Teny dia maka andininny amin'ny Soratra Masina. dia ivavahana Andriamanitra. avy eo mandray iny andininny iny ho an'ny tena manokana. Izany no mampiakatra ny finoantsika an'Andriamanitra mba hahatanteraka izay nolazainy. Ohatra:

*Ray o. Araka ny Teninao ao amin'ny Isaia 53: 5  
Voalefona noho ny hadisoaka Jesosy; ny fampijaliana  
nahazoako fihavanana no namelezana Azy. ary ny dian-  
kapoka taminy no nahasitrana Ahy. Mino aho fa  
hotanterahanao tokoa izay nosoratanao. Sitrana aho!*

Raiso ny Tenin'Andriamanitra rehefa hiresaka Aminy amin'ny fivavahana ianao.

Efesiana 6: 17. 18a Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy; ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana.

Ny sabatry ny Fanahy dia ny Tenin'Andriamanitra. Raison y fitaovana nomen'Andriamanitra antsika handresena an'i satana. Rehefa mivavaka amin'ny Teniny isika dia afaka matoky fa mivavaka miaraka amin'ny Andriamanitra.

### Vavaka mahomby

Ny fivavaka amin'ny Tenin'Andriamanitra amim-pinoana miaraka Aminy dia tena manan-danja rehefa manao ny asan'i Jesosy isika amin'ny fanasitranana ny marary.

Marka 1: 35 ARY nifoha maraina alina koa Izy. dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany.

Jakoba 5: 16 Koa mifaneke heloka hianareo. ary mifampivavaha. mba ho sitrana hianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.

## MIVAVAKA HO AN'NY TOROMARIKA

---

Mahomby kokoa ny fivavahantsika ho an'ny tenantsika na ho an'ny hafa raha ohatra ka mangataka amin'Andriamanitra isika aloha ny torolalana manokana amin'ny fomba fivavahana na rehefa hanao ny asa fanasitranana. Afaka maka ohatra ny amin'I Paoly isika tamin'izy nanao ny asa teo amin'ny nosy Malte.

Asa 28: 8 Ary nararin'ny tazo sady nivalan-dra ny rain'i Poplio; ary Paoly nuditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tànanana taminy. dia nahasitrana azy.

Nahoana no asehon'ny Baiboly tsara fa nanao ny asa fanasitranana i Paoly rehefa avy nivavaka? Ny fivavany dia toy ny hoe Mihaino an'Andriamanitra aloha – miandry torolalana mazava avy Aminy amin'ny fomba hanaovana ny asa mba

ahitam-bokany. Tamim-pankatoavana sy tsy tamimpambahambahana. nametraka ny tanany i Paoly ary nahasitrana ilay nararin'ny tazo.

### **FANONTIANANA FAMERENAN-DESONA**

---

1. Lazalazao ny anjara asantsika sy ny anjara asan'Andriamanitra mahakasika ny fanasitranana ny marary.
2. Hazavao. ahoana ny fomba tokony ampiasainao ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny vavaka.
3. Omeo ny famaritana ny hoe “vavaka iarohana” sy ny “vavaky ny finoana”. Ary hazavao. ahoana no afahan’ny vavaka mampahomby kokoa ny asanao amin’ny fanasitranana ny marary?

## Lesona Fahavalô

### *Fanasitranana Avy ao Anaty Mankany Ivelany*

Mamoaka ny fahamarinana ny Tenin'Andriamanitra – miankina amin'ny fahasalamana sy fahasitranan'ny fanahintsika ny fahasalamana sy fahasitranan'ny vatantsika. Ny fikarohna nataon'ny manam-pahaizan'ny fahasalamana dia milaza fa ny tsy famelana heloka. ny fitiavana hamaly faty. ny fahalahe-lovana lava. sy ny fankahalana dia mety hiteraka ny aretina toy ny aretin'ny vanintaolana. ny romatisma ary ny homamiadana.

#### **Hidio ny Varavarana!**

Ny fieritreretana zavatra tsy mahomby foana. dia hahamora foana ny fanapotehan'i satana ny vatantsika.

Efesiana 4: 26. 27 Tezera. fa aza manota; ary aoka tsy ho trtry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.

Matetika. ny aretin'ny vatana dia fisehoana ety ivelany ny rofy ao anaty sy mahazo ny fanahy. Rehefa mamela ny helok'ireo nivadika tamintsika na ireo izay nandratra antsika isika. dia ho afaka hanidy ny varavarava isika ary hanakana an'i satana tsy hanafika ny vatantsika amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fieritreretana foana ny Tenin'Andriamanitra. ka hivorina indray ny fanahintsika amin'ny alalan'ny herin'ny fanasitranan'Andria-manitra.

Ny tsy famelan heloka sy ny fieritreretana zavatra tsy mahomby foana dia ho sakana ho an'ny olona tsy afahany mandray ny asan'ny fanasitranana ao amin'ny vatany. Eny fa ireo izay efa nahazo ny fanasitranana ara-batana aza dia mety hiverina harary indray raha toa ka miziriziry izy tsy hamela ny helok'ireo izay nahavanon-doza taminy.

Mora ho an'ireo izay mankato ny Tenin'Andriamanitra sy ma-mela heloka ny sasany ny handray sy hitahiry ny fanasitranana. Io ilay antsointsika hoe Manasitrana avy ao anaty mankaty ivelany.

Nanoratra ny Apostoly Jaona hoe.

**3 Jaona 2 Ry malala. mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie hianao. tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany.**

#### **MAHAFANTATRA TSARA NY FANAHY**

---

Zava-dehibe ny mahafantatra tsara ny Fanahy satria miankina amin'ny fahasalamany ny fahasalamana'ny vatana sy ny fahombiazana eo amin'ny fiainana dia.

➔ **Ny fanahy dia ampahany ao amintsika mahasahana ny fahatsapana sy izay mety ho fihetsintsika amin'ny zavatra hitany ao anatin'ny saina na ny fihetsem-po. Izy dia:**

- **Fisainantsika – ny faritra izay misaina sy mieritreritra**
- **Fihetsempontsika – Fihetsika asehontsika vokatry ny fahatsapana**
- **Sitrapontsika – Fahavononantsika hanao ny safidy**

### **Saina. Fanahy ary Vatana**

Tsy maintsy mahalala ny maha-samihafa ny saina sy ny vatana isika mba tena hahafantarantsika tsara ny Fanahy. Zavatra telo no namoronana antsika. ary samy ilaintsika daholo ireo zavatra telo ireo mba hahalavorary ny maha-olona antsika.

Maty ara-panahy isika aloha vao nateraka indray. Tsy miasa tsara ny saintsika noho ny fahotana. Rehefa nahazo famonjena. dia velona ara-panahy isika. voahary vaovao indray ao amin'ny Jesosy Kristy. Azo lazaina amin'izay fotoana izay fa tranon'ny saina sy fanahy ny vatantsika. Raha tsarina dia:

- Saina iray isika.
- Fanahy iray isika.
- Ary miaina ao anatina Vatana iray isika.

Ny saintsika nateraka indray dia mitahiry ny ain'Andriamanitra ao anatiny. Ny saina no faritra ao amintsika afaka mahalala an'Andriamanitra. sy afahantsika mifandray aminy ary hidera Azy. Amin'ny maha-voahary vaovao antsika. lasa masina. marina ary tsisy pentina sy feno tanteraka ny saintsika.

### **Famonjena ny Fanahintsika**

Noho ny zavatra naharary antsika taloha. dia mila fansitranana ny fanahy sy ny vatantsika. Mila havaozin'ny Tenin'Andriamanitra indray ny saintsika. Mila fansitranana koa ny fihtsepontsika amin'ny alalan'ny famelan-keloka ireo izay nandra tra antsika sy ny fandraisana ny herin'ny fansitranan'Andriamanitra. Ny fanirintsika rehetra dia tokony hampibanjintsi ka ny halehibiazan'i Jesosy foana.

Famonjena ny fanahy. izany no iantsoan'i Petera izany torolalan'ny finoana izany.

#### **1 Petera 1: 9 mandray ny anton'ny finoanareo. dia ny famonjena ny fanahy.**

Ny fahamasinan'ny fanahy sy ny fahamasinan'ny vatantsika dia mihamitonbo ohatran'ny fahamasinan'ny saintsika rehefa Andriamanitra no mandray an-tanana ny fikarakarana izany

**1 Tesaloniana 5: 23 Ary Andriamaniry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka. ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika!**

## FALAHÉLOVAN'NY FANAHY

---

### Fototry ny Olana

Maro ny fototry ny olana izay miady amin'ny fanahintsika. Koa satria tsy misy olona tonga lafatra. na ny ray amandrenintsika. na ny mpiray tampo amintsika. na ny havambadintsika. dia mety ho nisy zavatra nampalahelo antsika. na mety ho nandratra antsika ara-batana mihitsy aza taminy. Ny fanilikilihina koa dia tena fototra iray miteraka falahelovana lalimpaka. Misy aza olona tena mizaka ny tsy eran'ny aina noho ny fanilikilian'ny havany na ny namany.

Izao no nosoratan'i Davida.

**Salamo 34: 19 Maro ny fahorian'ny marina;**

**Nefa Jehovah manafaka azy amin'izany rehetra izany. .**

**Jakoba 5: 13 Misy azom-pahoriana va eo aminareo? Aoka izy hivavaka. Misy faly va? Aoka izy hihira fiderana.**

#### ➤ *Fihetsika Hentirty ny Ray Amandreny*

Ny fihetsika diso masiaky ny Ray Amandreny dia mety hiteraka fahavoazan'ny fanahy ary mety hiteraka olana goavana ho an'ny zaza amin'ny fotoana isehoan'izany sy amin'ny ho avy.

**Efesiana 6: 4 Ary hianareo ray. aza mampahatezitra ny zanakareo. fa tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy.**

#### ➤ *Ny fijangajangana*

Ny fijangajangana dia mitera-doza ho an'ny fanahy ary mitondra olana ho an'ilay olona sy ny mpiara-belona aminy.

**Ohabolana 6: 32-34 Izay mijangajanga amin'ny vehivavy dia tsy ampy saina; Izay ta-hanimba tena no manao izany. Voakapoka sy afa-baraka izy Ary tsy ho afaka amin'ny tondro-molotra. Fa ny fahasaro-piaro dia mampirehitra ny fahatezeran-dehilahy. Koa tsy hamindra fo izy amin'ny andro hamaliany.**

#### ➤ *Fitiavana te-hanota*

Ny fitiavana te-hanota. toy ny fitsiriritana. ny fitiavam-bola sy ny fitiavan-toerana dia fahavalon'ny fanahy.

**1 Petera 2: 11 Ry malala. mananatra anareo aho. satria vahiny sy mpivahiny hianareo. fadio ny filan'ny nofo. fa miady amin'ny fanahy ireny;**

#### ➤ *Manota*

Ny fanotana dia mamparary ny fanahy.

**Galatiana 5: 19-21 Fa miharihary ny asan'ny nofo. dia izao: Fijangajangana. fahalotoana. fifejojejoana. fano-mpoan-tsampy. fanaovana ody ratsy. fandrafiana. fifandi-rana. adi-lahy. fiafonafonana. fifampiandaniana. fisarahana. fitokoana. fialonana. fahamamoana. filalaovan-dratsy. ary ny toy**

izany. izay lazaiko aminareo rahateo. tahaka ny voalazako fahiny koa. fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra.

## **MAMERINA AMIN'NY LAONINY NY FANAHINTSIKA IZY**

Efa nampianarina antsika ny fanasitranana ny vatana. Fa mba misy kosa va ny fanasitranana ny fanahy?

➤ *Ny Vavak'i Davida Mpanjaka*

Nivavaka ny Mpanjaka Davida ho an'ny fanasitranana ny fanahiny.

**Salamo 41: 4 Hoy izaho: Jehovah ô. mamindrà fo amiko;  
Sitrano ny fanahiko. fa efa nanota taminao aho.**

Mariho fa narary noho ny fahotany ny fanahin'i Davida.

**Psaume 6: 1-4a Jehovah ô. aza ny fahatezeranao no ananaranao ahy. Ary aza ny fahaviniranao no amaizanao ahy.**

**Mamindrà fo amiko. Jehovah ô. fa reraka aho; Sitrano aho. Jehovah ô. fa mihozohozo ny taolako.**

Ny Salamo telo amby roampolo dia tena ohatra tsara momba ny fahatoniana tian'Andriamanitra hiaintsika isanandro. Afaka mifaly toy an'i Davida isika amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fanahintsika

**Salamo 23: 1-3 Jehovah no Mpandry ahy. tsy hanan-java-mahory aho.  
Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; Mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy. Mamelombelona ny fanahiko Izy;**

### **Fanahy Milamina**

Misy Fampanantenana ho an'ny fahatonian'ny fanahy.

**Isaia 58: 10. 11 Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao. Ka mahavoky ny ory hianao. -- Dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao. Ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovanana; Ary Jehovah hitari-dàlana anao mandrakariva Sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza Sy hampahatanjaka ny taolanao; Dia ho tahaka ny saha vonton-drano hianao Sy ho tahaka ny loharanao miboiboiaka izay tsy mety ritra. .**

Raha manome sy miantra ny tsy manana isika hoy Isaia. dia hody hazavana ny haizina ao anatintsika. Hitarika antsika Andriamanitra. hampatanjaka antsika izy ary Izy no hahavoky ny fanahintsika.

### **Manasitrana ny Fanahy torotoro Jesosy**

Manasitrana ny Fanahy torotoro Jesosy. Hoy Izy.

**Lioka 4: 18 18. . Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko. Satria nanosotra Ahy history teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy history fandefasana amin'ny mpifatotra Izy.**

Sy fampahiratana amin'ny jamba.  
Hanafaka izay nampahorina.  
Hitory ny taona ankasitrahān'i Jehovah"

## NY ADY AO ANATY

---

### Ny Fanahy

Maty ara-panahy isika aloha vao mahazo Famonjena. Ny fana-hintsika sy ny vatantsika no mitondra ny fiainantsika. Tao-rian'ny fahaterahana indray. nateraky ny fanahy indray isika. Lasa voahary vaovao indray isika – fanahy vaovao.

Misy ady mahery vaika ao anatintsika ao mandra-pahasitran'ny fanahy sy mandra-panaontsika izay tena sitrapon'i Jesosy Kristy eo amin'ny fiainantsika. Hitohy foana io ady ao anaty io

Andriamanitra dia Fanahy. Tokana ihany ny azahoana fifandrain-sana Aminy: miaina sy mandeha araka ny Fanahy.

Jaona 4: 24 Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.

Jaona 3: 5. 6 Hoy Nikodemosy taminy: Hataon'ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe; moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka? Jesosy namaly hoe: Lazaike aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy. dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy.

2 Korintiana 5: 17 Koa raha misy olona ao amin'i Kristy. dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha. indreo. efa tonga vaovao ireo.

### Ny Nofo

Na dia nateraka indray aza isika ka miaina araka ny fanahy sy lasa voahary vaovao. ny vatantsika sy filan'nynofontsika dia te-hifehy antsika foana. Tsy maintsy mifidy ny hiaina sy handeha araka ny Fanahy anefa isika.

Galatiana 5: 16. 17. 24. 25 Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy. dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo.

Fa ny nofo manohitra ny Fanahy. ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa. mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo.

Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filàny tamin'ny hazofijaliana. Raha velon'ny Fanahy isika. dia aoka handeha araka ny Fanahy.

### Ny saina

Ny saina (singa iray ao amin'ny fanahy)n'ny olona mbola tsy nahazo ny fanovana ho amin'ny fanavaozan'ny saina dia tsy hahatakatra ny zavatry ny fanahy. Hadalana mantsy izany ho an'ny fisainana tsotra fotsiny amin'izao.

1 Korintiana 2: 13. 14 Izany koa no lazainay. tsy amin'ny teny ampiararin'ny fahendren'olona. fa amin'ny teny ampiararin'ny Fanahy. raha milaza zava-panahy amin'izay olona araka ny Fanahy izahay. Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony. satria araka ny Fanahy no amantarana izany.

Ny zavatra ara-panahy dia tsy azon'ny saina takarina. fa ny fanahy ihany no mahatakatra azy

➤ *Manova sy Manavao*

Tsy mainsty miova ny toe-tsaina raha te hankato sy zavatra ara-panahy isika.

Romana 12: 1. 2 Koa amin'izany mangataka aminareo aho. ry rahalahy. noho ny famindrampon'Andriamanitra. mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona. masina. sitrak'Andriamanitra. dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina. hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra. dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

Raha tsy misy ny fiovana mahery vaika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. tsy hisy mihitsy fanavaozan'ny saina na toy inona toro-marika amin'izany. Tsy ho vitan'ny ezaka ataontsika amin'ny maha-olona antsika mihitsy ny hanavao ny fisainantsika hanadinoina ny ratran'ny lasa. Ny asa fanovan'ny Fanahy Masina ihany no mahavita ny fanavaozana ny saina.

➔ **Ny Tenin'Andriamanitra ihany no afaka manova ny fisainantsika.**

- **Amin'ny alalan'ny famakiana. fianarana. ary fisaintsainana ny Tenin'Andriamanitra isanandro**
- **Amin'ny alalan'ny fihainoana ny mpampianatra izay fenon'ny Tenin'Andriamanitra. ary mampianatra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.**
- **Amin'ny alalan'ny fisaintsainana ny Tenin'Andriamani-tra mandra-piaianantsika izany ateny izany tanteraka.**

Ohatra. raha matahotra isika. vakio ny 2 Timoty 1: 7 ary hiaino

*Tsy nanome ahy fanahin'ny fahatahorana Jesosy. fa fanahin'ny hery. fitiavana ary fahendrena.*

Raha mamaky. mianatra ary misaintsaina tsara ny Tenin' Andriamanitra isika. dia ny Fanahy Masina no hanokatra ny saintsika hazahoantsika tsara izay lazainy.

Isaia 55: 8. 9 8 Fa ny fihevitrō tsy fihevitrareo. Ary ny lālanareo kosa tsy mba lālako. hoy Jehovah. Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany No hahavon'ny lālako noho ny lālanareo Sy ny fihevitrō noho ny fihevitrareo.

## FANASITRANANA NY FANAHY

---

### Ny Finoana ho an'ny Fanasitranana

Rehefa amborak' Andriamanitra ny Fisainany. dia miditra ao antsaintsika ny finoana. Io finoana io no mamoaka ny herin' Andriamanitra hanasitranana sy hamerenana indray ny fanahy amin'ny laoniny.

Toy izao ny fitenin'ny finoana:

- “Tsy meloka sy tsy azo saziana intsony aho. Amin'ny alalan'ny Jesosy. ato anatiko ny Fahamarinan' Andriamanitra!”
- “Tsy amin'ny ho avy mihitsy no tiako hahasitrana ahy. Hoy ny Tenin' Andriamanitra. “Ny dian-kapoka Taminy no nahasitrana ahy.” Mino aho fa ny fanasitranana tanteraka no hitranga amiko.”
- “Ny vatana sy ny fanahy dia mandeha araka ny Tenin' Andriamanitra-amanitra! Ny sitrapon' Andriamanitra dia ny hahombiazako amin'ny zavatra rehetra sy ho salama tsara tahaka ary hampanan-karena ny fanahiko.”

Mba hahombiazan'ny asa ho antsika sy ho an'ny hafa dia tsy maintsy atao amim-pinoana izany. amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

### Ny Famelan' Andriamanitra dia Mitondra Fanasitranana

#### ➤ Amin'ny Fotoan'ny Famelana

Rehefa nateraka indray isika tamin'ny alalan'ny fanenenana mafy ny ratsy vita sy ny finoana an'i Jesosy-Kristy. dia ho voavela avokoa ny fahotantsika taloha rehetra. Mandray ny fahamarinan' Andriamanitra isika. Noho ny tsy fahalalana. maro ny mieritreritra fa mbola meloka. tsy mahalala akory fa efa voavela heloka izy.

2 Korintiana 5: 21 Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika. mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika.

Romana 8: 1 Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin' Kristy Jesosy.

#### ➤ Aorian'ny famelana

Taorian'ny naha-Mpino antsika. ka mbola nanota isika. dia tsy maintsy mangataka famelanan-keloka malaky isika ary mifona amin' Andriamanitra fa tsy hanao intsony.

1 Jaona 1: 9 Raha miaiky ny fahotantsika isika. dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. .

Tsara loatra io andinin-Tsorata Masina io. Raha nanota isika. dia tokony hifona fotsiny amin'Andriamanitra izay hamela antsika. Tena zava-dehibe izany. satria dia maro ny olona manda ny fahotana. Toy izao ny filazany

“tsy tompon’andraikitra aho.”

- “Izany no nanaovana ahy tamin’ny izaho mbola kely.”
- “Ny vadiko no diso.”
- “Ka izany ary ny tontolo misy ahy ko.”
- “Vokatry ny tsy fananana e.”

Eo amin’ny fiaraha-monina. matetika isika ny manendrikendrika olona mba hanalana ny fahadisoantsika. Natao ao an-tsaintsika fa ny tontolo iainantsika antsika no mamolavola antsika. Nefa tsy izany Tenin'Andriamanitra.

Tokony ho tompon’andraikitra isika amin’izay zavatra ataontsika. miaiky izany ary mifona ny fahotana amin'Andriamanitra. Amin’ny finoana. dia nandray am-pitokiana ny famelan-keloka isika.

### **Amin'ny alalan'ny Famelana ny Hafa**

#### **Zavatra telo loha no isehoan’ny Famelana:**

- **Ny hafa**
- **Isika**
- **Andriamanitra**

Matio 6: 14. 15 Fa raha mamela ny fahadisoan’ny olona hianareo. dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan’ny olona hianareo. dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo.

Mahazo fanasitrana ny Fanahintsika rehefa mamela ny hafa isika. Ny famelana ihany no fomba tokana hahatongavana amin’ny tanjona iray.

Matetika isika maheno olona miteny hoe. “tsy mendrika ny havela ny helony.” na “tsy miaiky mihitsy izy fa diso!”. Tsy nametraka fepetra mihitsy Andriamanitra alohan’ny hamelantsika. Angamba mety tsy ho tsapany fa meloka izy. Mety tsy te-hahazo famelana angamba izy. Mitovy foana izany ho antsika.

#### **➤ Mendrika Antsika ny Fahafahana**

- ➔ **Na dia tsy mendrika ny havela heloka aza ny olona diso. dia mendrika ny hialan’ny vesatry ny fanagejana kosa anefa izy. ary ny lala-tokana amin’izany dia ny famelan-keloka.**

Ohatra. nisy nanolana hianao tamin’ny mbola kely. kanefa tsy hiaiky mihitsy ny fahadisoany ny mpanolana. Aza dia maniry

ny hahita azy hosaziana. na hijaly hianao. Aza dia mitady antony hanamarinana fa tena voa mafy hianao

Raha tsy mamela azy isika. dia toy ny mandrisika azy handratra anaty antsika foana. mandavan-taona amin'ny alalan'ny fitadidiana mandindona antsika ao an-doha ao. Dia ohatran'ny hoe mbola miaina ilay toe-javatra foana isika.

► **Manana zo goavana isika. Mendrika ny afaka amin'ny gejan'izany faharatrana izany isika.**

Noho izany. mamela ny helony! Ataovy eo am-pelatanan' Andriamanitra ny zava-drehetra dia mandehana am-pahatoniana.

## Ny Fankatoavana

Mandidy antsika hamela heloka Jesosy.

Matio 18: 21. 22 Dia nanatona Petera ka nanao taminy hoe: Tompoko. impiry moa no hanotan'ny rahalahiko amiko. ka havelako izy? Hatramin'ny impito va?

Fa hoy Jesosy taminy: Tsy lazaiko aminao hoe: Hatramin'ny impito. fa hatramin'ny impito amby fito-polo. Efesiana 4: 32 ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo. ka hifampiantra sy hifamela heloka. tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy.

Marka 11: 25 Ary raha mitsangana mivavaka hianareo. ka misy olona anananareo alahelo. dia mamele ny helony. mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.

Araka ny didin'i Jesosy. dia tsy maintsy mamela ny hafa isika. Afaka mamela isika satria Jesosy izay miaina ao anatintsika dia mamela. Tsy hoe rehefa te hamela isika dia memela satria safidy izy io. fa Andriamanitra dia mandidy antsika mihitsy hanao izany foana.

## Ny Tena Famelana

Afaka mahazo ny fanasitranan'ny fanahy isika rehefa tsy manana kakay amin'olona

Efesiana 4: 26. 27 Tezera. fa aza manota; ary aoka tsy ho trtry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.

Filipiana 3: 13 Ry rahalahy. tsy mbola ataoko fa efa nahazo ny tenako; fa zavatra iray loha no ataoko; manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha.

Rehefa mbola mikiry biby tsy hamela sy ho tezi-dava isika. dia misokatra midanadana ho an'i satana ny varavarana hamelezany ny vatantsika. saintsika ary ny fihetsepontsika.

Rehefa avy namela heloka. dia afaka mandray ny herin'ny fanasitranan'i Jesosy ao am-pontsika isika. Afaka voavonjy amin'izay ny fanahintsika torotoro teo.

**Lioka 4: 18 Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko. satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy. Sy fampahiratana amin'ny jamba. Hanafaka izay nampahorina...**

Raha mbola manohy miresaka ny zava-dratsy niseho tany aloha isika ary ny ratra sy ny hatezerana sy ny lonilony no mbola ambetin-dresantsika. midika izany fa mety mbola tsy namela tanteraka ireo olona tokony havelantsika isika ka dia mahazo vahana ho azy ilay fahavalantsika hamelatra izany zavatra mampalahelo izany eo amin'ny fanahintsika indray.

Rehefa namela isika. dia tokony hiezaka mafy mba tsy hisaintsaina intsony izany zavatra efa lasa izany aloha. ary amin'ny farany dia hotsapantsika fa tsy hoe namela heloka fotsiny isika fa namela isika ary dia hadinontsika tanteraka ilay ratra tao amintsika.

### **Fakàna aina sy fanavaozana**

Afaka mahazo fansitranana ho an'ny fanahintsika isika amin'ny fakàna aina sy ny fanavaozana. Matetika dia drodroky ny asa aman-draharaohan'ny fiainana andavanandro ny fanahintsika. Be herehIna loatra isika ka tsy manana intsony fotoana tokony hatokantsika ho an'Andriamanitra.

Na dia sarotra aza. dia tokony ho haintsika izay laharam-pahamehana eo amin'ny fiainana. Tokony hahay hanao Tsia amin'ny zavatra tsy dia manan-danja loatra. Mihaino an'Andriamanitra ary manao izay zavatra ampanaoviny.

Hoy Jesosy.

**Matio 11: 28. 29 Mankanesa atô amiko. hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako. ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo.**

Ilay nanoratra ho an'ny Hebreo dia no niteny tamintsika momba ny fidirana amin'ny fitsaharan' Andriamanitra.

**Hebreo 4: 1-3a Koa na dia mbola misy teny fikasana fa hiditra any amin'ny fitsaharany aza isika. dia aoka isika hatahotra. fandrao mba misy eo aminareo toa tsy mahatratra izany. Fa isika koa dia nitoriana filazantsara tahaka ireny ihany; kanefa ny teny izay efa reny dia tsy nahasoa azy. satria tsy niharo finoana tao amin'izay nandre. Fa isika izay nino no miditra amin'izany fitsaha-rana izany. araka ny voalazany hoe: Toy ny nianianako tamin'ny fahatezerako hoe: Tsy hiditra amin'ny fitsaharako mihitsy izy"**

Amin'ny alalan'ny finoana sy ny fitsipi-pitondrantena. dia afaka mahazo fitoniana sy filaminan'ny fanahy isika

## **Midera an'Andriamanitra noho ny fahasitranantsika**

Rehefa nositranin' Andriamanitra ny fanahintsika. aoka isika hahay hisaotra sy hitsaoka azy amin'ireo Teny Fiderana

Psaume 103: 1-5 Misaora an'i Jehovah. ry fanahiko; Ary izay rehetra ato anatiko. misaora ny anarany masina. Misaora an'i Jehovah. ry fanahiko; Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra. Izay mamela ny helokao rehetra. Izay manasitrana ny aretinao rehetra. Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka. Izay manarona famindrampo sy fiantrana anao. Izay mahavoky soa ny vavanao; Ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery.

Ny fiderana dia fanehoantsika ny finoana. Rehefa nankato an' Andriamanitra tamin'ny sehatra rehetra nianarantsika isika. ka nangataka Taminy tamimpinoana ny fanasitra-nana ny fanahintsika. dia inoantsika tokoa fa nahavoaray izany tanterana na ny vatantsika na ny fanahintsika.

Marka 11: 24 Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo. dia minoa fa efa nandray hianareo. dia ho azonareo izany.

► **Deraintsika Andriamanitra noho ny nahasitranany ny vata sy ny fanahintsika. ka hahatonga antsika indray tsy misy tsiny tahaka ny namoronany antsika hitovy Aminy – vatana sy fanahy**

Tahakan'inona moa izany hafaliana rehefa mahafantatra fa sitrana avy any anaty mankaty ivelany isika! Koa satria sitrana ny fanahintsika. tsy hisy toerana ho an'ingahy satana intsony. na varavarana hivoa hafahan'ny aretina miditra amin'ny vatantsika.

Afaka miaina ara-pahasalamana amin'zay isika. ary afaka manohy manasitrana am-pinoana ny hafa koa. Izany no tena sitrak' Andriamanitra! Vokatry ny Fifanekena! Véritablement. tena nasehony mibaribary fa Izy no Jehovah Rapha. Ilay Andriamanitra Mpanasitrana

**Naoty:** raha mila fanazavana fanampiny momba an'io. vakio  
*Image d'une Nouvelle Créature* par A. L. et Joyce Gill.

## **FANONTANIANA FAMERENAN-DESONA**

---

1. Lazalazao ireo zavatra telo mamaritra ny fanahy.
  
  
  
2. Amin'ny teninao manokana. lazalazao ny ady eo amin'ny fanahy sy ny saina.
  
  
  
3. Ambarao ahoana ny fomba azahoana ny fanasitranana ny fanahy.

## Lesona Fahasivy

### **Ny Fanahy Masina sy ny Fanomezany**

#### **FISEHOAN'NY FANAHY MASINA**

---

Iray amin'ny lisitry ny fanozan'ny Fanahy Masina ao amin'ny 1 Korintiana 12. ny fanomezana ny fanasitranana. Maro izy ireo noho ny hamaroan'ny fanomezana hafa izay miaraka miasa kanefa ny asan'ny fanasitranana ihany no iasantsika.

Mampiseho ny asany ny fanomezan'ny fanasitranana rehefa miasa amin'ny heriny rehetra ny Fanahy Masina ao amin'ireo mpino feno an'izany Fanahy Masina izany. Fanomezan'ny Fanahy Masina izany fa tsy antsika. Fantsona ampiasainy fotsiny isika hiampitan'izany fanomezana izany amin'ireo izay mila azy.

Rehefa tena miray tsara amin'ny Fanahy Masina isika. ka mahatsiaro fa mila ny fanomezana. dia hiasa ho azy io fanomezana io ao anatintsika.

#### **Ny Olona ao amin'Andriamanitra**

► **Iray ihany Andriamanitra. nefo olona telo miavaka tsara ihany koa. Ny singa tsirairain'Andriamanitra dia mitovy ary samy manana ny maha-Andriamanitra feno Azy izy Telo ireo. Misaraka tsara Izy ary samy manana ny andraikiny sy ny maha-Izy Azy avy.**

Ny Fanahy Masina. tahaka ny Ray sy ny Zanaka. dia te-hanana fifandraisana ankaiky mafy amin'ny mpino tsirairay

2 Korintiana 13: 14 Ho aminareo rehettra anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy. Tompo sy ny fitiavan'Andria-manitra ary ny firaisansa amin'ny Fanahy Masina!

Ny teny grika "Koinonia" no nandikan'i Paoly ny "Firaisansa amin'ny Fanahy Masina". izay midika fikambanana na fandraisana anjara. Tsy hoe akory mikambana amin'ny Fanahy Masina isika fa koa mandray anjara tanteraka ery mifandray aminy.

#### **Mpanampy na Mpampionona**

Arak'i Jaona. andininy efatra samy hafa no isehoan'ny Fanahy Masina ho Mpanampy. Ny dikanteny Louis Second dia mampiasa ny teny hoe. Mpampionona. Ny teny grika nandikana azy dia "Parakletos" izay midika hoe "voaantsso ho eo ankaikiny". Izany hoe Mpanelanelana na Mpanelontsaina.

Ny Fanahy Masina dia antsoina ho Mpanampy antsika. hiaraka amintsika. ary hifandray amintsika. Miditra an-tsehatra izy. mankahery. ary mpampionona.

Nahagaga ireo mpianany i Jesosy raha niteny taminy fa tombontsoa ho azy ireo ny handehanan'i Jesosy. Noho izany. tokony isika hanome lanja sy hankafy ny fanatrehan'ny Fanahy Masina antsika mihoaatra noho ny hoe mandeha an-tongotra miaraka amin'Jesosy Kristy isika.

**Jaona 16: 7** Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho. dia tsy ho avy atô aminareo ny Mpananatra; fa raha handeha Aho. dia hirahiko ho atô aminareo Izy.

Araka ny Tenin'i Jesosy ao amin'ny Jaona 14: 15. Jaona 14: 26. et Jaona 15: 26 hisolo toerana azy ny Fanahy Masina. hampianatra antsika ny zavatra rehetra. hamerina amintsika ny zavatra nolazainy. ary hitoetra amintsika mandrakizay.

## **MIANATRA NY HAHAFANTATRA AZY**

---

Na dia manome lanja ny fotoana iarohana amin'ny Ray sy ny Zanaka aza isika rehefa midera sy mivavaka dia tokony hanao toy izany koa amin'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ho toy ny Mpanampy. Mpampionona. Mpanolotsaina. Mpampianatra ary Mpitarika eo ankaikintsika.

Fatratra ny herin'ny Fanahy Masina. ngeza ary tsy azo saintsainina akory. Kanefa dia malefaka kely koa izy. mpihantra. mahate-ho tia. mety ho tohina sy malahelo noho ny tsy firaharahiana azy na noho ny tsy fankatoavana ary ny ota.

### *> Mitoetra ao Anatintsika*

Koa satria niasa teto an-tany amin'ny maha-olona Azy Jesosy. dia eo amin'ny toerana iray ihany no nahitana Azy. Nahazo tombony izany isika amin'izao fotoana izao satria ny Fanahy Masina sy Jesosy dia miara-mitoetra ao amitsika tsirairay avy.

**Jaona 14: 16. 17** Ary Izaho hangataka amin'ny Ray. ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay. dia ny Fanahy fahamarinana. Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina. satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy. satria mitoetra eo aminareo Izy. ary ho ao anatinareo.

### *> Mampianatra antsika*

Mpampianatra antsika ny Fanahy Masina. .

**1 Korintiana 2: 13** Izany koa no lazainay. tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olona. fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy. raha milaza zavapanahy amin'izay olona araka ny Fanahy izahay.

Ny Fanahy Masina no mampiteny antsika ny zavatra hotenenina amin'ny fotoan-tsarotra.

**Lioka 12: 11. 12** Ary raha mitondra anareo ho ao amin'ny synagoga sy ny mpanapaka ary ny manam-pahefana izy. dia aza manahy izay havalinareo. na izay holazainareo; fa ny Fanahy Masina no hampianatra anareo amin'izany ora izany izay mety holazainareo.

➤ *Manome ny Hery*

Ny hery entintsika miasa dia ny herin'ny Fanahy Masina.

Asa 1: 8a Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo...

➤ *Manome Fiahiana*

Manome antsika ny Fiahiana ny Fanahy Masina.

Asa 4: 31b dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana.

➤ *Mitarika antsika*

Mitarika antsika izy.

Lioka 2: 26a Ary efa nambaran'ny Fanahy Masina taminy...

Lioka 4: 1a Ary Jesosy feno ny Fanahy Masina dia niveri-na avy tany Jordana. ary nentin'ny Fanahy tany an-efitra...

Asa 13: 4a Ary rehefa nirahin'ny Fanahy Masina...

Asa 16: 6a Ary rehefa noraran'ny Fanahy Masina ...

➤ *Manome Fitiavana*

Ny Fanahy Masina no manome ny fitiavan'Andriamanitra maro antsika.

Romana 5: 5 ary ny fanantenana dia tsy mampahame-natra. satria ny Fanahy Masina. Izay nomena antsika. no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika.

➤ *Fahamarinana. Fahatoniana ary Hafaliana*

Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. manana ny Fahamarinana. Fahatoniana ary Fifaliana isika.

Romana 14: 17 Fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy amin'ny fihinanana sy ny fisotroana. fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina.

**Antoky ny Fanavotana**

Ny Fanahy Masina no antoky ny lovantsika.

Ephésiens 1: 13. 14 Ao aminy koa hianareo. rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana. dia ny filazantsara famonjena anareo. eny. ao aminy koa hianareo. rehefa nino. no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana. Izany Fanahy izany no santatry ny lovantsika ho amin'ny fanavotana ny olona izay nalainy ho an'ny tenany. ho fiderana ny voninahiny.

Efesiana 4: 30 Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana.

## Fisehoan'ny Fanomezam-pahasoavana

Nanome antsika Fanomezana sivy ny Fanahy Masina. Ny sasany amin'izy ireo dia misy ifandraisany mivantana amin'ny fanasitranana ny marary. Afaka mianatra mampiasa izany Fanomezana izany isika mba hahomby kokoa amin'ny asa.

**1 Korintiana 12: 1. 7-10 Ary ny amin'ny zava-panahy. ry rahalahy. dia tsy tiako tsy ho fantatrareo.**

- ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena.
- ary ny anankiray teny fahalalana. araka izany Fanahy izany ihany.
- ary ny anankiray finoana. amin'izany Fanahy izany ihany.
- ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana. amin'izany Fanahy iray izany ihany.
- ary ny anankiray ny manao fahagagana.
- ary ny anankiray ny maminany.
- ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa.
- ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra.
- ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

Ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina amin'ny fiainantsika dia mariky ny fanatrehany antsika. Fady ny mampiasa azy ho enti-mieboeo. Amim-pahatonoana sy fahanginana fa tsy am-pitabatabana no ampiasana azy mba hanehoana ny fitiavan'Andriamanitra an'ity tany feno fangirifiriana ity.

Amin'ny ity fizarana manaraka ity. hianatra Fanomezam-pahasoavana enina sy ny fifandraisany amin'ny fanasitranana isika

## **FANAVAHANA IREO FANAHY**

---

### **Famaritana**

► **Ny fanovahana ny Fanahy dia fahitana mahatalanjona ao amin'ny tontolon'ny fanahy. Asehony ny karazana fanahy ao ambadiky ny olona iray. na tranga iray. na asa iray. na hafatra iray. Ny fahalalana ao amin'ny saintsika izay tonga noho ny fisehoana mahatalanjona momba ny fototra. ny natiora. sy ny asan'ny fanahy.**

Misy faritra telo ao amin'ny tontolon'ny fanahy azontsika faritana araka ny asan'ilay fanomezam-pahasoavana

- Ny Fanahin'Andriamanitra na ny anjeliny
- Ny Fanahin'olombelona
- Ny fanahin'ny satana sy ny demoniany

## Fanahin'ny Faharofiana

Matetika. ny fanahy demoniakan'ny faharofiana no tompon'antoka amin'ny aretin'ny olona. Misy ohatra ny fanahin'ny homamiadana. ny aretin'ny vanintaola. ny fahavinirana na ny falahelovana. Amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny fanahin'ny fanavahana ny fanahy. dia hasehon'ny Fanahy Masina na tondroiny mihitsy ny fototry ny olana marina. mba hahafaka syahasitrana ilay olona

Lioka 11: 20 Fa raha ny rantsan-tan'an'Andriamanitra no amoahako ny demonia. dia tonga aminareo tokoa ny fanjakan'Andriamanitra.

## Ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana

Rehefa tarihin'ny Fanahy Masin'Andriamanitra ny olona iray. ny fisehoan'ny fanomezana hampiavaka ny fanahy dia tonga amin'ny alalan'ny fahatsapana na eritreritra. izay hampiseho sy hampiavaka ny anaran'ilay fanahy mahatonga ny olana.

Matio 9: 32. 33 Ary rehefa nivoaka ireo. dia indro. nisy lehilahy moana anankiray izay demoniaka nentin'ny olona tany amin'i Jesosy. Ary rehefa navoaka ny demonia. dia niteny ilay moana; ary gaga ny vahoaka ka nanao hoe: Tsy mbola nisohy toy izao tamin'ny Israely.

Mba hampandeha tsara ny asa ao amin'ny tontolon'ny fanahy. tokony hahalala tsara ny fitsinjaran'ireo fanahy ireo isika. Amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana. hitarika antsika ny Fanahy Masina ka hanome antsika ny hery.

## TENIN'NY FAHALALANA

---

### Famaritana

► Ny tenin'ny fahalalana dia fanehoana mahatalanjona avy amin'ny Fanahy Masina ny zavatra miseho ankehitriny na tamin'ny lasa. momba ny olona iray. na fisehon-javatra iray izay tsy hita amin'ny fisainana tsotra. Io fanomezana io dia manome fahalalana avy amin'Andriamanitra izay tsy azo fantarina amin'izao.

### Jesosy sy ilay Vehivavy Samaritana

Ao amin'ny tantaran'ilay vehivavy Samaritaine. hain'i Jesosy tamin'ny alalan'ny Tenin'ny fahalalana fa nanambady in-dimy ravehivavy. ary ny vadiny amin'izao dia tsy vita mariazy.

Jaona 4: 18 fa efa nanam-bady indimy hianao. sady tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny; marina izany voalazanao izany.

Ny fahalalana momba an-dravehivavy dia tsy tonga tao amin'i Jesosy amin'ny maha-zanak'Andriamanitra Azy. fa noho izy nampiasa ny maha-Zanaka Azy tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina.

## **Tenin'ny Fahalalana ho an'ny Fanasitranana**

Matetika rehefa manao fanasitranana. dia mamoaka tenin'ny fahalalana iray momba ilay aretina Andriamanitra. Indraindray ho an'ny olona manokana. ary indraindray ho an'olona maro.

Mety ho fantatra izy amin'ny alalan'ny anaran'ilay aretina. na amin'ny alalan'ny faritra marary. na amin'ny anaran'ny farity ny vatana izay anehoan'Andriamanitra ny fanasitranana amin'io fotoana io.

## **Ahoana ny ahatongavany**

Maro ny fomba ahatongavan'ny tenin'ny fahalalana amin'ny asan'ny fanasitranana.

- Avy amin'ny fahatsapana hafahafa. izay matetika toy ny tsindry na toy ny zavatra manindrona
  - Indraindray. tsapa amin'ny alalan'ny faharariana kely
- Ny tenin'ny fahalalana dia mety ho teny. na eritreritra. izay milazalaza ilay aretina
- Ny anaran'ilay aretina
  - Ny anaran'ny faritra isehoany amin'ny vatana.

Ny tenin'ny fahalalana dia mety ho tonga koa amin'ny alalan'ny fahitana ny farity ny vatanna izay mila fanasitranana.

## **➤ *Fisehoan'ny Olona Marary***

Indraindray. asehon'Andriamanitra ny mombamomba ilay olona na ilay olona izay isehoan'ny fanasitranana mihitsy. Miseho izany amin'ny alalan'ny herin'ny fisintonana mankany amin'ny efitra iray. na lalankely na amin'ny paozin'ilay olona.

Taloha. mety hiseho toy ny hazavana izany. na taratra kely na fahatsapana hafa izay misarika ho eny amin'ny olona iray voafaritra tsara.

Indraindray. asehon'Andriamanitra ny anaran'ilay olona na mety koa izy hanome toromarika. ka izay no hitarika ny Fanahy Masina amin'ny fanasitranana.

## **➤ *Fientanan'ny Finoana***

Rehefa manatanteraka fanasitranana manokana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny tenin'ny fahalalana. ka tonga dia miteny io olona io hoe izy no izy. miasa avy hatrany ny finoana tanteraka ny fanasitranana

➤ *Fampitandremana  
mikasika ny Fanahy efa Mahazatra*

Ny olona miasa amin'ny ity Fanomezam-pahasoavana ity tokony hitandrina rehefa mandray ny Tenin'ny fahalalana. fa tsy tokony hihaino ny fanahy efa mahazatra. Ny fomba tsotra hanavahana ny fanahy mahazatra dia ny fijerena izay te hisalotra ny voninahitra noho ny asa vita.

- Ilay olona manao ny asa ve dia te-hanintonan y fifantohana ho any aminy sy ny fahaizana?
- Lasa mpanatrika fotsiny ve sisa ka maka fy ny fampisehona ny olona?
- Moa ve ny Tenin'ny fahalalana mba mampakatra ny finoana an'Andriamanitra ambonimbony sa ilay mpanao ny asa no asandrany?

Tsy hitondra voninahitra velively ho an'olona ny Fanahy Masina. fa ho Andriamanitra irery ihany!

**Vonona ny Handroso**

Raha misy olona mianatra ny hanao ny asa amin'ny fampiasana ny tenin'ny fahalalana ka maharay fisehoana manokana avy amin'ny Andriamanitra. tokony hiroso amim-pinoana izy. ary hanonona ity teny ity.

- Tokony ho vonona ny hoesoina isika raha manao diso
- Tsy tokony hampihemotra antsika ny fahatahorana na ny tsy fahombiazana
- Tsy maintsy mianatra ny ho mora mahatsapa ny Fanahy Masina isika.
- Tsy maintsy mankato an'Andriamanitra isika. mandeha am-pinoana miaraka Aminy ary manome voninahitra Azy ao anatin'ny fanasitrana.

**TENIM-PAHENDRENA**

---

**Famaritana**

- ➔ **Ny tenim-pahendrena dia fisehoana mahatalanjona omena ny mpino. Ny tenim-pahendrena dia fahendren'Andriamanitra mampisy asa mifototra amin'ny fahalalana voajanahary na mahata-lanjona.**

- Ho an'ny fiainantsika sy ny asantsika
- Hotanterahana izao dia izao na amin'ny ho avy
- Amin'ny fomba fiasa ho an'ny filana sasany

Miseho amin'ny endrika maro ny Tenin'ny fahendrena: feo mibitsika ao anaty. amin'ny alalan'ny fahitana kanefa isika tsy

mbola matory. amin'ny alalan'nynofy rehefa matory isika. amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny feo.

### Ao amin'ny Fanasitranana

Ny Tenin'ny fahendrena dia miasa miaraka amin'ny Fanomezam-pahasoavan'ny fanavahana ny fanahy sy ny tenin'ny fahalalana. Ny Tenin'ny fahendrena dia fanehoana ny fomba fiasa amin'ny filana manokana.

Ny Tenin'ny fahendrena dia omena ho an'ny fiarovana sy ny fampianarana ary matetika dia maneho izy ahoana ny hampiharana ny fahalalana amin'ny alalan'ny tenin'ny fahalalana sy ny fanavahana ny fanahy. Afaka manome fanazavana izy amin'ny fomba fiasa sasany.

Ny tenin'ny fahendrena dia afa milaza amintsika :

- Hametraka tanana amin'ny olona
- Hanonona teny
- Hanao fahagagan'ny famoronana
- Handroaka devoly

Ny tenin'ny fahendrena dia manome antsika fahendrena mba hiasan'ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana amin'ny fomba mahomby. Manome finoana ko aizy ahazoana miasa amim-pinoana.

## FANOMEZAN'NY FINOANA

---

### Famaritana

➔ Ny fanomezan'ny finoana dia finoana mahatalanjona ho amin'ny fotoana sy antony manokana. Fanomezana hery entina hanatanteraka asa iray mahasahaha toe-javatra manokana ary ao anatin'ny fotoana manokana izy io.

### Amin'ny Fomba tena mahatalanjona

Ny fanomezan'ny finoana dia tonga amin'ny fomba mahatalanjona ary tsy avy amin'ny herin'izay mampiasa azy mihitsy.

- Tsy fomba enti-mandrefy ny finoana ho an'ny mpino tsirairay.
- Tsy ny finoana no tonga rehefa mianatra ny Tenin'Andriamanitra isika
- Tonga izy amin'ny fomba mahatalanjona araka ny filana azy ho an'ny fahagagana manokana.

### ➢ Miaraka amin'ny Fahagagana

Ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana dia azo indraindray rehefa misy fahagagana miseho. Tampoka eo. dia hitan'ilay miasa aminy ao amin'ny Sainy. ny faritra banga eo amin'ny

vatany izay ho tafaverina. Izany no fiasan'ny fanomezam-pahasoavana ara-panahin'ny Tenin'Andriamanitra.

## Ohatra

Toa nahazo ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana I Petera raha tamim-patokiana hoy izy tamin'ny ilay lehilahy malemy.

**Tsy manana aho na volafotsy. na volamena; fa ny ananako. dia omeko anao: amin'ny anaran'i Jesosy avy any Nazareta: mitsangana ianao ka mandehana! (Asa 3: 6)**

## FAHAGAGANA ARAK'ASA

---

### Famaritana

► **Ny fahagagan'ny asa dia fidirana antsehatra mahatalanjona izay ataon'ny natiora andavanandro. Fanehoana mahatalanjona ny herin'Andriamanitra izay manova. na mampihato. na mamehy ny lalanan'ny natiora izy.**

Rehefa ampiasaina izy amin'ny famerenana toy ny fahagagana ao amin'ny vatana iray. dia toy ny fanomezam-pahasoavan'ny fansitranana no fiasany.

### Famoronana Mahagaga

Matetika misy fahabangana ny vatana noho ny loza na fahasembanana hatrany ankibo na noho ny aretina. Angamba ny finoantsika tsy nitombo nahatratra ny finoana an'Andriamanitra mahavita momorona vaovao.

Ny finoana ilaintsika dia tsy maintsy miorina amin'ny fahalalantsika ny Tenin'Andriamanitra.

### Asehon'ny Teny

Tokony efa namaky. nianatra ary nisaintsaina ny tian'ny Tenin'Andriamanitra holazaina momba ny fahagagana isika. . tsy maintsy fantantsika fa hain'Andriamanitra ny zavatra rehetra.

**Matio 19: 26 Ary Jesosy njery azy ka nanao taminy hoe: Tsy hain'ny olona izany. fa hain'Andriamanitra ny zavatra rehetra.**

Nanao fahagagan'ny asa Jesosy.

**Marka 3: 3. 5b Dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tànana: Mitsangàna etsy afovoany. Dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tànanaao. Dia nahinjiny. ka sitrana ny tànany.**

Fantantsika fa niteny Jesosy fa hotohizantsika ny asa izay efa nataony. Haintsika tsara ny fampanantenan'i Jesosy.

**Marka 9: 23 Fa hoy Jesosy taminy: Hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.**

## **Tenim-Pahendrena**

### **Fanomezana Avy amin'ny Finoana**

Mety hisy Tenim-pahendrena maka endrika fahatsapana na fahitana tampoka tonga ao an-tsaintsika. Misy fahagagana arak'asa izany hataontsika amin'ny olona iray amin'ny fomba manokana. Ao amin'ny saintsika. hitantsika ny fiasan'ilay fahagagana alohan'ny tena hisehoany ara-batana.

Misosa ho azy ny finoanao manomboka eo. Tonga ao amin'ny saintsika ny fanomezan'ny finoana. Miseho ho azyamimpatokiana ny fahagagana satria tena feno ny fepetra ilain'ny finoantsika hiasany.

### **Fahagagana rehefa miasa**

Tonga dia miditra an-tsehatra avy hatrany isika amin'ny asa araka izay hitantsika nataon'ny fanahy. Izay no atao hoe fahagagan'ny asa.

Manomboka miteny ami-pitokiana isika ary mandidy ny sela vaovao. taolana n any taova hiorina indray. Mamorona isika miaraka amin'ny fanantenan'ny finoantsika mandrapahatanteraka haatramin'ny farany fahagagan'ny

### **Miasa miaraka amintsika Jesosy**

Haintsika fa miasa miaraka amintsika Jesosy toy izay nataony tamin'ireo Kristiana voalohany.

Marka 16: 20 Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitor-teny eny tontolo eny. ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy.

## **FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FANASITRANANA**

### **Famaritana**

- ➔ Ny fanomezam-pahasooavan'ny fanasitranana dia fampitana mahatalanjona ny herin'ny fanasitranan'Andriamanitra amin'ny olona izay mila fanasitranana. Faritana ho fanomezana (maro) izy satria maro ny fanomezana miasa amin'ny fanasitranana. Ny olona nahazo ny fanasitranana dia nahazo ny fanomezam-pahasooavan'ny fanasitranana.

### **Mahatalanjona**

Ny fanomezam-pahasooavan'ny fanasitranana dia tsy mitovy amin'ny siansy medikaly. . Lioka. ilay mpanoratra ny bokin'i Lioka sy ny bokin'ny Asa. dia ohatra iray. Tamin'izy nanoratra ho an'ny kolosiana. i Paoly dia nisora-tena ho mpitsabo

Kolosiana 4: 14 Lioka malala. mpanao fanafody ...

Lioka dia tao amin'ny nosy Malte niaraka tamin'i Paoly. nefa tsy misy fanambarana fa nisy olona nankany aminy. Paoly. rehefa avy nanasitrana ny rain'i Poblio. dia nitondran'ny olona marary hositrany ka dia sitrany.

Asa 28: 8. 9 Ary nararin'ny tazo sady nivalan-dra ny rain'i Poplio; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tànanana taminy. dia nahasitrana azy. Ary rehefa vita izany. dia tonga koa ny sasany izay narary teo amin'ny nosy. ka dia sitrana.

Na dia teo aza ny maha-dokotera azy. dia i ilay hery mahatalanjona no nahasitranan'I Paoly azy.

**Naoty:** Amin'ny maha-mpiasa antsika. milan y fiaraha-miasa amin'ny dokotera isika. Maro amintsika no mbola velona ankehitriny noho ny fisian'ny dokotera mandrapaha mafy orina ny finoantsika ka azahoantsika mandray ny fanasitrana avy amin'ny finoana. Kanefa aoka tsy afangaro ny siansy medikaly sy ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitrana.

Aza mandrara olona tsy hanatona dokotera mihitsy na hiteny aminy tsy hihinanany fanafodiny. Rehefa sitrana izy. dia tsy hila fanafody intsony. koa satria ny dokotera no manome azy fanafody. izy ihany no afaka mampijanona izany!

## Tanjon'ny Fanomezam-Pahasoavan'ny Fanasitrana

### Misy antony telony fanomezam-pahasoan'ny fanasitrana:

- Hanfahna ny marary.
- Hanopotehana ny asan'ny devoly ao amin'ny vatana
- Hanamafisana ny hafatry ny famonjena amin'ny alalan'ny fahagagana.

Rehefa miaraka foana amin'ny Fanahy Masina isika. dia miasa amin'ny alalantsika foana ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitrana sy fanomezan'ny Fanahy Masina hafa.

Amin'ny alalan'ny tenin'ny fahalalana. dia afaka mandray fahalalana mahatalanjona izay mampiseho amintsika fa te hanala ny olona amin'ny aretiny Andriamanitra. Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanavahana ny fanahy dia mamporisika antsika hamoaka ny devoly izay fototry ny aretina.

Amin'ny alalan'ny tenin'ny fahendrena. dia mahazo fisehoana mahatalanjona isika mba hahomby amin'ny asa izay atao ho an'ny olona. Misokatra eo anoloantsika ny zava-drehetra. Hitantsika fa manomboka ny fanasitrana na ny fahagagana. mampiakatra ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana izany. ka am-patokiana ho anombohantsika ny asan'ny fahagagana.

Rehefa mianatra miasa amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina isika ka manantena am-pinoana isika ny mba hiasany ei amin'ny fiainantsika. dia ho tsapantsika fa ho mora kokoa ny hampihatra ny fahagagan'ny asa noho ny

manome hafatra amin'ny teny na mampiasa ny fanomezana hafan'ny Fanahy Masina.

**Naoty:** *La Vie Surnaturelle à Travers les Dons du Saint-Esprit* nosoratan'i A. L. sy Joyce Gill dia fianarana mandalina ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina.

## FANONTANIANA FAMERENAN-DESONA

---

1. Lazalazao. izo moa ny Fanahy Masina. ary inona ny zavatra ataony ho an'ny fainantsika.
2. Inona ny fanampiana entin'ny "fanavahana ny fanahy" rehefa mivavaka ho an'ny marary isika?
3. Hazavao ny asan'ny tenin'ny fahendrena sy ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana rehefa miasa amin'ny fansositranana sy fahagagan'ny asa isika.

## Lesona Fahafolo

### ***Raiso ary Tazony ny Fahasitrananao***

Hianatra isika eto. ny sakana tsy afahana mandray ny fanasitranana sy ny fomba hitehirizana ny fanasitranana. Matetika ny zavatra manakana antsika tsy ho sitrana. dia ny zavatra izay mahazo alalana hiverina. kay izy indray no manapotika ilay fanasitranana.

Ny fizarana voalahany amin'ny ity lesona ity dia hamerenantsika izayefa hita. Tonga ny fotoana hifantoan'ny herintsika sy hampiharantsika izany fahamarinana izany amin'ny fiainantsika.

#### **FANAKANANA NY FANASITRANANA**

---

Misy antony ny tsy fahazoan'olona ny valin'ny fanasitranana. Tokony hanokana fotoana ho an'Andriamanitra izany olona izany mba hijerena ny antony. Tokony hitandrina izy mba tsy ho voaheloka mandritra izany fotoana izany. Tsy manameloka Andriamanitra. Manintsy Izy ary mampianatra am-pahamarianana satria tiany ho tahaka ny Zanany isika

Raha mino an'Andriamanitra noho ny fanasitranana amin'ny izao fotoana izao ianao. anontanio ny Fanahy Masina hamboraka aminao hoe inona ny antony tsy naharaisanao ny fanasitranana. Mihetseha avy hatrany ary rehefa azonao ny fanambarana avy amin'Andriamanitra amin'ny faran'ny lesona.

#### **Fanontaniana tokony hapetraka amin'ny tena ihany**

➤ *Fahotana tsy mahazo famelana*

##### ➔ **Misy fahotana tsy navelan'Andriamanitra ve tamiko?**

Miteraka faharatrana ho an'ny fanahy ny fahotana ary manokatra ny varavarana hidiran'ny fanahin'ny faharofoiana izay mitondra ny aretina amin'ny vatantsika. Mifona ny fahotana amin'Andriamanitra sy mandray ny Famelanydia tena ilaina mba hahazahona ny fanasitranana.

Jakoba 5: 15. 16 ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary. fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy. dia havela ny helony. Koa mifaneke heloka hianareo. ary mifampivavaha. mba ho sitrana hianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.

Ny fahotana tsy voavela no antony tsy mahasitrana ny aretina. Mety ho hafenin'i satana amintsika angamba io fahotana io. Miezaka isika ny hamamarin-tena. kanefa mbola mijanona ihany ilay aretina. Tsy maintsy mifona amin'ny Andriamanitra io fahotana io isikamba azahoana ny Famelany.

Matio 9: 2. 5-7 Ary. indro. nisy lehilahy anankiray mararin'ny paralysisa nandry tamin'ny fandriana nentin'ny olona teo aminy; ary Jesosy. nony nahita ny finoan'ireo. dia nanao tamin'ilay mararin'ny paralysisa hoe: Matokia. anaka; voavela ny helokao. Fa iza moa no moramora kokoa. ny manao hoe va: Voavela ny helokao. sa ny manao hoe: Mitsangàna. ka mandehana? Fa mba ho fantatrateo fa ny Zanak'olona manana fahefana eto ambonin'ny tany hamela heloka. dia hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralysisa: Mitsangàna. betao ny fandrianao. ka modia any an-tranonao.

Dia nitsangana izy ka lasa nody tany an-tranony Ary ny vahoaka. raha nahita izany. dia raiki-tahotra ka nankalaza an'Andriamanitra. Izay manome ny olona fahefana toy izany.

Raha misy fahotana ao amin'ny fainantsika. tsy maintsy mifona izany amin'Andriamanitra isika ary mandray ny famelana.

1 Jaona 1: 9 Si nous confessons nos péchés. il est fidèle et juste pour nous pardonner nos péchés et nous purifier de toute injustice.

### ➤ *Tsy mamela ny hafa*

#### ► **Efa namela ireo izay nandratra ahy ve aho? Namela ny tenako va aho? Namela an'Andriamanitra ve aho?**

Nandritra ny asako an-taonany maro. ary rehefa niresaka tamina-mpiasa maro aho. dia hitanay fa ny tsy famelana no antony voalohany tsy mampisy fanasitranan'ny olona iray.

Mora kokoa ny mamela ny hafa noho ny mamela ny tena. Mahare isika hoe. "Ahoana no dia adalabe toy izany aho? Inona loatra no dia nahatonga ahy toy izao?" matetika isika mamela ny hafa ary miandry ny fahalavorariansika.

Mamela ny tenany!

Raha misy zava-doza miseho matetika. dia manome tsiny an'Andriamanitra ny olona. "Nahoana Andriamanitra no dia mamela zavatra toy izao hahazo ahy? Andriamanitra izy! Azony natao ny tsy hahtonga izany!"

Raha misy an'izany eo amin'ny fainanao. manaova fifonana tena an-kitsim-po amin'Andriamanitra. efa hainy anie ny fihetseponao e. Izao lazaina.

*"Tompo o. tsy nahafanytatra aho. Fantatro fa Andriamanitra fitiavana Ianao. fantatro fa tia ahy mihoatra ny fahalalako izany Ianao. ankehitriny. fantako izao fa i satana. fa tsy Ianao. no tompon' antok'izao olana izao teo amin'ny fainako. Ianao no noheveriko fa ho tompon'antoka. Fa ankehitriny. mamela Anao aho ary mamestraka eo atananao ny zava-tsy mahomby amiko rehetra.*

Marka 11: 24. 25 Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo. dia minoa fa efa nandray hianareo. dia ho azonareo izany. Ary raha mitsangana mivavaka hianareo. ka misy olona anananareo alahelo.

dia mameleà ny helony. mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.

➤ *Tsy Fahamendrehana. Fahamelohana.  
Fanamelohana*

➔ **Manakana ahy tsy handray an'Andriamanitra ve ny fahatsapako Fahambaniana. Fahamelohana. fanamelohana?**

Ireto ny fitaovam-piadian'i satana tena lozabe : ''Tsy fahamendrehana. Fahamelohana. Fanamelohana''. Ny fiaikena heloka sy ny fandraisana ny famelana amin'ny alalan'ny finoana dia mahaviafafa ny fahamelohana. Raha mbola mitohy ny fahatsapana ny fahamelohana. dia tsy hafa fa avy amin'ny satana ihany no hahatsapana izany sy ny tsy fahamendrehana sy ny fanamelohana.

Amin'ny alalan'i Jesosy irery ihany no mahamendrika antsika. Isika izao ny fahamarinan' Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy. Noho i Jesosy dia manana anjara amin' Andriamanitra isika

Ho antsika. ny fahatsapana tsy fahamendrehana. dia midika fandavanany fanavotan'i Jesosy. ny fahamarinany. ary ny fifandraisantsika Aminy.

Romana 8: 1 Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy.

2 Korintiana 5: 21 Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika. mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika.

Ario any izany fahatsapana izany. Tohizo ny fitoriana ny Tenin' Andriamanitra koa mihamatanjaha.

➤ *Fanantenana Diso*

➔ **Avelako hahazo laka eo amin'ny finoana ve ny fisainana toy izao: "fanantenana sandoka". na ny fanontaniana toy izao : "mbola hositrana ve aho indray andro any" ?**

Misy fanantenana tena marina mialoha ny finoana. Tsy inona izany fa ny finoana fa hahazo izay irintsika isika amin'ny hoavy.

Rehefa mahaino na mamaky ny Tenin' Andriamanitra isika. dia toy ny voabata avy any amin'ny fahadisoam-panatenana mankany amin'ny fanantenana. Na dia izany aza anefa. raha tsy miala ny fanantenana ka mankany amin'ny finoana isika. dia mety ho lasa fanantenana sandoka fotsiny ilay fanantenana. .

Hebreo 11: 1 Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina. fanehoana ny zavatra tsy hita.

Raha mbola manantena ny fanasitrana isika. dia midika izany fa mbola tsy nahazo ny finoan'ny fanasitrana isika. na dia manantena ny hahazo izany aza afaka kelikely.

Indraindray misy olona mino fa ho sitrana izy rehefa misy fisehoan-javatra iray. Matetika anefa tsy araka ny andrasany ilay zavatra miseho ka dia manome tsiny ny tenany izy.

Nofy ny fanantenana diso tsy miditra ao amin'ny finoana. Sakana ho an'ny fanasitranana izay tian'ny satana hekentsika izany – Alaviro avy hatrany!

➤ *Fampianarana Sandoka*

► **Sao dia nisy fampianarana diso voaraiko tany aloha tany ka manakana ahy tsy ho sitrana?**

- Sitrak'Andriamanitra ny aretina.
- Ny fijaliana dia mialoha ny faharetana.
- Mampanakaiky anao amin'Andriamanitra ny aretina.
- Manome voninahitra an'Andriamanitra ny fijaliana.

Raiso daholo ny fampianarana sandoka voarainareo ary izao lazaina. "Androany hoariako daholo izany. Didiko daholo ny fisainana mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra mba hihibihary ka hivoaka ny eritreritro."

➤ *Fisalasalana sy tsi-finoana*

► **Moa misy tsi-finoana ve ao am-poko?**

Mety ho avy amin'ny fampianarana tany aloha ny tsi-finoana. na avy amin'ny fahotana mbola tsy voalamina na avy amin'ny fahadisoam-panantenana rehefa mba nino fa ho sitrana isika tany aloha. Mifanohitra tanteraka amin'ny finoana ny tsi-finoana.

Raha miady amin'ny tsi-finoana isika. dia izao vavaka izao atao. "Tompo o. ampio aho amin'ny fiziriziriko!" avy eo saintsaino ny ambaran'ny Tenin'Andriamanitra momba ny tsi-finoana.

**Marka 9: 24 Ary niaraka tamin'izay dia niantso ny rain-drazazalahy ka nanao hoe: Mino aho; vonjeo aho ho afaka amin'ny tsi-finoako!**

➤ *Matoky Loatra ny Fahatsapana Natoraly*

► **Matoky loatra ny fahatsapana natoraly loatra ve sa mba mamela ny saiko hino ny Tenin'Andriamanitra?**

Mino isika izay hitantsika. rentsika. tsapaintsika. fofonintsika. andramantsika amin'ny alalan'ny fahatsapana voajanahary. Tokony ho haintsika anefa fa ny fisehoan'ny Tenin'Andriamanitra dia marina loatra noho izay zavatra tsapantsika. Jereo ange i Tomasy. ilay be tsi-finoana e!.

Jaona 20: 24-28 Fa Tomasy. anankiray tamin'ny roa ambin'ny folo lahy. ilay atao hoe Didymo. dia tsy mba teo aminy raha tonga Jesosy. Dia hoy ny mpianatra sasany taminy: Efa nahita ny Tompo izahay.

Fa hoy kosa izy taminy: Raha tsy hitako eo amin'ny tānany ny holatry ny nohomboana. ka ataoko eo amin ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tānako. ary ataoko eo amin'ny lanivoany koa ny tānako. dia tsy mba hino aho.

Ary nony afaka havaloana. dia tafangona teo indray ny mpianany. ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy. rehefa voarindrina ny varavarana. ka nitsangana teo afovoany. dia nanao hoe: Fiadanana ho anareo.

Ary hoy Izy tamin'i Tomasy: Atehefo eto ny rantsan-tānanao. ka jereo ny tānako; ary atehefo eto koa ny tānanao. ka ataovy amin'ny lanivoako; ary aza ho isan'izay tsy mino. fa minoa.

Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hoe: Tompoko sy Andriamanitro!

Ny valentinin'i Jesosy tamin'ny Tomasy no valiny tena tsara indrindra ho antsika ankehitriny!

V. 29 Hoy Jesosy taminy: Satria nahita Ahy hianao. dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita. nefo nino!

*Andao hivavaka. "Tompo o. enga anie ka ny fampianarananao no tena ho marina ho ahy noho izay zavatra hitako. henoko. tsapako. voafofoko na nandramako. Avaelao aho hiditra lalindalina kokoa ao amin'ny totolon' ny fanahy ary hino amin'izay ny Teninao !*

## **ISALORY NY FANASITRANANA HO ENTI-MIADY**

---

### **Fantarina ny Fahavalon**

Ny devoly dia mpangalatra no sady mpamotika. Fahavalon'ny fahasalamantsika izy.

Jaona 10: 10 Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fainana. sady hananany be dia be.

Tonga toy ny liona mierona. mitady izay hopotehiny ny devoly.

1 Petera 5: 8. 9 Mahonona tena. miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany; tohero izy. ka miorena tsara amin' ny finoana hianareo. satria fantatrereo fa izany fahorianana izany dia manjo ny rahalahinareo rehetra eran'izao tontolo izao.

Fahavalon'ny vatantsika. fanahy ary saina i satana. Tokony ho fantantsika ny paikany. ary tokony ho voatosintsika izy.

### **Mahereza ianareo ao amin'i Tompo**

Tokony hianatra ho mahery isika ao amin'ny Tompo. hihazona ny fiarovana. ho vonona hatrany. vonona ny handresy amin'ny ady rehetra. Ilay mpiady mahery. apostoly Paoly. dia nanoratra ny amin'izany.

Efesiana 6: 10-13 Farany. mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian'Andriama-nitra. mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly.

Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra. fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao. dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra. Ary noho izany. dia raiso avokoa ny fiadian'Andriama-nitra. mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa. dia hahafahatra hianareo.

### Fantarina tsara ny Tsipikan'ny satana

Miezaka haka ny fahasalamantsika ny devoly amin'ny fandefasana tsipika mahamay arahina faharatsiana. ny trangan'aretina. fisainana negatifa ary fisalasalana.

Efesiana 6: 16 ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga. izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy.

Nomena ampingan'ny finoana dia nomena antsika hanoherana ny fanafihan'i satana. Ny faharatsiana. ny aretina. ny fisainana negatifa ny fisalasalana dia tsy maharesy antsika raha mbola mampiasa am-patokiana io ampingan'ny finoana io isika.

### ➤ *Fisainana tsy mahomby*

Tsy maintsy arahintsika akaiky foana ny fiasan'ny saintsika ary tsy tokony avelantsika hiditra ao ny fisalasalana. Ny fibanjinana n'i Jesosy no antoka mahomby indrindra amin'izany.

Matio 14: 27-31 Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin'izay hoe: Matokia. fa Izaho ihany.aza matahotra.

Ary Petera namaly Azy ka nanao hoe: Tompoko. raha Hianao ihany. dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho.

Ary hoy Izy: Manatòna. Dia nidina niala tamin'ny sambokely Petera ka nandeha tambonin'ny rano hanatona an'i Jesosy. Fa raha nahita ny rivotra izy. dia natahotra. ary raha vao nilentika izy. dia niantso hoe: Tompo ô. vonjeo aho!

Ary naninjitra ny tànany niaraka tamin'izay Jesosy. dia nandray azy ka nanao taminy hoe: Ry kely finoana. nahoana no niahahanhana hianao?

Rehefa manomboka tarihin'ny fihetsempo isika. ny tahotsika. ny zavatra tsy mahomby na ny tenin'olona. dia hilentika lalina isika.

### ➤ *Fitaintainana*

Ny fitaintainana. toy ny fisalasalana. dia mifanohitra amin'ny finoana. Tsy misy izany olona mandeha am-pinoana izany no sady mitaintaina! Fahotana tsotra izao ny fitaintainana. Ny fitaintainana dia midika fa tsy marina ny Tenin'Andriamanitra.

Lioka 12: 22. 29 Ary hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Aza manahy ny amin'ny ainareo. izay hohaninareo. na ny

amin'ny tenanareo. izay hotafinareo. Koa aza mitady izay hohaninareo na izay hosotroinareo hianareo. ary aza miahahanaha.

➤ *Ilaina Esorina*

Tokony hianatra hanala ny fisainana negatifa isika izao dia izao. Tsy maintsy manda ankitsirano ny fisainana ny aretina isika raha vao manomboka mitady hiditra ao an-tsaintsika izy. Nanoratra i Paoly fa tokony hambambo ny fisainana rehetra ho an'I Jesosy isika.

**2 Korintiana 10: 3-5** Fa na dia velona amin'ny nofo aza izahay. dia tsy mba miady araka ny nofo fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay. fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy; fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy. .

Tsy maintsy tazonintsika avokoa ny fisainantsika mba hifanaraka amin'ny sitrapon'ny fahamarinana nasehon'i Kristy tamin'ny Teniny momba ny fanasitranana antsika sy ny fahasalamantsika.

Ny fisainantsika dia tokony ho zatra manda ny sain-dratsy sy ny aretina izay tsy mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Tokony handa ny fisainana mitondra ny aretina isika; toy ny hoe "otran'ny ho voan'ny gripa aho izany. " Manokatra ny varavarana hidiran'ny satana ka afahany mandresy antsika izany. Raha mbola vonona foana isika hanohitra an'ny satana na inona na inona paipaikany. dia ho salama foana isika.

## **MIJORO HENTITRA MANOLOANA NY RIVODOZAN'NY FIAINANA**

---

Ao amin'ny fanoharan'ny mpamafy. efa nampitandremana isika fa rehefa naharay ny Teny nafafy tao am-pontsika isika. dia ho tonga avy hatrany. toy ireny vorona eny antsaha ireny i satana hangalatra izany teny nafafy izany.

**Marka 4: 3. 4. 14-17** Mihainoa: Indro. nivoaka ny mpamafy mba hamafy. Ary raha namafy izy. ny sasany dia voafafy teny amoron-dàlana. dia avy ny vorona ka nandany izany.

Hoy Jesosy rehefa nanazava ity fanoharana ity.

Ny mpamafy dia mamafy ny teny. Ary ireto no ilay teo amoron-dàlana. dia izay amafazana ny teny. fa rehefa nandre izy. dia avy miaraka amin'izay Satana ka manaisotra ny teny izay nafafy tao aminy. Ary tahaka izany koa. ireto no ilay voafafy teny amin'ny tany marivo ambony vatolampy. dia izay mandre ny teny ka malaky mandray izany amin'ny hafaliana; nefo tsy manam-paka ao anatiny ireny. fa maharitra vetivety foana; koa rehefa afaka izany. ka tonga izay fahorianana na fanenjehana noho ny teny. dia tafintohina miaraka amin'izay izy.

Nampitandrina Jesosy fa rehefa nahavoaray ny fahamarinana avy amin'ny Teniny isika. dia mba hoa tonga avy hatrany koa I satana hangalatra. Niteny Jesosy fa ny paipaikan'i satana

amin'ny hangalarany antsika dia hiseho amin'ny alalan'ny fampijaliana sy ny fanenjehana.

### Fampijaliana sy Fanenjehana

Inona no atao hoe Fampijaliana sy fanenjehana?

Izao no andikan'ny diksionera ireo teny ireo: tahotra. falahelovana lalina. fansasazina ara-batana tena mahery. fanerena. fanaintainana. fijaliana ary sedra enti-mamaritra ny fampijaliana. Ambarany fa ny fanenjehana dia fanatrehana tsy irina ary maha-ritra. ampiharana fanaintainana mafy. avy amin' ny fansaziana na ny fahafatesana mahakasika ny finoana.

Mahalala tsara i satana fa raha mitoetra ao amin'ny olona ny Tenin'Andriamanitra. dia tsy haharesy azy mihitsy izy. Noho izany ataony daholo ny fomba hidiran'ny fisalasalana ny Tenin' Andriamanitra ao amin'ilay olona.

Raha misy olona naharay ny Tenin'Andriamanitra momba ny fansitranana ka nisehoan'izany teo amin'ny vatany. dia andefasan'i satana ny tsipikany izy. Ampiarahany amin'io tsipikany io ny fisainana tsy mahomby rehetra ka hoy izy hoe. miverina ny aretina

Nipetraka teo an-tsambokely Jesosy tamin'ny Izy nanao ilay fanoharan'ny mpamafy tt olona maro vory teo amoron-drano-masina. Nampitandrina ny olona izy fa tonga ny fotoana hiavian'i satana haka ny Teny voafafy.

Ny androtr'io ihany fa afaka fotoana fohy kely taorian'izay. raha niampita tamin'ny sambo ry zareo. dia resintory I Jesosy.

Marka 4: 37-39 Ary nisy tafio-drivotra mahery. ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano. Ary Jesosy natory teo am-bodin'ny sambokely tambonin'ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe: Mpam-pianatra ô. tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao? Ary nifoha Izy. dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangìna. mitsahara. Ary dia nitsa-hatra ny rivotra. ka tony tsara ny andro.

### ➤ Tonga noho ny Fanoharana

Tonga ny fampijaliana sy fy fanenjehana noho ny Teny tamin'ny alalan'ny rivotra mafy be. Vao avy niteny Jesosy hoe. ho avy malaky i satana hangalatra ny voa nafafin'ny Teny ao am-pon-dry zareo. Raha tokony ho nihetsika tamin'ny alalan'ny finoana avy hatrany sy nandidy ny rivotra hijanona ry zareo. ohatran'ireo tao amin'ny fanoharana. dia izy indray no bedy.

Ireo mpanjono ireo. izay efa zatra rivotra eny ambony rano. dia nikoropaka ary natahotra ny ho faty. Bedy ry zareo satria nato-ry Jesosy ary tsy nahafantatra izay nahazo azy tao. Nofohaziny Jesosy ary dia nanome tsiny Azy izy. "Mpampianatra o. tsy mampaninona anao va izao hahafatesanay izao?"

Angamba isika koa mba nihaika an'Andriamanitra tamin'ny fampijaliana sy fanenjehana noho ny aretina hoe "dia tsy mam-paninona nao ve ny hahafatesako? Tsy mampaninona anao ve fa niverina ny aretiko?" Angamba. toy ireo mpianatra

voalo-hany. menatra isika ka dia hanome tsiny an'Andriamanitra noho ny zavatra nahazo antsika. Raha nanao izany isika. dia namela an'i satana hangalatra ny voan'ny Teny nafafy tao am-pontsika.

### ➤ “Mangina. Mitsahara”

Marka 4: 39-41 Ary nifoha Izy. dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina. mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra. ka tony tsara ny andro. Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra hianareo? Tsy mbola manam-pinoana va hianareo?

Ary natahotra indrindra izy ireo ka niresaka hoe: Iza moa Ity. fa ny rivotra sy ny ranomasinaaza manaiky Azy?

Raha afaka mangalatra ny Teny efa voaraintsika i satana. dia ho afaka mamerina tokoa ny aretina ao amintsika izy.

Rehefa mameleyantsika amin'ny rivodoza i satana. isika. tahaka an'i Jesosy. dia tokony hitsangana ao anty sambontsika dia. manonona am-patokiana sy am-pinoana ny Tenin'Andriamanitra. Raha manao izany isika. hitombo ho azy ny finoantsika. Voasedrantsika ny Tenin'Andriamanitra ary dia hitombo finoana tokoa isika eo amin'ny fiainantsika!

### Ny Fanapaha-Kevintsika

Amin'ny fotoana ahatongavan'ny tsipika mirehitry ny fampijaliana sy fanenjehana. tsy maintsy mandray fanapahankevitra isika

- Ny Tenin'Andriamanitra sa ny fomba no inoantsika?
- Ny Tenin'Andriamanitra sa ny aretina no inoantsika?
- Ny Tenin'Andriamanitra sa ny teny misy fisalasalan'ny namana no inoantsika?
- Ny Tenin'Andriamanitra sa ny tenin'ny dokotera no inoantsika?

Tsy maintsy ny Tenin'Andriamanitra no tokony hifikirantsika fa tsy izay lazain'ny dokotera. ny namana n any soritraretina. Tsy ny fampianarana na fanoroan'ny hafa no hampiorina tsara ny finoantsika amin'io fotoana io

### Tebitebin'Izao Tontolo Izao

Nampitandrina Jesosy fa ny Teny izay efa voaraintsika dia mety ho sempotra. raha mamela ny tebiteby. fisainan'izao tontolo izao hiditra ao andohantsika isika

Marka 4: 19 fa ny fiahahiana izao fiaianana izao sy ny fitaky ny harena ary ny filana ny zavatra hafa miditra. dia mangeja ny teny. ka tsy mamoa izy.

Raha misaintsaina foana ny Tenin'Andriamanitra isika. dia ho toy ny saha voatondraka foana ny fontsika ka hahavokatra.

Hiaina ao anatin'ny fandresena tanteraka isika ary dia hitosatosaka aok'izany ny tsodranon'Andriamanitra.

## **TSY MANOME TOERANA AN'i SATANA**

---

Tokony tsy avela hiditra ao amintsika mihitsy i satana amin'ny alalan'ny famelana ny fahotana any ivelan'ny fiainantsika

### **“Aza manota intsony”**

Rehefa avy nanasitrana ilay nalemy teo amin'ny onin'ny Bétesda Jesosy. izay nanana ny fanahin'ny faharofiana nandritra ny valo amby telopolo taona. niantso azy Jesosy mba hanome azy hafatra manan-danja.

Jaona 5: 14 Rehefa afaka izany. dia hitan'i Jesosy teo an-kianjan'ny tempoly ralehilahy. ka hoy Izy taminy: Indro. efa sitrana hianao; aza manota intsony. fandrao hanjo anao izay ratsy noho ny teo.

Raha mitana ota tsy nibabohana isika. na nisy fahotana tsy nifonantsika. dia manome alalana an'i devoly hitondra aretina amin-tsika isika sy hamela azy haka ny fahasitranantsika.

efesiana 4: 27 Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.

### **Aza Manome Vahana Ny Fanahy**

Ny fanahin'ny faharofiana dia mitady hirika foana hiverenany.

Matio 12: 43-45 Raha mivoaka amin'ny olona ny fanahy maloto. dia mandeha mitety ny tany tsy misy rano izy. mitady fitsaharana. fa tsy mahita. Dia hoy izy: Hody any amin'ny tranoko izay nivoahako aho; ary nony tonga izy. dia hitany fa foana ny trano sady voafafa no voavoatra. Ary dia mandeha izy ka mitondra fanahy fito hafa koa miaraka aminy izay ratsy noho izy; dia miditra ireo ka mitoetra ao; ary ny faran'izany olona izany dia tonga ratsy noho ny voalohany. Ary dia tahaka izany koa no ho amin'ity taranaka ratsy fanahy ity.

### **Aoka Hipetrahana foana Ny trano**

Tsy maintsy ipetrahana foana ao an-trano sy ao am-batana.

### **Anatr'Andriamanitra Ho an'ny Fanasitranana**

➤ *I Jesosy*

Apokalypy 3: 20 Indro. efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandòndòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana. dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy. ary izy amiko.

➤ *Ny Fanahy Masina*

1 Korintiana 3: 16 Tsy fantatrareo va fa tempolin' Andriamanitra hianareo. ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo?

➤ *Ny Tenin'Andriamanitra*

Jaona 15: 7 Raha miray amiko hianareo. ka mitoetra ao anatinareo ny teniko. dia angataho izay tianareo na inona na inona. fa ho tonga aminareo izany.

➤ *Ny Finoana*

1 Jaona 5: 4 Parce que tout ce qui est né de Dieu triomphe du monde. et voici la victoire qui triomphe du monde: notre foi.

Efa toetra lavorarin'Andriamanitra ny fankahalana fahotana. Raha mamela ny fahotana hitoetra ao amin'ny fainantsika isika. dia hiala amintsika ny fiarovan'Andriamanitra ka hanokatra ny varavarana ho an'i satana mba hangalatra ny fahasalamantsika sy ny fahatonian'ny saintsika.

---

## **MIADY MBA HITEHIRIZANA NY FAHASITRANANAO!**

---

### **Tafina Ny Fiarovana**

Tazony mafy ny fiarovana ny finoana ary mivonona foana hamono ny afon'ny te-handoron'ny fisalasalana sy ny tsi-finoana avy amin'ny devoly.

### **Sitrak'Andriamanitra ny Fahasalamana**

Afaka miaina tsara ianao ao anatin'ny fahasalamana raha fantatrao afa tena sitrak'Andriamanitra ny hasastrana anao.

Asa 10: 38 Izay nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Ma-sina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahastrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly. satria Andriamanitra nom-ba Azy.

3 Jaona 2 Ry malala. mangataka aho mba hambinina sy ho salama tsara amin'ny zavatra rehetra anie ianao tahaka izay anambinana ny fanahinao.

### **Hentitra ao amin'ny Finoana**

Tokony ho hentitra isika amin'ny finoana izay toriantsika. Izay toriantsika no tokony ho fainantsika. ataontsika ary tenenintsika.

Hebreo 4: 14 KOA satria isika manana Mpisoronabe lehibe. Izay lasa namaky ny lanitra. dia Jesosy. Zanak'Andriamanitra. aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. Romana 10: 6-10Fa ny fahamarinana izay avy amin'ny finoana kosa manao hoe:.. . Aza milaza ao am-ponao hoe; Iza no hiakatra any an-danitra?" dia ny hampidina an'i Kristy izany. ) na:.. Iza no hidina any amin'ny lalina?" (dia ny hampiakatra an'i Kristy avy any amin'ny maty izany. ) Fa ahoana no lazainy?.. Eo akaikinao ny teny. dia eo am-bavanao sy ao am-ponao". dia ny teny ny amin'ny finoana. izay torinay; satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao hianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty. dia hovonjena hianao. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana. ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena.

Tokony hitandrina isika amin'ny izay teny aloakin'ny vavantsika mba tsy hiteniteny foana fandrao manimba ny fijoroantsika vavolombe-

lona. Hentitra isika amin'ny finoana sy ny Tenin'Andriamanitra hilaza foana izay tenenin'ny Tenin'Andriamanitra.

### Torio ny Tenin'Andriamanitra

Aza miandry izay fisehon'ny aretina. fa ny mifanohitra amin'izany atao. minoa foana ary ny Tenin'Andriamanitra torio.

**Joël 4: 10 Aoka izay kelikely aina hihika hoe: Mahery aho!**

2 Korintiana 4: 13 Ary satria manana izany fanahin'ny finoana izany indrindra izahay. araka ny voasoratra hoe: . Nino aho. ka dia niteny". dia mino koa izahay ka miteny;

Amin'ny voalohany dia ohatran'ny sarotra. farehefa manampazotoana isika hitory ny Tenin'Andriamanitra ka tsy misalasala. dia hiaina am-pandresena ao amin'ny Kristy isika.

### Mihoatra ny Mpandresy!

Tokony ho fantatsika fa mihoatra ny mpandresy isika!

Romana 8: 37-39 Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'lay tia antsika. Fa matoky aho fa na fahafatesana. na fainana. na anjely. na ireo fanapahana. na zavatra ankehitriny. na zavatra ho avy. na hery. na ny ambony. na ny ambany. na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao. dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tomponsika.

Na ny zava-miseho. na ny devoly na iza na iza dia tsy tokony hahasaraka antsika amin'ny fiarovan'Andriamanitra antsika. Isika ihany no afaka hahasaraka antsika. Rehefa mahalala ny Tenin'Andriamanitra tsara isika ka miaraka amin'ny Kristie foana. afaka hitahiry ny finoana isika ary ho salama foana.

Sitrapon'Andriamanitra foana ny hahasitrana antsika. ny hitehirizantsika izany, ary hahasalama antsika lalandava. Tsy maintsy mahalala isika ary manaraka ny planin'ny ady amin'ny finoana. Tokony hialantsika lavitra ny fisalasalana sy ny fahotana. Amim-pahalalana. am-pinoana. amim-panononana ary am-piasana amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra. dia hiaina ara-pahasalamana tsara isika eo amin'ny vatana sy ny fanahintsika!

### FANONTANIANA FAMERENAN-DESONA

---

1. Inona ireo zavatra telo mety hanakana ny fanasitranana ny olona ary ahoana no mety handresen'izy ireo izany?
  
2. Inona ny ifandraisan'ny fanoharan'ny mpamafy sy ny fanoharan'ny rivotra be ary inona no mety ifandraisan'izany aminao?
  
3. Ahoana ny fomba atao hiadiana amin'i satana sy hitazonantsika ny fahasitranana?